
NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • ÔKTÔBRA 2011

# Liahona



NY BOKIN'I MÔRMÔNA:
TESTAMENTA IRAY HAFA MOMBA
AN'I JESOA KRISTY



*Avy Tamin'ny alalan'ny Fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra sy ny Heriny,* nataon'i Simon Dewey

*Ny Bokin'i Môrmôna, izay navoaka tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith dia dikantenin'ireo takelaka fahiny "izay nosoratana araka ny didy ary koa araka ny fanahin'ny faminaniana sy ny fanambarana—nosoratana sy nofehezina ho an'ny Tompo izany mba tsy azo potehina—mba havoaka noho ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra sy ny heriny amin'ny alalan'ny fandikana— . . .*

*". . . Dia ny mba hampisehoana amin'ny sisa tavela amin'ny mpianakavin'i Isiraely, ny maha-lehibe ny zavatra efa nataon'ny Tompo ho an'ny razany; ny hahafantarany ny fanekempihavanan'ny Tompo, mba tsy holavina mandrakizay izy—Ary koa ny mba handresen-dahatra ny Jiosy sy ny Jentilisa fa i Jesoa no Kristy" (pejin-dohatenin'ny Bokin'i Môrmôna).*



**Tonga soa ato amin'ity Laharana Manokana ity**

Vitsy ny lohahevitra izay mendrika hanokanana laharana iray manontolo, fa iray amin'izany ny Bokin'i Môrmôna. Ato amin'ity laharana ity dia mijoro ho vavolombelona ny amin'ity boky soratra masina miavaka ity ireo mpaminany taloha sy ankehitriny ary koa ireo mpikambana manerana an'izao tontolo izao. Mifono fahagagana ny fiaviany. Porofo mivaingana momba ny Famerenana amin'ny Laoniny izany. Vato ifaharan'ny fotopampianarantsika izany. Ary nosoratana ho an'ny androntsika izany—izay mampianatra mazava sy amin'ny fomba tsotra ny fotopampianaran'i Kristy mba hanorenana ny finoantsika ary hanamafisana orina ny fianakaviantsika.

Na dia tsy hahita ny ankamaroan'ireo departemanta mahazatra fahita amin'ny *Liahona* aza ianao, dia hita ato ny Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany (pejy 4) ary ny Hafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano (pejy 46). Ireo hafatra ireo sy ireo lahatsoratra rehetra hafa dia mizara fijoroana ho vavolombelona sy fampianarana avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Manasa anareo izahay handalina ombam-bavaka ity laharana ity, handray ireo hafatra ao am-ponareo ary hizara izany—ary ny Bokin'i Môrmôna—amin'ny hafa.

# Liahona, Ôktôbra 2011



4



46

## HAFATRA


**4** **Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Ireo Fampanantenana Sarobidin'ny Bokin'i Môrmôna**
Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

**46** **Hafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano: Raha toa ka Tsy Miroanahana Isika**



**EO AMIN'NY FONONY**
Ao aloha: Sary nataon'i John Luke; *Mba Hahafantaranao,* nataon'i Gary Kapp, nahazoana lalana avy tamin'i Andriamatoa sy Ramatoa David Larsen, tsy azo adika. Ao ambadika: *Sarin'i Kristy,* nataon'i Heinrich Hofmann, nahazoana lalana avy tamin'i C.Harrison Conroy Co.




## LAHATSORATRA MANOKANA


**6 Ny Mpaminany Joseph Smith: Mpandika tenin'ny Bokin'i Môrmôna**
*Lasa mpandika teny nentanim-panahy an'ilay "boky marina indrindra ... eto an-tany", tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra ny zatovolahy iray izay tsy nandia fianarana.*

**10 Ny Zavatra Ampianarin'ny Bokin'i Môrmôna momba ny Fitiavan'Andriamanitra**
Nataon'ny Loholona Russell M. Nelson

**16 Ny Tantaran'ny Bokin'i Môrmôna**
*Ity lahatsoratra ity dia afaka manampy anao hampianatra ireo ankizy tantara manan-danja avy amin'ity boky soratra masina ity.*

**20 Zava-niseho araka ny Vanimpotoana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna**
*Fanehoana an-tsary an'ireo olona manan-danja, nanomboka tamin'ny Jaredita tamin'ny 2200 Talohan'i J.K. ka hatramin'ny fiafaran'ny sivilizasiôna Nefita 420 Taorian'i J.K.*

**22 Iza no Nanoratra ny Bokin'i Môrmôna?**
*Ny asa soratr'ireo mpaminany fahiny sy ny olona iray mpanambatra rakitsoratra nentanim-panahy ary ny mpandika teny iray tamin'ny andro farany no nahazoana ny Bokin'i Môrmôna.*

**24 Ny Bokin'i Môrmôna: Vavolombelona Iray miaraka amin'ny Baiboly**
*Indreto misy fotopampianarana fototra 14 ampianarina ao amin'ny Baiboly izay ijoroan'ny Bokin'i Môrmôna ho vavolombelona ihany koa.*

**28 Ny Fomba Fandalinana ny Bokin'i Môrmôna**
Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson
*Antony telo sy fomba telo tokony handalinana ity boky soratra masina miavaka ity.*

**32 Ny Nofin'i Lehia: Mihazona Mafy ny Anja-by**
Nataon'ny Loholona David A. Bednar
*Mampianatra antsika ny fomba hihazonana mafy amin'ny tenin'Andriamanitra ny nofin'i Lehia.*

**38 Ny Bokin'i Môrmôna: Manamafy Orina ny Finoantsika an'i Jesoa Kristy**
Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen
*Manasa antsika sy ny fianakaviantsika hametraka finoana amin'ny Tompo Jesoa Kristy ny Bokin'i Môrmôna, izay hanampy ny fianakaviantsika hahita fahombiazana.*

**47 Hira: Ireo Miaramila Roa Arivo Lahy**
Nataon'i Bonnie Hart Murray sy i Janice Kapp Perry

**48 Fampianarana Ho an'ny Androntsika**
*Mizara fahamarinana avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay afaka ny hitarika antsika amin' izao andro izao ireo mpaminany sy apôstôly velona.*

**52 Ny Bokin'i Môrmôna— Vato ifaharan'ny Fivavahantsika**
Nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson
*Ity lahateny tsotra ity, izay natao 25 taona lasa izay, dia ahitana fijoroana ho vavolombelona tsy voafetran'ny fotoana ary torolalana mahakasika ny Bokin'i Môrmôna.*






60



66


**59 Asa Masina Iray**
Nataon'i David A. Feitz

**60 Raha Tena Te-Hahafantatra Ianao, dia Hahafantatra Tokoa**
Nataon'ny Loholona Walter F. González
*Fomba efatra azonao ahafantarana fa ny Bokin'i Môrmôna dia avy amin'ny fitaomampanahin'Andriamanitra.*

**65 Sary: Feo avy any amin'ny Vovoka**


**66 Nisy Afo Nirehitra Tao Anatiko**
Nataon'i Michael R. Morris
*Ny andro nahaizan'i Eduardo Contreras namaky teny no andro nahazoany fijoroana ho vavolombelona koa momba ny Bokin'i Môrmôna.*

**68 Ny Fomba Nanovan'ny Bokin'i Môrmôna ny Fiainako**

**72 Ho an'ny Fiteny sy ny Olona Rehetra**
Nataon'i Lia McClanahan
*Ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany manerana an'izao tontolo izao dia tsy misy zavatra mihoatra noho ny fananana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny fitenin-drazany.*

**76 Fanontaniana Fametraka Matetika mikasika ny Bokin'i Môrmôna**

**80 Fijoroana ho vavolombelona iray, Fanekempihavanana iray ary Tenivavolombelona iray**
Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland
*Mijoro ho vavolombelona momba ity boky ity aho ka manao izany amim-pahatokiana toy ireny hoe nahita ireo takela-bolamena ireny niaraka tamin'ireo Vavolombelona Telo sy Valo.*

*Maro amin'ireo sary ao amin'ity laharana ity no ahitana ny fampisehoana ny Liahôna izay azon'i Lehia. Tsy miafina ireo Liahôna ireo ary mety tsy dia tena hitovy amn'ity iray hita etsy ambony ity, saingy ianao sy ny fianakavianao dia afaka hifaly hitady ny isan'ireo Liahôna hitanareo ato amin'ity laharana ity.*


**BOKY ÔKTÔBRA 2011 BOKY. 11 LAH. 3**
**LIAHONA 09690 654**

Gazetiboky ôfisialy iraisam-pirenena an'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany



**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen



**Mpanomana ny fanontana:** Paul B. Pieper
**Mpanorohevitra:** Keith R.Edwards, Christoffel Golden Jr., Per G. Malm

**Tale mpitantana:** David L. Frischknecht
**Talen'ny Fandrindrana sy ny Fanontana:** Vincent A. Vaughn
**Talen'ny Fandrafetana Sary:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Jenifer L. Greenwood, Adam C. Olson
**Mpiara-miasa akaiky ao amin'ny Famoahana:** Susan Barrett, Ryan Carr
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanontana:** Brittany Beattie, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, LaRene Porter Gaunt, Larry Hiller, Carrie Kasten, Jennifer Maddy, Lia McClanahan, Melissa Merrill, Michael R. Morris, Sally J. Odekirk, Joshua J. Perkey, Chad E. Phares, Jan Pinborough, Janet Thomas, Paul VanDenBerghe, Marissa A. Widdison Melissa Zenteno

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Scott Van Kampen
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Tompon'andraikitra ambonin'ny Hai-tao:** C. Kimball Bott, Thomas S. Child, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Scott M. Mooy
**Mpiara-miasa amin'ny Fandrafetana Sary sy ny Famokarana Sary:** Collette Nebeker Aune, Howard G. Brown, Julie Burdett, Reginald J. Christensen, Kim Fenstermaker, Kathleen Howard, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Ty Pilcher
**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick
**Talen'ny Fanapariahana:** Evan Larsen

**Tompon' andraikitry ny fandikan-teny:** Ifano Rasolondraibe
**Mpandika teny:** Rakotondrasoa Ziva Lalarivelo, Rabemalanto Lucia, Raoelimananiaina Barège

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Alefaso amin'izao adiresy izao ny taratasy sy ny fanontaniana *Liahona*, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA; na alefaso e-mail amin'ny: liahona@ldschurch.org.**

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)




© 2011 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.



**For Readers in the United States and Canada:** October 2011 Vol. 11 No. 3. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $2.00 per year; Canada, $2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send address changes to Salt Lake Distribution Center, Church Magazines, PO Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368.



**Nataon'ny Filoha
Thomas S. Monson**

# Ireo Fampanantenana Sarobidin' NY BOKIN'I MÔRMÔNA

Taona maro lasa izay dia nijoro teo anilan'ny fandrian'ny raim-pianakaviana tanora iray izay teo ambavahaonan'ny fahafatesana aho. Nijoro teo akaiky teo ny vadiny sy ireo zanany roa izay nitaintaina. Noraisiny tamin'ny tànany ny tànako, ary tao anatin'ny fijery feno fitalahoana izy no nilaza hoe: "Eveka, fantatro fa efa ho faty aho." Lazao ahy izay mitranga amin'ny fanahiko rehefa maty aho."

Nanao vavaka mangina aho mba hahazo ny fitarihan'ny lanitra ary tsikaritro teo amin'ny latabatra kely teo akaikin'ny fandrianany ny triptika iray. Noraisiko ilay boky ary dia navadiko ireo pejy. Tampoka teo dia tsikaritro fa sendra teo amin'ny toko fahaefapolon'ny Almà tao amin'ny Bokin'i Môrmôna aho raha tsy nila ezaka manokana avy tamiko akory. Novakiako taminy ireto teny ireto:

"Indro, izany dia efa nampahalalain'ny anjely iray ahy, satria ny fanahin'ny olon-drehetra, raha vantany vao miala ity vatana mety maty ity, . . . dia entina mody any amin' Ilay Andriamanitra izay nanome aina azy.

"Ary . . . ny fanahin'ireo izay marina dia raisina ao amin'ny toetry ny fahasambarana izay antsoina hoe paradisa, dia ny toetry ny fitsaharana, ny toetry ny fiadanana izay hialany sasatra amin'ny fahasahiranana rehetra sy ny fiahiahiana rehetra ary ny alahelo." (Almà 40:11–12).

Rehefa nanohy namaky mikasika ny Fitsanganana amin'ny maty aho dia nisy tara-pahazavana tonga teo amin'ny endrik'ilay lehilahy tanora ary dia nisy tsiky teo amin'ny molony. Rehefa namarana ny famangiako aho dia nanao veloma ilay fianakaviany mahatehotia.

Tamin'ny fandevenana no nahitako manaraka ny vadiny sy ireo zanany. Miverina mieritreritra mikasika io alina io aho, rehefa nitalaho mba hahazo ny fahamarinana ny lehilahy tanora iray ary nandre ny valin'ny fanontaniany avy tao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Misy fampanantenana sarobidy maro hafa avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ao anatin'izany ny fampanantenana fiadanana, fahafahana, ary fitahiana raha toa isika "ka tsy manompo afa-tsy ny Andriamanitry ny tany, dia i Jesoa Kristy" (Etera 2:12).

Avy ao amin'ireo pejiny ilay fampanantenana "fahasambarana tsy misy fiafarana" ho "an'ireo izay mitandrina ny didin'Andriamanitra. Fa indro izy ireo dia tahiana amin'ny zava-drehetra, na ara-nofo na ara-panahy" (Môsià 2:41).

Avy ao amin'ireo pejiny ilay fampanantenana "fifaliana tsy takatry ny saina" ho an'ireo izay lasa "fitaovana eo antànan'Andriamanitra" amin'ny fanavotana ireo zanany lahy sy ireo zanany vavy sarobidy (Almà 28:8; 29:9).

Avy ao amin'ireo pejiny ilay fampanantenana fa i Isiraely izay niparitaka dia hangonina—asa iray izay tanterahantsika amin'ny alalan'ireo ezaka lehibe maneran-tany eo amin'ny fanaovana asa fitoriana (jereo ny 3 Nefia 16; 21–22).

Avy ao amin'ireo pejiny ilay fampanantenana fa rehefa mivavaka amin'ny Ray isika amin'ny anaran'i Jesoa Kristy dia hotahiana ny fianakaviantsika (jereo ny 3 Nefia 18:21).

Avy amin'ny alalan'ny fandalinana ireo pejiny no ahatongavan'ilay fahatanterahan'ny fampanantenana arapaminaniana hoe: "ho tonga eo amin'ny fiainanareo sy ao amin'ny tokantranonareo ny fatra fanampiny amin'ny Fanahin'ny Tompo, ny finiavana lehibe kokoa handeha amim-pankatoavana ny didiny, ary ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka kokoa mikasika ny fahavelomàn'ny Zanak'Andriamanitra marina."[1]

Ary avy ao amin'ireo pejin'ny Bokin'i Môrmôna ilay fampanantenan'i Môrônia fa amin'ny alalan'ny vavaka sy ny tena finiavana ary ny finoana an'i Kristy dia afaka hahafantatra ny fahamarinan'ireo fampanantenana ireo isika "amin'ny herin'ny Fanahy Masina" (jereo ny Môrônia 10:4–5).



SARY NATAON'I CHRISTINA SMITH

Miaraka amin'ireo mpaminanin'ny andro farany hafa dia mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny fahamarinan'ity "boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto an-tany," ity,[2] dia ny Bokin'i Môrmôna, testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy. Ny hafany dia manenika ny tany ary mitondra ireo mpamaky azy any amin'ny fahalalana ny fahamarinana. Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Bokin'i Môrmôna dia manova fiainana. Enga anie isika tsirairay hamaky sy hamerina hamaky azy. Ary enga anie isika hizara amim-pifaliana ireo fijoroantsika ho vavolombelona momba ireo fampanantenany sarobidy amin'ireo zanak' Andriamanitra rehetra. ■

**FANAMARIHANA**


1. Gordon B. Hinckley, "A Testimony Vibrant and True," *Liahona,* Aog. 2005, 6.
2. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 64.

## FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

Ao amin'ny soratra masina isika dia "mahita fitsipiky ny fahamarinana izay hamaha ny fisafotofotoana rehetra sy ny olana rehetra ary ny fahasahiranan-tsaina rehetra izay hatrehan'ny fianakaviamben'ny zanak'olombelona" (*Teaching, No Greater Call* [1999], 51). Rehefa mizara ny hafatry ny Filoha Monson amin'ny fianakaviana ianao dia asao izy ireo hihaino ireo "fampanantenana sarobidy" izay faritany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Mety afaka mizara fampanantenana iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ianao izay nanandanja taminao.

# Ny Mpaminany Joseph Smith:

## MPANDIKA TENIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA



Ny Bokin'i Môrmôna dia boky soratra masina iray miavaka. Na dia nosoratan'ireo mpaminany fahiny aza izy io dia tsy mba tonga teo amintsika toy ny nahatongavan'ny Baiboly. Ny Baiboly dia noraketina tamin'ny ampahany lehibe tao anatin'ny horonan-taratasy tany amin'ny Tontolo Fahiny toy ny boky maromaro misaraka miavaka tsara ary nadikan'ireo mpandika soratra nandritra ny taonjato maro. Tamin'ny taonjato fahaefatra taorian'i Jesoa Kristy vao voatambatra ireo boky nisaraka miavaka tsara ireo ary lasa boky tokana izay antsointsika hoe ny Baiboly.

Ny Bokin'i Môrmôna anefa dia noraketin'ireo mpaminany fahiny tany amin'ny Tontolo Vaovao teo amin'ny takelaka metaly, izay nofintinin'ny mpaminany iray tamin'ny voalohany—dia i Môrmôna izany (noho izy no nanomezana ny anaran'ilay boky)—tamin'ny taonjato fahadimy TAORIAN'I J.K. ho rakitsoratra iray teo amin'ireo takela-bolamena. Taty aoriana, i Môrônia, zanany lahy, no nandevina ireo takelaka tao ao amin'ilay toerana izay nilevenany mandrapahatonga ny taona 1827, izay fotoana nanomezan'i Môrônia, izay olona efa nitsangana tamin'ny maty tamin'izany, ireo takelaka ireo an'ilay zatovolahy nantsoina hoe Joseph Smith.

Ny zavatra manaraka dia ny tantaran'ny fomba nahazoan'i Joseph ilay rakitsoratra sy nandikany ary namoahany izany ho boky izay ankehitriny mitondra ny lohateny hoe ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa Momba an'i Jesoa Kristy. Ny Mpamonjy mihitsy no nijoro ho vavolombelona fa marina ilay boky (jereo ny F&F 17:6).

AVY ANY ANKAVIA: *RAHALAHY JOSEPH,* NATAON'I DAVID LINDSLEY © 1998; *NIKATSAKA FAHENDRENA AVY TAO AMIN'NY BAIBOLY I JOSEPH SMITH,* NATAON'I DALE KILBOURN © 1975 IRI; *NY FAHITANA VOALOHAN'I JOSEPH SMITH,* NATAON'I GREG OLSEN, TSY AZO ADIKA; SEHO IRAY TAMIN'NY *JOSEPH SMITH: MPAMINANIN'NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY,* NALAIN'I MATTHEW REIER SARY © IRI



1. Tamin'ny taona 1820 dia nisy zazalahy 14 taona nantsoina hoe Joseph Smith izay nipetraka tany akaikin'i Palmyra, New York. Na dia tanora aza izy dia niahiahy momba ny toerana misy azy teo anatrehan'Andriamanitra ary nikorotan-tsaina tamin' ireo fanambarana nataon'ireo finoana Kristiana samihafa izay nitady mpikambana tamin'ny alalan'ny fanoherana ny fanambarana nataon'ireo hafa. Ny fandalinany ny Baiboly no nanentana an'i Joseph hanapa-kevitra hikatsaka fahendrena amin'ny alalan'ny fangatahana amin'Andriamanitra izay "manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa" (Jakôba 1:5). Nandeha tany amin'ny ala kely eo akaikin'ny tranony izy mba hivavaka.




2. Rehefa nandohalika sy nivavaka i Joseph dia nisy andrimpahazavana nilatsaka teo amboniny. Nahita Olona roa izy tao anatin'izany. Niteny ny Ray any An-danitra nanao hoe: "Itỳ no Zanako Malalako. Henoy Izy!" Joseph Smith—Tantara 1:17. Nilaza tamin'i Joseph ny Tompo mba tsy hiditra ho mpikambana an'izay mety fiangonana misy satria tsy misy marina izy ireo, saingy nampanantenaina izy fa "hampahafantarina [azy] amin'ny fotoana ho avy ny fahafenoan'ny Filazantsara."[1]



3. Lasa ny telo taona izay fotoana nizaran'i Joseph Smith ny zava-niseho taminy tamin'ny hafa—ary nenjehina izy noho izany. Nilaza izy hoe: "Na dia nankahalaina sy nenjehina aza aho noho ny filazana fa nahita fahitana dia izany anefa no marina; ary . . . dia voasarika aho hiteny anakampo hoe: Nahoana aho no enjehina noho ny filazana ny marina? Nahita fahitana marina tokoa aho; ary iza aho no afaka hifampitana amin'Andriamanitra, na ahoana izao tontolo izao no mihevitra ny hampadà ahy izay zavatra efa hitako marina tokoa? Fa efa nahita fahitana aho; nahafantatra izany aho, ary nahafantatra aho fa nahafantatra izany Andriamanitra, ary tsy afaka mandà izany aho" (Joseph Smith—Tantara 1:25).


Nanomboka tamin'ny 1830 dia olona an-tapitrisany no namaky ny Bokin'i Môrmôna ary niditra ho mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany noho ny fijoroan'ny Bokin'i Môrmôna ho vavolombelona ny amin'ny Mpamonjy. Ny boky koa dia porofo ihany koa fa i Joseph Smith dia mpaminanin'Andriamanitra ary ny Mpamonjy no mitarika ny Fiangonany ankehitriny. Olona an-tapitrisany no nisedra ny fampanantenan'i Môrônia ho



4. Tamin'ny 21 Septambra 1823, raha nivavaka iny i Joseph dia nisy hazavana nameno ny trano fandrianany tany amin'ny rihan-trano ambany tafo ary nisy anjely nantsoina hoe Môrônia niseho. Nolazain'i Môrônia an'i Joseph ny momba ireo rakitsoratra nataon'ireo mpaminany fahiny. Ilay rakitsoratra izay voasokitra teo amin'ny takelabolamena dia tany amin'ny havoana iray tsy lavitra ny nisy azy. Nolazaina i Joseph fa izy no handika ilay rakitsoratra.



5. Farany tamin'ny 22 Septambra 1827 dia nomena an'i Joseph ireo takelaka, izay nalainy avy tao amin'ny vata vato tao ambanin'ny vato iray ngezabe teo amin'ny havoana iray teo akaikin'i Palmyra, New York.



6. Toy ny efa fahita tany amin'ny faritra ambanivohitra tamin'izany fotoana izany dia tsy dia nahita fianarana firy i Joseph Smith. Mba hanampiana azy hanao ny fandikan-teny dia nomen'Andriamanitra fitaovana fandikan-teny fahiny izy izay nantsoina hoe Orima sy Tomima. Nahazo fitahiana koa izy tamin'ny alalan'ny fanampian'ireo mpandika soratra izay nanoratra ny zavatra notononiny rehefa nandika teny izy. Anisan'ireo mpandika soratra ireo i Emma vadiny sy i Martin Harris izay mpiompy sy mpamboly mandroso harena ary i Oliver Cowdery izay mpampianatra. Ny ampahany lehibe tamin'ny asa fandikanteny dia vita tao anatin'ny telo volana latsaka taorian'ny nanombohan'i Oliver nandray ny toeran'ny mpandika soratra.

Nohazavain'i Emma ny hoe ahoana izany hoe mpandika soratr'i Joseph izany: "Tsy misy olona afaka nanonona ny zavatra voasoratra teo

an'ireo mpikatsaka amin-kitsimpo ny fahamarinana ary nahita fa marina izany: "Ta hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an'Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin'ny anaran'i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy amin'ny herin'ny Fanahy Masina" (Môrônia 10:4).

AVY ANY ANKAVIA: *NISEHO TAMIN'I JOSEPH SMITH NY ANJELY MÔRÔNIA,* NATAON'I TOM LOVELL © 2003 IRI; SEHO IRAY TAMIN'NY *JOSEPH SMITH: MPAMINANIN'NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY,* NALAIN'I MATTHEW REIER SARY © IRI; SEHO IRAY TAMIN'NY *MPAMINANIN'NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY,* NALAIN'I JOHN LUKE SARY © IRI; *TAMIN'NY ALALAN'NY FANOMEZAMPAHASOAVAN'ANDRIAMANITRA SY NY HERINY,* NATAON'I SIMON DEWEY; SOMBINY TAMIN'NY SARY HOSODOKO NATAON'I WILLIAM MAUGHAN © 1998; SARY NALAIN' CRAIG DIMOND © IRI; SEHO IRAY TAMIN'NY *JOSEPH SMITH: MPAMINANIN'NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY,* NALAIN'I MATTHEW REIER SARY © IRI



amin'ilay asa sora-tanana raha tsy nentanin'ny fanahy izy satria fony [aho] mpandika soratra, dia nanonona soratra nandritra ny ora maro tamiko i [Joseph] ary rehefa niverina izahay taorian'ny sakafo na taorian'ny fijanonana kely dia tonga dia nanomboka teo amin'izay nijanonany izy fa tsy nila nijery ilay asa sora-tanana na nangataka ny hamakiana ampahan'izany aminy."[2]

Nanazava ny lanjan'ny fahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna i Joseph: "Tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra no nandikako ny Bokin'i Môrmôna avy tamin'ny tarehintsoratra egyptiana fahagola, izay very teo amin'izao tontolo izao ny fahalalana momba azy ary nijoro irery tao anatin'izany zava-niseho mampitolagaga izany niaraka tamin'ny fanambarana vaovao aho, zatovo tsy nanam-pahalalana mba hiady amin'ny fahendren'ny tany sy ireo tsy fahalalana maro tamin'ny taonjato fahavalo ambin'ny folo."[3]



7. Nandritra ny 18 volana nananany an'ireo takelaka dia tsy i Joseph irery no hany olona nahita sy nikasika izany. Lehilahy anankitelo—Oliver Cowdery, sy David Whitmer ary Martin Harris—no nijoro ho vavolombelona mazava fa ny anjely Môrônia dia nampiseho azy ireo ireo takela-bolamena ary fantatr'izy ireo fa ireo takelaka ireo dia "nadika araka ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra sy ny heriny, satria ny feony no efa nilaza taminay." Lehilahy valo hafa koa no nijoro ho vavolombelona fa nahita sy nikasika ireo takela-bolamena.[4]



8. Tamin'ny Aogôsitra 1829, dia nanao fifanarahana tamin'ny ilay mpiantoka boky Egbert B. Grandin tao Palmyra, New York i Joseph mba hanonta ilay boky. Nataon'i Martin Harris antoka ny toeram-pamboleny sy fiompiany mba handoavana ny fanontana ilay boky ary tamin'ny 26 Marsa 1830, dia azo novidiana ny Bokin'i Môrmôna.




9. Tamin'ny 6 Aprily 1830, dia olona 60 teo ho eo no nivory tao amin'ny trano iray vita vaki-kitay hazo tany Fayette, New York. Tao araka ny toro-lalan'i Jesoa Kristy Tompo no nananganan'i Joseph Smith tamin'ny fomba ôfisialy ny Fiangonan'ny Mpamonjy izay naverina tamin'ny laoniny toa ny nananganana azy tamin'ny voalohany ary notarihan'ireo apôstôly sy mpaminany izay nahazo lalana hiteny ho an'Andriamanitra. Ny fanambarana taty aoriana nomena an'i Joseph Smith no nahazoana ny anaran'ny Fiangonana hoe: Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany (jereo ny F&F 115:4). ■

**FANAMARIHANA**

1. Joseph Smith, ao amin'ny *History of the Church,* 4:536.
2. Resadresaka tamin'i Emma Smith nataon'i Joseph Smith III, Feb. 1879, ao amin'ny *Saints' Herald,* 1 Ôkt. 1879, 290.
3. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 60.
4. Jereo "Ny Tenivavolombleon'ireo Vavolombelona Telo" ary "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Valo," ao amin'ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna.





**Nataon'ny Loholona**
**Russell M. Nelson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny
Apôstôly Roambinifolo

# NY ZAVATRA AMPIANARIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA MOMBA NY FITIAVAN' ANDRIAMANITRA

*Ny sasany amin'ireo ohatra tena tsara indrindra izay mampiseho ny Fitiavan'ny Tompo dia voarakitra ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna.*

Ny ankamaroan'ny Kristiana dia efa mahafantatra ireo toetra nananan'i Jesoa Kristy izay voalaza ao amin'ny Baiboly. Nitolagaga izy ireo tamin'ny fitiavana izay nasehony tamin'ny mahantra sy ny marary ary ny mijaly. Ireo izay mandray ny tenany ho anisan'ny mpianany dia miezaka koa ny maka tahaka ny ohatra nasehony sy manaraka ny fanentanan'ilay Apôstôly malalany hoe: "Aoka hifankatia isika: fa avy amin'Andriamanitra ny fitiavana, ary izay rehetra tia no naterak'Andriamanitra sady mahalala an'Andriamanitra. . . . Fa Andriamanitra dia fitiavana" (1 Jaona 4:7–8).

Izany hevitra izany dia hazavain'ny Bokin'i Môrmôna. Faritany ny hoe *ahoana* no maha naterak'Andriamanitra ny olona iray ary *ahoana* no ahazoan'ny olona iray hery mba hitiavana toy ny Nataony. Ampahafantariny ireo fitsipika fototra telo izay mitondra ilay herin'ny fitiavan'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika.

Voalohany, ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra fa ny fampiharana ny finoana an'i Kristy sy ny fanaovana *fanekempihavanana* miaraka Aminy mba hitandrina ny didiny no fanalahidin'ny fahaterahana ara-panahy indray. Nanao fanamarihana tamin'ireo olona tao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay nanao fanekempihavanana toy izany i Benjamina Mpanjaka hoe: "Ary ankehitriny, noho ny fanekempihavanana izay efa nataonareo, dia hantsoina hoe zanak'i Kristy ianareo, dia zanany lahy sy zanany vavy; fa indro, efa niteraka anareo ara-panahy Izy androany; satria lazainareo fa ny fonareo dia efa miova amin'ny alalan'ny finoana ny anarany; noho izany, dia aterany ianareo ary efa tonga zanany lahy sy zanany vavy." (Môsià 5:7).

Faharoa, ny Mpamonjy mihitsy no nampianatra fa ny hery mba hahatongavana tahaka Azy bebe kokoa dia azo avy amin'ny fandraisana ireo *ôrdônansin'*ny filazantsara: "Ankehitriny dia izao no didy: Mibebaha, ianareo rehetra faran'ny tany, ary mankanesa atỳ Amiko ary aoka hatao batisa amin'ny anarako mba hahazoana manamasina anareo amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina, mba hahazoana mijoro tsisy pentina eo anoloako amin'ny andro farany" (3 Nefia 27:20).

*I KRISTY NISEHO TANY AMIN'NY ILAM-BOLATANY ANDREFANA*, NATAON'I ARNOLD FRIBERG © 1995 IRI

Fahatelo, manentana antsika Izy mba *hanaraka ny ohatra nasehony:* "Koa tokony ho karazana olona toa inona moa ianareo?" hoy Izy nanontany tamim-piaingitraingi-piteny. Ny valinteniny dia hoe: "Lazaiko aminareo marina tokoa, ho toa Ahy" (3 Nefia 27:27). Tena tiany tokoa isika hitovy bebe kokoa Aminy.

Ny sasany amin'ireo ohatra tena tsara indrindra izay mampiseho ny Fitiavany dia voarakitra ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna.



### MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMPINANY IRAY

"Ny Bokin'i Môrmôna dia tonga avy tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana sy ny herin'Andriamanitra. Miteny toy ny feo iray avy amin'ny vovoka izany ho fijoroana ho vavolombelona momba ilay Zanak'Andriamanitra. Miresaka momba ny Fahaterahany izany, sy ny Asa fanompoany ary ny Fanomboana Azy sy ny Fitsanganany tamin'ny maty ary ny Fisehoany tamin'ireo olo-marina tany amin'ny tany Soafeno tany amin'ny kaontinanta Amerikana.

"Zavatra Azo tsapain-tanana izany izay azo raisina sy vakiana ary fakafakaina. Ao anatin'ny fonony dia ahitana ilay fampanantenana ny fiaviany masina. An-tapitrisany maro no nandinika azy ary nahita fa rakitsoratra marina sy masina izany."

**Filoha Gordon B. Hinckley (1910–2008), "The Great Things Which God Has Revealed,"** ***Liahona,*** **Mey 2005, 81–82.**

Afaka mihatra eo amin'ny fiainantsika manokana ireo ohatra ireo rehefa miezaka ny hitovy bebe kokoa amin'ny Tompo isika.

Ny fitiavany an'i Lehia sy ny fianakavian'i Lehia—ary ny fitiavan'izy ireo Azy—no nitondra azy ireo tany Amerika, ilay tany nampanantenaina ho azy ireo, izay niroboroboany.[1]

Ny fitiavan'Andriamanitra antsika no nanosika Azy taonjato maro lasa izay handidy ireo mpaminany Nefita mba hitahiry rakitsoratra masina momba ny vahoakan'izy ireo. Ireo lesona avy ao anatin'izany rakitsoratra izany dia mahakasika ny famonjena antsika sy ny fisandratantsika. Ireo fampianarana ireo ankehitriny dia hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Izany lahatsoratra masina izany dia mijoro ho toy ny porofo mivaingan'ny fitiavan'Andriamanitra ho an'ny zanany rehetra manerana an'izao tontolo izao.[2]

Ny fitiavan'i Kristy ireo "ondriny hafa" no nitondra Azy tany amin'ilay Tany Vaovao.[3] Avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no ianarantsika fa nisy loza ara-boajanahary sy haizina tanteraka nandritra ny hateloana tany amin'ilay Tany Vaovao taorian'ny nahafatesan'ny Tompo tany amin'ilay Tany Fahiny. Avy eo dia nidina avy tany an-danitra ilay Tompo be voninahitra sy nitsangana tamin'ny maty ary nanompo teo

*I ALMÀ MANAO BATISA AO AMIN'NY RANON'I MÔRMÔNA,* NATAON'I ARNOLD FRIBERG

### NY ATAO HOE MAHAFANTATRA DIA MAHAFANTATRA FITIAVANA

Izaho dia mpikambana vaovaon'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ary ho ahy dia tsy boky fotsiny ny Bokin'i Môrmôna. Porofo mivaingana izany izay maneho fa tia antsika ny Ray any An-danitra. Porofo iray izany fa ireo Olomasina tany ampiandohana dia tia antsika ary naniry ny handehanantsika hody. Porofo iray izany fa misy ary tonga lafatra ny drafitry ny fahasambarana an'Andriamanitra.

Ny hoe mahafantatra fa marina izany boky izany dia midika hoe mahafantatra fa velona ny Ray any an-danitra sy ny Zanakalahiny. Midika hoe mahafantatra fa tsara sy mandrakizay ny fiainana. Midika hoe mahafantatra fa rehefa miezaka ny maneho ny tsara indrindra avy aminao ianao ary mibebaka rehefa lavo dia ho voavela foana ny helokao. Midika hoe mahafantatra ny tena dikan'ny hoe fianakaviana. Midika hoe mahafantatra fa tsy ho very velively ny olon-tiana satria miandry anao izy. Midika hoe mahafantatra ireo fitahian'ny Ray any an-danitra. Midika hoe mahafantatra ilay fankaherezana hoe, na inona na inona tafiodrivotra mandalo eo aminao dia vitanao ny miatrika izany satria natao hahasoa anao izany. Midika hoe mahafantatra fa ny Fanahy Masina dia namanao lalandava. Raha ny marina dia midika hoe mahafantatra ny fitiavana amin'ny endriny rehetra.

**Emma Adesanya, Irlande**



anivon'ny vahoakan'ny Tany Vaovao.

"Izaho no fahazavana sy fiainan'izao tontolo izao." Hoy Izy tamin'izy ireo, "ary nisotro tamin'ilay kapoaka mangidy izay efa nomen'ny Ray Ahy Aho ary efa nankalaza ny Ray tamin'ny nitondrako teo Amiko ny fahotan'izao tontolo izao" (3 Nefia 11:11).

Avy eo Izy dia nanome iray amin'ireo zavatra faran'izay an'ny tena manokana mety ho azon'olona raisina avy Aminy. Nasainy izy ireo mba hitehika ny ratrany teo amin'ny lanivoany sy hitsapa ny diam-pantsika tamin'ny tanany sy ny tongony mba hahafantarany fa Izy no "Andriamanitr'i Isiraely sy Andriamanitry ny tany manontolo, ary novonoina noho ny fahotan'izao tontolo izao" (3 Nefia 11:14).

Avy eo dia nomen'i Jesoa ny mpianany ny fahefana hanaovana batisa sy hanomezana ny fanomezan'ny Fanahy Masina ary hanamasinana ny fanasan'ny Tompo. Nomeny Azy ireo ny hery hanorenana ny Fiangonana eo anivon'izy ireo izay tarihin'ny mpianany roa ambin'ny folo.

Nomeny azy ireo ny sasany tamin'ireo fampianarana fototra nomeny an'ireo mpianany tany amin'ny Tany Fahiny. Nositraniny ny mararin'izy ireo. Nandohalika sy nivavaka tamin'ny Ray Izy tamin'ny alalan'ny fampiasana teny tena mahery vaika sy masina ka tsy hain'izy ireo noraketina. Tena nahery vaika tokoa ny vavaka nataony ka heniky ny hafaliana ireo izay naheno Azy. Noho Izy heniky ny fitiavana azy ireo sy ny finoan'izy ireo Azy dia nitomany mihitsy Izy, dia i Jesoa. Naminany Izy momba ny asan'Andriamanitra ao anatin'ny taonjato maro izay hitondra any amin'ny fahatongavan'ilay Fiaviany Fanindroany efa nampanantenaina.[4]

Avy eo dia nangataka azy ireo Izy mba hitondra ny ankizin'izy ireo ho eo Aminy.

"Ary nalainy tsirairay ny ankizy madininy ary notsofiny rano izy ireo, nivavahany ny Ray ho azy ireo.

"Ary nony nanao izany Izy dia nitomany indray;

"Ary niteny tamin'ny valalabemandry Izy,

*Ny Mpamonjy mihitsy no mampianatra fa ny hery itovizana bebe kokoa Aminy dia tonga amin'ny alalan'ny fandraisana ireo ôrdônansin'ny filazantsara.*

*Dia nangataka azy ireo Izy mba hitondra ny ankizin'izy ireo ho eo Aminy. "Ary nalainy tsirairay ny ankizy madininy ary notsofiny rano izy ireo, nivavahany ny Ray ho azy ireo."*

ary hoy Izy taminy: Jereo ny madinikareo.

"Ary raha nijery izy ireo mba hitazana, dia nanandratra ny masony nankany an-danitra izy ireo, ary nahita ny lanitra nisokatra sy nahita anjely nidina avy tany an-danitra miova tsy ny teo afovoan'ny afo; ary nidina ireny sy nanodidina ireo ankizy madinika ireo; ary nohodidinin'ny afo ireo; ary ny anjely dia nanompo azy ireo." (3 Nefia 17:21–24).

Izany no fahadiovan'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny heriny araka ny voambara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Amin'izao andro farany izao, isika izay nomena tombontsoa hanana ny Bokin'i Môrmôna, sy ho lasa mpikamban'ny Fiangonan'ny Tompo sy hanana ny filazantsarany ary hitandrina ny didiny dia mahafantatra zavatra momba ilay fitiavan'Andriamanitra tsy manam-petra. Haintsika ny fomba hanaovana ilay fitiavany ho lasa toa ny antsika. Rehefa lasa mpianany marina isika dia mahazo ilay hery hitiavana toy ny fomba Hitiavany. Rehefa mitandrina ny didiny isika dia lasa mitovy bebe kokoa Aminy. Mampivelatra ny faribolam-pitiavantsika manokana isika amin'ny alalan'ny fanatonantsika ny olona avy any amin'ny firenena sy foko ary fiteny samihafa rehetra.

Azontsika atao tarigetra ity soratra masina ity miaraka amin'ny fankasitrahana lalina ilay fiainany mendrika alain-tahaka: "Mivavaha amin'ny Ray amin'ny herin'ny fo manontolo mba hahazoana mameno anareo amin'izany fitiavana izany, izay efa natolony ireo rehetra izay mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy Zanany; mba hahatonga anareo ho zanakalahy [sy zanakavavin'] Andriamanitra; ka rehefa hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy tahaka ny maha-Izy Azy." (Môrônia 7:48).[5] ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 1 Nefia 17:35–44; Môsià 7:20; Almà 9:9–11; 3 Nefia 5:20–22.
2. Jereo ny Pejin-dohatenin'ny Bokin'i Môrmôna; 1 Nefia 13:35–41; 2 Nefia 33:4; Môsià 1:2–7; Môrmôna 8:13–41.
3. Jereo ny Jaona 10:16; 3 Nefia 15:11–24.
4. Jereo ny 3 Nefia 11–14; 18–20.
5. Ampitahao amin'ny 1 Jaona 3:1–3.

## FAHAFANTARANA NY HERIN'NY FITIAVANY

Rehefa lasa mpikamban'ny Fiangonana aho tao anatin'ny taona voalohany nianarako tany amin'ny oniversite, dia nahafaly ahy ireo fanovana nataoko teo amin'ny fomba fiainako ary hitako ny nanaovan'ny filazantsara ny fiainako ho tsara kokoa. Kanefa tsy ela dia nahatsapa aho fa nanelingelina izay mba fivoarana azoko natao ny lasako. Ahoana moa no ahafahan'ny Ray any an-danitra mampiasa ahy hitondra fanampiana eo amin'ny fanorenana ny fanjakany kanefa aho nahavita nanao safidy ratsy toy izany?

Dia indray andro, nanokatra ny Bokin'i Môrmônako tany amin'ny pejy farany indrindra aho. Novakiako ny teny fanaovam-beloman'i Môrônia: "Eny, manatòna an'i Kristy, ary aoka hatao tanteraka ao Aminy, . . . ary raha mandà ny toetra tsy araka an'Andriamanitra rehetra ny tenanareo, ary tia an'Andriamanitra amin'ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra ianareo, amin'izany dia ampy ho anareo ny fahasoavany, fa amin'ny fahasoavany no hahatonga anareo ho tanteraka ao amin'i Kristy; ary raha tanteraka ao amin'i Kristy ianareo amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia tsy afaka mandà mihitsy ny herin'Andiamanitra ianareo" (Môrônia 10:32). Nandinika ireo teny ireo aho. Nahatsapa ny Fanahy nilaza tamiko aho hoe marina izany. Tsapako fa nametra ny herin'Andriamanitra aho tamin'ny fiheverena fa tsy afaka ny hampiasa ahy amin'izay fomba hitany fa mety Izy.

Nanapa-kevitra aho fa nanomboka tamin'izay dia tsy "handà ny herin'Andriamanitra" aho fa hanaiky ny lasako ary hibanjina ny hoaviko. Arakaraka ny nifantohako bebe kokoa amin'ny hoaviko fa tsy amin'ny lasako sy ny natokisako bebe kokoa ilay fahasoavana manamasin'i Jesoa Kristy no nahatsapako bebe kokoa ny fitiavan'ny Mpamonjy ahy ary nahafaly ahy kokoa amin'ny tenako.

**Christy Pettey, Washington, Etazonia**


MAMANGY AN'I AMERIKA I JESOA KRISTY, NATAON'I JOHN SCOTT



# Ny Tantaran’ NY BOKIN’I MÔRMÔNA


*Inona no mitranga ao anatin’ny Bokin’i Môrmôna? Ampiasao ireto sary ireto mba hianarana mikasika ireo mpaminany sy tantara ao amin’ity boky soratra masina mahavariana ity.*








***Manomboka amin’ny mpaminany iray antsoina hoe Lehia ny Bokin’i Môrmôna. Nampitandrina ireo vahoaka ratsy fanahy tao Jerosalema mba hibebaka izy, kanefa tsy nihaino izany ny vahoaka. Nilaza tamin’i Lehia ny Tompo mba hitondra ny fianakaviany, ao anatin’izany ny vadiny, Sarià, sy ny zanakalahin’izy ireo—Lamana, Lemoela, Samy, ary i Nefia—ho any an-tany foana. (Jereo ny 1 Nefia 1–2.)***






***Nandefa ny zanakalahiny hiverina i Lehia mba haka ireo soratra masina voarakitra ao amin’ireo takela-barahina. Ireo takelaka ireo dia nitahiry ny tantaran’ny razambeny sy zavatra hafa nasain’ny Tompo noraketina. Noraisin’i Lehia sy Nefia an-tanana ireo takelaka ireo. Nosoratan’izy ireo tao amin’ny takelaka koa ny zavanitranga teo amin’ny fianakaviany. (Jereo ny 1 Nefia 3–5.)***






***Nanome an’i Lehia ny kompà antsoina hoe Liahôna mba hitarihana ny fianakaviany mamakivaky ny tany foana hankany amin’ny tany nampanantenaina ny Tompo. (Jereo ny 1 Nefia 16.)***






***Nilaza tamin’i Nefia mba hanao sambo ny Tompo hitondrana ny fianakavian’i Lehia ho any amin’ny tany nampanantenaina. Nankatò ny rainy sy ny Tompo i Nefia, saingy tsy nanao izany kosa i Lamana sy Lemoela. (Jereo ny 1 Nefia 17.)***

***Niondrana an-tsambo i Lehia sy ny fianakaviany ho any amin'ny tany nampanantenaina tamin'ny alalan'ny sambo izay naoriny. (Jereo ny 1 Nefia 18.)***




5

***Nanohy ny tsy fankatoavany ny rainy sy ny Tompo i Lamana sy Lemoela. Fantatra amin'ny hoe Lamanita ireo taranany. Nanohy nankatò ny rainy sy ny Tompo i Nefia. Antsoina hoe Nefita ireo taranany. (Jereo ny 2 Nefia 4–5.)***




6

***Taorian'ny fahafatesan'i Lehia sy i Nefia dia nisy olon-kafa, toa an'i Jakôba rahalahin'i Nefia nanoratra fampianarana sy ireo zavanitranga manan-danja teo amin'ny takelaka. (Jereo ny Jakôba 1.)***




7

***Nivavaka i Enôsa mba ho voavela ny helony ary dia voavela izy. (Jereo ny Enôsa 1.)***




8




9

***Nanangana tilikambo ny Mpanjaka Benjamina mba hampianarana ny olony ny filazantsara. (Jereo ny Môsià 2–6.)***




10

***Nisy mpanjaka ratsy fanahy antsoina hoe Noà nampamono ho faty ny mpaminany Abinadia. Kanefa ny fampianaran'i Abinadia dia nampiova fo an'i Almà izay iray tamin'ny mpisoron'i Noà. (Jereo Môsià 11–17.)***



11

***Nitsoaka ny fitsaran'ny Mpanjaka Noà i Almà, nampianatra ny hafa momba ny filazantsara ary nanao batisa azy ireo. (Jereo ny Môsià 18.)***




12

***I Almà Zanany, zanakalahin'i Almà dia tsy mpankatò. Ratsy toetra izy sy ny namany, zanakalahin'i Môsià. Dia nisy anjely nilaza azy ireo mba hibebaka. Nibebaka i Almà sy ny zanakalahin'i Môsià ary nandany ny androm-piainany nitory ny filazantsara. (Jereo ny Môsià 27–28.)***

ANKAVIA: SARY NATAON'I ROBERT CASEY; SOMBINY AVY TAMIN'NY *DIAN'I LEHIA TEO AKAIKIN'NY RANOMASINA MENA*, NATAON'I GARY SMITH; *NANKATÒ NY FEON'NY FANAHY AHO*, NATAON'I WALTER RANE: *I LEHIA SY NY LIAHONA*, NATAON'I JOSEPH BRICKEY; *NITENY MAFY TAMIN'IREO RAHALAHINY MPIKOMY I NEFIA*, NATAON'I ARNOLD FRIBERG © 1951 IRI; ANKAVANANA: *NY FAHATONGAVAN'I LEHIA SY NY OLONY TANY AMIN'NY TANY NAMPANANTENAINA*, NATAON'I ARNOLD FRIBERG© 1951 IRI; *NANAOVAN'IZY IREO TOETRA TSY ZAKA AHO*, NATAON'I WALTER RANE; *NANORATRA TEO AMIN'NY TAKELA-BOLAMENA I NEFIA*, NATAON'I PAUL MANN © 1988; *NANANDRATRA NY FEOKO AHO KA NAHATAKATRA NY LANITRA IZANY*, NATAON'I WALTER RANE; *EO AM-PANOMPOANA NY ANDRIAMANITRAREO*, NATAON'I WALTER RANE; SOMBINY AVY TAMIN'NY *FISEHOAN'I ABINADIA TEO ANOLOAN'NY MPANJAKA NOÀ*, NATAON'I ARNOLD FRIBERG © 1951 IRI; *MANDROSOA AO AMIN'NY VALAN'ANDRIAMANITRA*, NATAON'I WALTER RANE; *NITSANGANA I ALMÀ*, NATAON'I WALTER RANE; IREO SARY HOSODOKO NATAON'I WALTER RANE DIA NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBAKOKA MITAHIRY NY TANTARAM-PIANGONANA


*Nanova ny fon'ny Lamanita maro i Amôna, zanakalahin'i Môsià taorian'ny niarovany ny biby fiompin'ny Mpanjaka Lamônia ary nahazoany ny fahatokiany. (Jereo ny Almà 17–19.)*





*Nanoratra ny fanevan'ny fahafahana ny Kapiteny Môrônia ary niady mba hiarovany ny fahafahan'ny vahoakany. (Jereo ny Almà 46, 48.)*





*Nitarika ny zatovolahy miaramila marina miisa 2.000 i Helamàna. (Jereo ny Almà 53, 56–58.)*





*Naminany ny mpaminany Lamanita antsoina hoe Samoela fa ho teraka tsy ho ela i Jesoa Kristy. (Jereo ny Helamàna 13–16.)*






*Voafidy hanoratra ao amin'ny takelaka ny zazalahy kely 10 taona antsoina hoe Môrmôna rehefa mihalehibe izy. Nanomboka nanambatra ireo tantara manan-danja indrindra tao amin'ireo rakitsoratra rehetra tao anatin'ny amboarantakelaka metaly izy tamin'ny faha-24 taonany. (Jereo ny Môrmôna 1.)*




*Natolon'i Môrmôna ny zanany lahy Môrônia ireo takelaka talohan'ny nahafatesany. Manam-boninahitra mpitarika tao amin'ny tafika i Môrônia. Izy no hany Nefita velona taorian'ny ady goavana nifanandrinan'i Lamanita sy ny Nefita. (Jereo ny Môrmôna 6, 8.)*





*Talohan'ny nahafatesan'i Môrônia dia naleviny tao amin'ny toerana antsoina hoe Kômôra ireo takelaka. Teo ho eo amin'ny 1.400 taona taorian'ny nandevenan'i Môrônia ireo takelaka dia nivavaka mba hahafantatra ny fiangonana marina ny zazalahy kely 14 taona antsoina hoe Joseph Smith. (Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:5–16.*





*Nitsidika an'i Joseph Smith ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary nilaza taminy fa tsy misy marina sy tanteraka ireo fiangonana tamin'izany. Hanampy amin'ny famerenana ny Fiangonana marin'i Jesoa Kristy i Joseph. (Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:17–20.*

Teraka tany Betlehema i Jesoa Kristy. Nampianatra ny Filazantsarany izy, nanasitrana sy nitahy ny olona ary nanorina ny Fiangonany. Nohomboana tamin'ny hazo fijaliana izy ary nitsangana tamin'ny maty. (Jereo ny 3 Nefia 1, 8–10.)




17

Taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty dia nitsidika ireo olo-marina Nefita sy Lamanita Izy. Nampianatra azy ireo ny Filazantsarany Izy, nanasitrana azy ireo, ary nitsodrano azy ireo tahaka ny nataony tany amin'ny faritra manodidina an'i Jerosalema. (Jereo ny 3 Nefia 11–28.)




18




23

Namangy an'i Joseph Smith i Môrônia ary nilaza taminy ny mahakasika ireo takelaka nalevina. Rehefa hiha-lehibe i Joseph Smith dia haka ireo takelaka ireo ary handika izany. (Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:27–54.



24

Rehefa 21 taona i Joseph dia nankany amin'ny Havoan'i Kômôra izy ary naka ireo takelaka tao amin'ny toerana izay nandevenan'i Môrônia azy ireo. (Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:59.




25

Nandika ny rakitsoratra teo amin'ireo takelaka tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra i Joseph Smith. Namoaka izany fandikan-teny izany izy. Antsoina hoe ny Bokin'i Mômôna izany. (Jereo ny pejin-dohanteny sy ny teny fanolorana ao amin'ny Bokin'i Mômôna.) ■

ANKAVIA: *NIARO NY BIBY FIOMPIN'NY MPANJAKA LAMÔNIA I AMÔNA,* NATAON'I ARNOLD FRIBERG © 1951 IRI; *AVIA, MANDROSOA,* NATAON'I WALTER RANE, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBAKOKA MITAHIRY NY TANTARAM-PIANGONANA; *NANDEHA NIADY IREO ZATOVOLAHIN'I HELAMÀNA ROA ARIVO,* NATAON'I ARNOLD FRIBERG, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBAKOKA MITAHIRY NY TANTARAM-PIANGONANA; *MAMINANY I SAMOELA ILAY LAMANITA,* NATAON'I ARNOLD FRIBERG © 1951 IRI; *MANAMBATRA IREO TAKELAKA I MÔRMÔNA,* NATAON'I TOM LOVELL © IRI; *I EVEN REMAIN ALONE,* NATAON'I WALTER RANE, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANOMBAKOKA MITAHIRY NY TANTARAM-PIANGONANA; *MANDEVINA IREO TAKELAKA I MÔRÔNIA,* NATAON'I TOM LOVELL © IRI; *NY FANIRIAN'NY FOKO II,* NATAON'I WALTER RANE; ANKAVANANA: *NITSANGANA IZY,* NATAON'I DEL PARSON; *I KRISTY SY IREO ANKIZY AO AMIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA,* NATAON'I DEL PARSON © 1995; *NISEHO TAMIN'I JOSEPH SMTIH NY ANJELY MÔRÔNIA,* NATAON'I TOM LOVELL © 2003 IRI; *HAVOAN'I KÔMÔRA,* NATAON'I JON MCNAUGHTON; *MANDIKA NY BOKIN'I MÔRMÔNA I JOSEPH SMITH,* NATAON'I DEL PARSON © 1996 IRI

# ZAVA-NISEHO ARAKA NY VANIMPOTOANA
## AO AMIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA




**1 JAREDITA**
Ity vondron'olona ity dia nandao ny Tilikambon'i Babela ary tonga tany Amerika teo ho eo amin'ny 2200 Talohan'i J.K. Niroborobo izy ireo mandrapahatonga teo amin'ny 600 Talohan'i J.K. teo ho eo izay fotoana naharingana ny olondrehetra noho ny ady, afa-tsy i Kôriantomira. (Jereo ny Etera 3:1–15.)


**2 NEFITA**
Nandao an'i Jerosalema ny vondron'olon'i Lehia teo amin'ny 600 Talohan'i J.K. ary tonga tany Amerika. Nihanisaratsaraka tsikelikely ny taranany. Taorian'ny nahafatesan'i Lehia dia nanaraka an'i Nefia zanakalahiny nankany avaratra ireo olo-marina. Nantsoina hoe Nefita izy ireo. (Jereo ny 1 Nefia 1–22; 2 Nefia 1–5.)

**3 LAMANITA**
Taorian'ny nahafatesan'i Lehia, dia nitoetra niaraka tamin'i Lamana zanakalahiny ireo olon-dratsy ary nantsoina hoe Lamanita. (Jereo ny 2 Nefia 5.)

**4 MIOLEKITA**
I Mioleka, zanakalahin'ny Mpanjaka Zedekia dia nitarika vondron'olona avy tao Jerosalema teo amin'ny 587 Talohan'i J.K. teo ho eo ary tonga tany Amerika. Nahita an'i Kôriantomira izy ireo. (Jereo ny Ômnia 1:14–21.)

**5 MÔSIÀ$_1$**
Teo amin'ny 225 Talohan'i J.K. teo ho eo dia lasa ratsy toetra ireo Nefita ka nitarika vondron'olomarina Nefita nankany Zarahemla i Môsià$_1$ ary nikambana tamin'ireo Miolekita izy ireo. Niantso ny tenany hoe Nefita izy ireo. Lasa Mpanjaka marintoetran'izy ireo i Môsià$_1$. I Benjamina Mpanjaka dia zanany lahy. (Jereo ny Ômnia 1:12–23.)

**6 ZENIFA**
Teo amin'ny taona 200 Talohan'i J.K. dia nitondra vondron'olona nandeha nianatsimo ilay Nefita anankiray hoe Zenifa mba hitaky ireo tanin'ny Nefita. Vao tonga i Zenifa sy ny vondron'olony dia nobaboin'ny Lamanita izy ireo. Taty aoriana ny Mpanjaka Môsià$_2$ dia naniraka an'i Amôna mba hitady ilay vondron'olona ary dia nampiova fo ny Mpanjaka Limia i Amôna. (Jereo ny Môsià 7:9–22.)




### 7 ALMÀ$_1$

I Almà$_1$ dia teraka teo anivon'ny vahoakan'i Zenifa, ary lasa iray tamin'ireo mpisoron'ny Mpanjaka Noà ratsy fanahiny. Novonoina ny mpaminany Abinadia taorian'ny nangatahany an'ny Mpanjaka Noà mba hibebaka. Saingy nino ny fampianaran'i Abinadia i Almà$_1$ ary nandeha nandositra niaraka tamin'ny vondron'ny mpino anankiray izay tafaraka tamin'ny Nefita taty aoriana. (Jereo ny Môsià 11; 17–18; 23–24.)

### 8 I ALMÀ$_2$ SY IREO ZANAKALAHIN'I MÔSIÀ$_2$

Fony mbola zatovo i Almà$_2$ sy ireo zanakalahin'ny Mpanjaka Môsià$_2$ dia nanao izay handravana ny Fiangonana. Notezeran'ny anjely anankiray izy ireo ary dia nibebaka. Lasa mpitarika marin-toetra i Almà$_2$. (Jereo ny Môsià 27–29.) Lasa mpitory ny filazantsara teo anivon'ny Lamanita ireo zanakalahin'i Môsià$_2$. Taorian'ny fahombiazana lehibe dia niaraka indray ary nifaly izy ireo sy i Almà$_2$. (Jereo ny Almà 17–26.)

### 9 NY JIRIK'I GADIANTÔNA

Lehibe indrindra ny herin'io antokona mpamono olona miafina io rehefa ratsy toetra ny olona teo amin'ny fiaraha-monina ary nalemy indrindra izany rehefa tsara toetra ny olona teo amin'ny fiaraha-monina. Taloha kelin'ny 350 Taorian'i J.K. dia nanozongozona ny filaminana nisy teo amin'ny olona rehetra izy ireo. (Jereo ny Helamàna 2; 6; 4 Nefia 1:42–46.)

### 10 JESOA KRISTY

Taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty tany Jerosalema, dia niseho tany Amerika ny Mpamonjy, nanompo ny vahoaka sy nampianatra ny filazantsarany ary nanorina ny Fiangonany. Niaina tao anatin'ny fiadanana ny vahoaka nandritra ny 200 taona taorian'ny fanangiany. (Jereo ny 3 Nefia 11–28.)

### 11 RINGANA NY NEFITA

Niverina tsikelikely ny faharatsiana, nirongatra ny ady, ary ringana ny Nefita. I Môrônia izay hany sisa velona no nitazona ny rakitsoratry ny Nefita ary dia nandevina izany talohan'ny nahafatesany. (Jereo ny 4 Nefia 1:24–28; Môrmôna 8:1–8; Môrônia 10.)

SARY NATAON'I TAIA MORLEY



# IZA NO NANORATRA

*Ireo mpaminany sy mpahay tantara, ary mpitarika fahiny no nanoratra ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona sy ny tantarany tao amin'ny takela-bolamena. Taty aoriana, ny Mpaminany Joseph Smith, tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra sy ny heriny, dia nandika ny famintinana izany takelaka avy tany ifotony izany.*



**Ireo Mpanoratra na Loharanon'ilay Takelaka Fahiny avy tany Ifotony.**

- Ny Nefia$_1$, Jakôba, Enôsa, Jarôma, Ômnia, ary ireo hafa koa
- Môrmôna
- Takela-barahina tany amin'i Labàna (Jereo ny 1 Nefia 5:10–14)
- Zenifa
- Lehia (jereo ny 2 Nefia 1:1–4, 11; F&F 3, Fampidirana ny fizarana); Benjamina (Jereo ny Ômnia 1:12–23; Tenin'i Môrmôna 1:16–18; Môsia 1–6); Môsia$_2$ (Jereo ny Ômnia 1:23–25; Môsia 6:3); Almà Zanany, Zanakalahin'i Môsià, Helamana$_2$, Pahôrana, Kapiteny Môrônia, Nefia$_3$, Nefia$_4$
- Môrmôna
- Ny rakitsoratry ny Jaredita dia voarakitra ao anatin'ny takelaka miisa 24, ary tafiditra ao anatin'izany ny rakitsoratr'i Etera (jereo ny Etera 1:1–5)
- Môrônia

**Ireo Rakitsoratra Izay Nampisy ireo Takelaka.**

- Ny takelaka kelin'i Nefia (rakitsoratra miompana amin'ny zavatra ara-panahy; teo amin'ny 600 TALOHAN'I J.K ka hatramin'ny 130 TALOHAN'I J.K. )
- Ny Tenin'i Môrmôna (mifandray amin'ny takelaka kely sy ny famintinana ny takelaka lehiben'i Nefia, jereo ny andininy1–18)
- Takelaka lehiben'i Nefia (rakitsoratra mirakitra ny zavaniseho ara-nofo sy ny tantara ara-panahy; teo amin'ny 130 TALOHAN'I J.K. ka hatramin'ny TAORIAN'I J.K. 321)
- Rakitsoratr'i Môrmôna (teo amin'ny 345 TAORIAN'I J.K. ka hatramin'ny 385 TAORIAN'I J.K.)
- Bokin'i Etera, izay nanao ny rakitsoratry ny Jaredita (teo amin'ny taona 2400 TALOHAN'I J.K ka hatramin'ny taona 600 TALOHAN'I J.K.)
- Rakitsoratr'i Môrônia (Jereo ny Môrmôna 9:30–37; teo amin'ny 385 TAORIAN'I J.K. ka hatramin'ny 421 TAORIAN'I J.K.)

# NY BOKIN'I MÔRMÔNA?



Indray harivan'ny 21 Septambra 1823, dia niseho tamin'ny zazalahy Joseph Smith ny anjely Môrônia ary nilaza taminy momba ny takela-bolamena izay tokony hadika ka ho fantatra amin'ny anarana hoe ny Bokin'i Môrmôna. Efa-taona taty aoriana, dia afaka naka ny takelaka mba handikana izany i Joseph (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:27–54).



**Takela-bolamena Nomen'ny Anjely Môrônia an'ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny 22 Septambra 1827**


Takelak'i Môrmôna
(rakitsoratra izay natambatra sy nofintinin'i Môrmôna sy i Môrônia)

Ampahany misy tombokase
(tsy nadika)



**Ny Bokin'i Môrmôna**

- Pejin-dohateny*
- 1 Nefia
- 2 Nefia
- Jakôba
- Enôsa
- Jarôma
- Ômnia
- Tenin'i Môrmôna
- Môsià
- Almà
- Helamàna
- 3 Nefia
- 4 Nefia
- Môrmôna
- Etera
- Môrônia



*Nanazava i Joseph Smith hoe: "Ny pejin-dohatenin'ny Bokin'i Môrmôna dia nadika ara-bakiteny, nalaina avy tao amin'ny pejy farany indrindra teo amin'ny ilany ankavia tao amin'ilay amboaram-bokin'ilay takelaka" (*History of the Church,* 1:71).



Ny boky sora-tanana voalohan'izany dikan-teny izany dia vita tamin'ny taona 1829, ny fanontana izany boky soratanana izany dia vita nandritra ny taona 1829–30 ary ny tahadika 5.000 voalohany tamin'ny Bokin'i Môrmôna dia nivoaka tamin'ny taona 1830.

*Ny fanazavana ao anatin'ity tabilao ity dia ny fitambaran'ny zavatra nalaina avy tamin'ny teny fanolorana sy ny lahatsoratra tao amin'ny Bokin'i Môrmôna.*

*AVY ANY AN-KAVIA: SARY NALAIN'I JED CLARK; MÔRMÔNA MAMINTINA IREO TAKELAKA, NATAON'I TOM LOVELL; NY ANJELY MÔRÔNIA NISEHO TAMIN'I JOSEPH SMITH*, NATAON'I TOM LOVELL; SARY NALAIN'I CRAIG DIMOND; *MÔRÔNIA MANOLOTRA ILAY TAKELA-BOLAMENA*, NATAON'I GARY KAPP, TSY AZO ADIKA; SARY NALAIN'I EMILY LEISHMAN; SARY NATAON'I JOHN LUKE

NY BOKIN'I MÔRMÔNA

# Vavolombelona iray miaraka amin'ny Baiboly

Ny Bokin'i Môrmôna sy ny Baiboly dia samy mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ary mampianatra ireo fitsipiky ny filazantsarany izay mifanaraka amin'ny lalàn'ny baiboly fa "Amin'ny tenin'ny vavolombelona roa na telo no hanorenana mafy ny teny rehetra" (2 Korintiana 13:1). Ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra fa "ireo tenivavolombelona ao amin'ny soratra masina dia samy manamarina ny andaniny sy ny ankilany. Izany hevitra izany dia efa nohazavaina taloha elabe raha nanoratra ny mpaminany iray fa ny Bokin'i Môrmôna dia 'voasoratra ka ny fikasana dia ny hahazoanareo mino [ny Baiboly]; ary raha mino [ny Baiboly] ianareo dia hino [ny Bokin'i Môrmôna] ihany koa'[Môrmôna 7:9]. Ireo boky ireo dia samy mampifandray azy amin'ilay anankiray. Ny boky tsirairay dia mijoro ho toy ny porofo fa velona Andriamanitra ary miteny amin'ny zanany amin'ny alalan'ny fanambarana ataony amin'ny mpaminaniny Izy."[1]

Ireto ambany ireto dia misy ny lisitry ny fotopampianarana fototra ampianarina ao amin'ny Baiboly izay ampian'ny Bokin'i Môrmôna mba ho toy ny vavolombelona fanampiny.

## Ny Drafitr'Andriamanitra ho Antsika

*Ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra antsika fa Andriamanitra dia Raintsika any an-danitra. Noho izany, dia nanomana ny "drafitry ny famonjena" Izy (Almà 24:14) mba hahafahantsika ho voavonjy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.*

***Ray any an-danitra Be Fitiavana***

Baiboly: "Fa Izy no ivelomantsika sy ihetsehantsika ary iainantsika; araka ny nataon'ny mpanao tonon-kira sasany teo aminareo hoe: Fa terany koa isika" (Asan'ny Apôstôly 17:28; jereo koa ny Salamo 82:6; Hebreo 12:9).

Bokin'i Môrmôna: Fantatro fa tia ireo zanany [Andriamanitra]" (1 Nefia 11:17; jereo koa ny 1 Nefia 17:36).

***Ny Fahafatesana sy ny Tontolon'ny Fanahy***

Baiboly: "Ka ny vovoka dia hiverina amin'ny tany ho toy ny teo, fa ny fanahy kosa hiverina amin'Andriamanitra, Izay nanome iny" (Mpitoriteny 12:7; jereo koa ny 1 Petera 3:19–20; 4:6).

Bokin'i Môrmôna: "Ny fanahin' ny olondrehetra, na tsara izy na ratsy, dia entina mody any amin'Ilay Andriamanitra izay nanome aina azy" (Almà 40:11; jereo koa ny andininy 12–14).

***Fitsanganana amin'ny maty***


Baiboly: "Ary rehefa levona ny hoditro, izao simba izao, sady afaka amin'ny nofoko aho, dia hahita an'Andriamanitra" (Joba 19:26; jereo koa ny Ezekiela 37:12; 1 Korintiana 6:14; 15:54).

Bokin'i Môrmôna: "Fantatro fa fantatrareo fa ny nofontsika dia tsy maintsy hihaosa sy ho faty; kanefa dia ao amin' ny vatantsika no hahitantsika an'Andriamanitra" (2 Nefia 9:4; jereo koa ny 2 Nefia 9:12; Almà 11:43–45; 40:23).

## Didy Nomena sy Torolalana

*Ny Baiboly dia mampianatra fa Andriamanitra dia nanome ireo didy ary hitahy antsika Izy rehefa mankatò isika. Ny mpaminanin'i Bokin'i Môrmôna koa dia nirakitra sy nanaraka ireo didy.*

| | |
|---|---|
| ***Fitahiana sy Fankatoavana*** | |
| Baiboly: "Ary Jehovah nandidy antsika hanaraka ireo didy rehetra ireo sy hatahotra an'i Jehovah Andriamanitsika, mba hahita soa mandrakariva isika sy ho velona tahaka ny amin'izao anio izao. . . . Ary ho fahamarinantsika ny mitandrina hanaraka izany didy rehetra izany" (Deotoronomia 6:24–25; jereo koa ny Ohabolana 4:4; Jaona 14:21). | Bokin'i Môrmôna: "Efa nampanantena anareo Izy fa raha mitandrina ny didiny ianareo dia hiroborobo eo amin' ny tany; ary tsy mivadika na oviana na oviana amin' ny efa nolazainy Izy; noho izany, raha mitandrina ny didiny ianareo dia mitahy anareo tokoa Izy sady mampiroborobo anareo" (Môsià 2:22; jereo koa ny 2 Nefia 1:20). |
| ***Ny Didy Folo*** | |
| Baiboly: Nanambara ny Didy Folo tamin'i Mosesy ny Tompo (Jereo ny Eksodosy 20:1–17). | Bokin'i Môrmôna: Nampianatra ny Didy Folo tamin'ireo mpisoron'ny Mpanjaka Noà i Abinadia (jereo ny Môsià 12:33–36; 13:12–24). |
| ***Fahafolonkarena*** | |
| Baiboly: "Entonareo ny fahafolon-karena rehetra ho ao amin'ny trano firaketako" (Malakia 3:10; jereo koa ny Levitikosy 27:30). | Bokin'i Môrmôna: "Ary izy ihany ilay Melkizedeka izay nandoavan' i Abrahama ny fahafolonkarena; eny, na dia i Abrahama raintsika aza dia nandoa ho fahafolonkarena ny ampahafolony tamin'izay rehetra nananany" (Almà 13:15; jereo koa ny3 Nefia 24:8–10). |
| ***Batisa sy ny Fanahy Masina*** | |
| Baiboly: "Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy" (Jaona 3:5; jereo koa ny Marka 16:16; Asan'ny Apôstôly 2:36–38). | Bokin'i Môrmôna: "Mibebaha, ianareo rehetra faran'ny tany, ary mankanesa aty Amiko ary aoka hatao batisa amin'ny anarako mba hahazoana manamasina anareo amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina, mba hahazoanareo mijoro tsisy pentina eo anoloako amin'ny andro farany" (3 Nefia 27:20; jereo koa ny 2 Nefia 9:23; 31:5–9). |



**MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY**

"Aza matoky tena ianao, fa halalino ireo boky tsara indrindra— ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna— ary alaivo daholo ireo fampahalalana rehetra azonao alaina, ary avy eo dia mangataha amin'Andriamanitra ary aoka ianao hanalavitra ny karazana kolikoly sy fahalotoana rehetra, ary ny fitahian'ny Avo Indrindra dia hiaraka aminao."

**Filoha John Taylor (1808–87), *Teachings of Presidents of the Church: John Taylor* (2001), 148.**

## Ny Asa Nanirahana an'i Jesoa Kristy

*Ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna dia mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, ary ny Sorompanavotany. Mampianatra izy ireo fa ny Mpamonjy dia nitondra teo Aminy ny fahotantsika sy nandresy ny fahafatesana.*

### *Ilay Zanaka Lahitokan'Andriamanitra*

Baiboly: "Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay" (Jaona 3:16; Jereo koa ny Matio 16:16; Jaona 6:69).

Bokin'i Môrmôna: "Fantatro fa ho avy i Jesoa Kristy, eny, ny Zanaka, ny Lahitokan' ny Ray, feno fahasoavana sy famindram-po ary fahamarinana" (Almà 5:48; jereo koa ny 1 Nefia 11:16–21; Môsià 3:5–8).

### *Nanonitra ny Fahotantsika*

Baiboly: "Fa ity no rako, dia ny amin'ny fanekena, izay alatsaka ho an'ny maro ho famelankeloka" (Matio 26:28; jereo koa ny Hebreo 9:28; 1 Petera 3:18).

Bokin'i Môrmôna: "Indro manolotra ny tenany Izy ho sorona noho ny fahotana mba hanefana ny fitakian'ny lalàna ho an'ireo rehetra izay manana fo torotoro sy fanahy manenina" (2 Nefia 2:7; jereo koa ny 1 Nefia 11:33; Almà 34:8–10; 3 Nefia 11:14).

### *Nitondra ny Fahoriantsika*


Baiboly: "Nitondra ny aretintsika tokoa Izy sady nivesatra ny fahoriantsika" (Isaia 53:4; jereo koa ny Hebreo 2:18).

Bokin'i Môrmôna: "Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; . . . mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin' ny olony Izy" (Almà 7:11–12; jereo koa ny Môsià 14:3–5).

### *Nandresy ny Fahafatesana*

Baiboly: "Fa efa natsangana tamin'ny maty tokoa Kristy ho santatr'izay efa nodi-mandry" (1 Korintiana 15:20; jereo koa ny Jaona 14:19; Asan'ny Apôstôly 26:23).

Bokin'i Môrmôna: "Minoa an' i Jesoa Kristy, fa Izy no Zanak' Andriamanitra, ary novonoin'ny Jiosy Izy, ary tamin'ny herin'ny Ray no efa nitsanganany indray, tamin' izany no efa nahazoany fandresena tamin' ny fasana" (Môrmôna 7:5; jereo koa ny Môsià 16:7–8; Helamàna 14:17).



**MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY**

"Ny Bokin'i Môrmôna . . . dia manambara fa marina ny Baiboly, ary manaporofo izany, ary izy roa ireo dia samy manamarina ny andaniny sy ny ankilany."

**Filoha Brigham Young (1801–77), *Teachings of Presidents of the Church: Brigham Young* (1997), 121.**

## Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy Fahiny

*Ny Tompo dia nanorina ny Fiangonany tao Jerosalema sy tany Amerika. Ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna dia vavolombelona momba ny nanorenany sy nitarihany ny olony tamin'ny alalan'ny mpaminaniny sy ny apôstôliny.*

| | | |
|---|---|---|
| ***Mpaminany*** | Baiboly: "Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony" (Amosa 3:7; jereo koa ny Jeremia 1:7; 7:25). | Bokin'i Môrmôna: "Amin'ny alalan'ny Fanahy no ampahafantarana ny mpaminany ny zavadrehetra" (1 Nefia 22:2; jereo koa nyJakôba 4:4–6). |
| ***Ny Roambinifololahy*** | Baiboly: "Nantsoiny hanatona Azy ny mpianany, ka nifidianany roa ambin'ny folo lahy, izay nataony hoe Apostoly" (Lioka 6:13; jereo koa ny Efesiana 2:19–20; 4:11–14). | Bokin'i Môrmôna: "Hotahina ianareo raha mampandry sofina amin' ny tenin'ireto roa ambin'ny folo izay efa nofinidiko teo anivonareo ireto mba hampianatra anareo" (3 Nefia 12:1; jereo koa ny1 Nefia 11:29). |
| ***Fahefan'ny Fisoronana*** | Baiboly: "Tsy hianareo no nifidy Ahy, fa izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo" (Jaona 15:16; jereo koa ny Matio 16:19; Lioka 9:1–2; Hebreo 5:4). | Bokin'i Môrmôna: "I [Almà] dia nanokana mpisorona sy loholona izay tamin'ny alalan'ny fametrahan-tanana, araka ny lamin'Andriamanitra, mba hitarika sy hitandrina ny fiangonana" (Almà 6:1; jereo koa ny 2 Nefia 6:2; Môrônia 3). |



SARIN'I HAROLD B. LEE NATAON'I DOYLE SHAW, NAHAZOANA LALANA TAMIN'NY CHURCH HISTORY MUSEUM

### MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY

"Amin'izao andro izao izay ahitana ny fanambaniana ny Baiboly ataon'olona maro izay manafangaro ny filôzôfian'izao tontolo izao amin'ny soratra masin'ny Baiboly mba hanamaivanan-danja ny tena dikany marina, dia soa ihany fa ilay Raintsika mandrakizay any an-danitra izay mikatsaka hatrany izay mahasoa ny zanany arapanahy, dia nanome antsika ilay boky naman'ny boky soratra masina, fantatra amin'ny anarana hoe ny Bokin'i Môrmôna, mba ho fiarovana ireo fahamarinana ao amin'ny Baiboly izay nosoratana sy nolazain'ireo mpaminany araka ny fitarihan'ny Tompo. . . .

"... Amin'ny alalan'io vavolombelona faharoa io no ahafahantsika mahafantatra mazava tsara kokoa ny dikan'ireo fampianaranan'ireo mpaminany fahiny ary indrindra ny fampianaran'ny Mpampianatra sy ny mpianany fony izy ireo niaina sy nampianatra teo anivon'ny olona. Izany dia tokony hanentana ny fanahin'ireo izay mpikatsaka marina ny fahamarinana mba hanambatra ireo boky masina ireo sy handalina azy ireo ho toy ny boky iray ka hahatakatra ny tena fifandraisan'izy ireo marina toy ny hahatakarantsika izany.

**Filoha Harold B. Lee (1899–1973), *Ye Are the Light of the World* (1974), 89, 91.**

## Fandalinana Fanampiny

Ity tabilao ity dia tsy fitanisana amin'ny antsipiriany. Ao anatin'ny fandalinana manokana ataonao na ao anatin'ny fandalinan'ny fianakaviana ny soratra masina dia azonao ampiana soratra masina mifandray ity tabilao ity ary afaka mitady fitsipika bebe kokoa izay ampianarina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna sy ny Baiboly ianao amin'ny alalan'ny fampiasana ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina sy ireo fitaovam-pandalinana ao amin'ny tranokala scriptures.lds.org. ■

**FANAMARIHANA**

1. Russell M. Nelson, "Scriptural Witnesses," *Liahona,* Nôv. 2007, 43.



**Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson**

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Fomba Fandalinana

## NY BOKIN'I MÔRMÔNA

Dimy amby roapolo taona lasa izay no nanomezan'ny Filoha Ezra Taft Benson ny antsipirian'ireo "antony lehibe telo tokony hanaovan'ny Olomasin'ny Andro Farany ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna ho tanjon'ny fiainana manontolo" (1899–1994).[1] Ireto avy ireo antony ireo:

- Voalohany, ny Bokin'i Môrmôna no vato ifaharan'ny fivavahantsika—vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy, sy ny fotopampianarantsika, ary ny fijoroantsika ho vavolombelona.
- Faharoa, nosoratana ho an'izao androntsika izao ny Bokin'i Môrmôna.
- Fahatelo, ny Bokin'i Môrmôna dia manampy antsika hanakaiky kokoa an'Andriamanitra.

Ireo antony handalinana ny Bokin'i Môrmôna ireo dia manoro fomba hafa ihany koa ahafahantsika miroso ao anatin'ny fandalinana izany soratra masina manokana izany.

### Vato ifaharan'ny Fivavahantsika

Satria ny Bokin'i Môrmôna no vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'i Kristy sy ny fahafenoan'ny filazantsara dia zava-dehibe ao amin'ny fandalinantsika ny mifantoka manokana amin'ireo fampianarana sy fijoroana ho vavolombelona maro momba ny Mpamonjy izay ao anatiny. Ny sasany dia nanao izany tamin'ny alalan'ny fividianana Bokin'i Môrmôna iray vaovao sy tsy lafo vidy ary tamin'ny alalan'ny fanasiana marika ireo andininy rehetra izay miresaka na mampianatra mikasika ny Mpamonjy, sy ny Asa Fanompoany ary ny Asa nanirahana Azy. Izany dia sady mitondra fijoroana ho vavolombelona lalina kokoa momba an'i Kristy amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy no fankasitrahana vaovao an'ireo zavatra izay nataony sy mbola ataony ho antsika.

### Nosoratana Ho An'ny Androntsika

Ireo mpanoratra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nanoratra tamim-pieritreretana ireo taranaka ho avy, indrindra indrindra amin'ny andro farany. Rehefa namintina ireo rakitsoratra Nefita i Môrmôna dia nilaza fa tsy afaka nampiditra na dia ny "ampahazatony" aza (jereo ny 3 Nefia 5:8; jereo ihany koa ny Tenin'i Môrmôna 1:5). Nilaza i Môrônia hoe: "Miteny aminareo aho miova tsy ny eo ianareo, ary tsy eto anefa ianareo. Nefa indro, efa nasehon'i Jesoa Kristy ahy ianareo, ary fantatro ny ataonareo" (Môrmôna 8:35). Ireo mpanoratra roa ireo sy ireo hafa, izay niasa teo ambanin'ny fitarihan'ny Fanahy, dia nanoratra zavatra izay ho lasa tombontsoa lehibe indrindra ho antsika amin'izao andro farany izao.

Noho izany isika dia tokony handalina sady mametraka ireto fanontaniana ireto ao an-tsaintsika: "Maninona no nampidirina tato ity?" Ahoana no iharan'izany ankehitriny sy iharan'izany amiko?" Nanamarika ny Filoha Benson, ohatra, fa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika dia mahita lamina mba hiomanana amin'ny Fiaviana Fanindroan'ny Mpamonjy. Mianatra isika hoe ahoana no fomba niainan'ny mpanara-dia an'i Kristy tao anatin'ny fotoanan'ny ady, ahoana no fomba niatrehany ny fanenjehana sy ny fihemorana, ahoana no fomba nanaovany asa fitoriana, ary ahoana no niatrehany ireo zava-doza hateraky ny fitiavanjavatra ara-materialy.[2] Tahaka ny nataon'i Nefia, rehefa mandalina isika dia tokony "hampiharina" amin'ny tenantsika ny soratra masina—izany hoe, miezaka ny hamantatra ny fomba hampiharana izay hitantsika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna (jereo ny 1 Nefia 19:23).

### Manatona Akaiky kokoa an'Andriamanitra

Hindramina indray ny tenin'ny Filoha Benson manao hoe: "Tsy hoe mampianatra antsika ny fahamarinana fotsiny ny Bokin'i Môrmôna, na dia tena manao izany aza izy. Tsy hoe mijoro ho vavolombelona momba an'i Kristy



SARY NATAON'I CRAIG DIMOND

## MANDALINA TSY TAPAKA MBA HIANARAN-JAVATRA TSY TAPAKA

Tamin'ny fotoana voalohany namakiako ny Bokin'i Môrmôna dia tsy mpikambana aho. 16 taona aho tamin'izany ary nahavaky izany tao anatin'ny herinandro. Rehefa akaiky hifarana ny famakiako dia nahita andininy iray aho izay nanamafy fa raha an'i Kristy ny fiangonana iray dia hitondra ny anarany (jereo ny 3 Nefia 27:8). Tamin'izay fotoana izay dia nikoriana tamin'ny takolako ny ranomaso. Nahafantatra aho fa marina ny Bokin'i Môrmôna ary nanapa-kevitra ny hatao batisa.

Taorian'ny batisako dia namaky ilay boky indray aho, saingy tamin'izay dia nividy penina miloko aho ary nanisy marika ny andininy na ny andalana izay nanentana ny fanahiko. Nanao izany hatrany aho tao anatin'ireo famakiako taty aoriana saingy nampiako soratra teo amin'ny sisin'ireo andininy nasiako marika. Ny fotoana nanaraka dia nanampy soratra masina tamin' ireo andininy nifandray tamin'izany aho, na izany avy tao amin'ny Bokin'i Môrmôna na avy tamin'ireo soratra masina hafa.

Avy eo, tamin'ny fiandohan'ny taona iray dia nividy tahadika vaovaon'ilay soratra masina aho, satria ilay nananako dia efa feno fanamarihana, indrindra taorian'ny nampiasako izany nandritra ny asa fitoriako sy nanomanako lesona maro tamin'izany. Tamin'ity indray mitoraka ity dia nifototra tamin'ny lohahevitra ny fandalinako sy ny fanasiako marika. Nanokana loko iray isaky ny lohahevitra manokana aho—ohatra, volomboasary ho an'ny finoana, maintso ho an'ny fibebahana, sy ny sisa.

Rehefa nanohy tsy tapaka nandalina ny Bokin'i Môrmôna aho tamin'ny alalan'ny fampiasana ireo fomba samihafa ireo dia nianatra fa tsy ampy ny famakiana indray mandeha monja ny Bokin'i Môrmôna. Isika dia mianatra andalana anampy andalana rehefa manohy mandalina. Nianatra ihany koa aho fa na impiry na impiry ny efa namakiantsika izany dia hisy hatrany zavatra izay hampiteny antsika hoe: "Naninona no tsy hitako ity teo aloha? Tsy maintsy efa teo io."

Ireo soratra masina—indrindra ny Bokin'i Môrmôna—dia mampianatra antsika mikasika an'i Jesoa Kristy sy mikasika ny Raintsika any an-danitra. Ny fandalinana ny soratra masina dia nitondra ahy hanakaiky kokoa Azy ireo.

**Cristina Vergara Ramírez, Chili**

fotsiny ihany ny Bokin'i Môrmôna, na dia tena manao izany ihany koa aza izy. Fa mbola misy zavatra hafa ankoatra izany. Misy hery ao anatin'ilay boky izay hanomboka hirotsaka ao amin'ny fiainanao raha vao manomboka mandalina tsara ny boky ianao.[3]

Tena marina fa ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna dia manasa ny Fanahy, ary ny Fanahy no mpanambara ny fanambarana. Izany dia midika hoe mandalina amin'ny fomba feno fieritreretana sy fandinihana isika—misaintsaina, mivavaka ary angamba mandray an-tsoratra rehefa mamaky isika. Izany dia mahatonga antsika hahafeno ireo fepetra ilaina handraisana fahazavana sy fahatakarana fanampiny, na izany mikasika ny zavatra halalinintsika na mikasika ny zavatra hafa. Indraindray dia manampy ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna iray manontolo ao anatin'ny fotoana izay azo lazaina ho fohy mba hahazoana ny hevi-dehibe fonoson'ny tantara sy ny hafatra ao aminy. Fa amin'ny ankapobeny, ny tsara indrindra dia ny manokana fotoana sahaza isan'andro handalinana ny boky raha oharina amin'ny famakiana andininy na pejy izay efa misy isany raikitra isan'andro.



### MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY

"Nanomboka namaky ny Bokin'i Môrmôna aho talohan'ny naha diakona ahy, ary dia namaky izany hatrany aho nanomboka tamin'izay, ary fantatro fa marina izany. . . .

". . . Ho ahy dia tsy hisy mpikamban'ity Fiangonana ity ho afa-po na oviana na oviana raha tsy efa namerimberina namaky ny Bokin'i Môrmôna, ary nandinika izany lalina mba hahafahany mijoro ho vavolombelona fa tena rakitsoratra omban'ny fitarihan'ny Fanahin'Ilay Tsitoha tokoa izany, ary marina ny tantarany."

**Filoha Joseph Fielding Smith (1876–1972), ao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1961, 18.**

## Fanampiana ho an'ny Fandalinana

Sambatra isika ankehitriny fa manana karazam-pitaovana maro izay afaka manampy amin'ny fandalinantsika ny Bokin'i Môrmôna. Ny sasany dia mifamatotra amin'ny soratra masintsika—ny Torolalana araka ny Lohahevitra, ny Rakibolan'ny Baiboly ary ny Fanoroampejy araka ny abidia ao amin'ny soratra masina amin'ny teny Anglisy, ary ny Torolalana ho an'ny Soratra masina kosa amin'ny fiteny hafa. Ary isika dia manana fanovozan-kevitra maro ary soratra masina mifandray maro eny amin'ny farany ambanin'ny pejy ao anatin'ireo soratra masina navoakan'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Ireo fanampiana hafa amin'ny fandalinana izay vita printy dia ahitana ny Boky Torolalana ho an'ny Mpikambana ao amin'ny Kilasin'ny Sekoly Alahady, ny Boky Torolalana ho an'ny Mpianatra Seminera, ary ny Boky Torolalana ho an'ny Mpianatra Institiota. Ny fitombon'ny fitaovana elektrônika, izay voafaritra eo amin'ny faritra amin'ny sisiny ao amin'ny pejy faha-31 no zava-baovao amin'izao vanimpotoanantsika izao.

## Fitaovana ho an'ny Fiovam-po

Ny Bokin'i Môrmôna dia harena sarobidy tsy manan-tsahala sy fitaovana ho an'ny fiovam-po izay namboarin'ny Tompo sy nomeny ho an'izao fotoampitantanana misy antsika izao. Tsapako fa izany no fototry ny fijoroako ho vavolombelona manokana mikasika an'i Jesoa Kristy sy ny antso mahampaminany an'i Joseph Smith, ary ny maha "fanjakan'ny Tompo izay naorina indray teto an-tany" ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.[4] Faly aho mampiray ny fijoroako ho vavolombelona amin'ny an'i Jesoa Kristy fa "raha velona koa ny Tompon[ao] sy ny Andriamanitr[ao] dia marina izany" (F&F 17:6). Enga anie ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna mandritra ny androm-piainanao hahalalim-paka ny fiovam-ponao sy hitarika anao amin'ny lalana mivantana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. ■

**FANAMARIHANA**

1. Ezra Taft Benson, "Ny Bokin'i Môrmôna—Vato Ifaharan'ny Fivavahantsika," *Ensign,* Nôv. 1986, 5–7. Io lahateny manan-danja io dia naverina navoaka ao amin'ity laharana ity ao amin'ny pejy 52–58.
2. Jereo ny Ezra Taft Benson, *Ensign,* Nôv. 1986, 6–7.
3. Ezra Taft Benson, *Ensign,* Nôv. 1986, 7.
4. Teny Fanolorana ny Bokin'i Môrmôna.


## IREO SORATRA MASINA AO AMIN'NY INTERNET SY IREO FITAOVANA AZO ENTINA MANDEHANDEHA

Ankoatry ny fanamorana ny hafainganan'ny fikarohana teny sy ny soratra masina mifandray, ny soratra masina ao amin'ny internet (scriptures.lds.org) sy amin'ireo fitaovana azo entina mandehandeha (mobile.lds.org) dia manolotra fomba vaovao maro izay afaka manampy anao amin'ny fandalinanao manokana:



***My Study Notebook (Ny Firaketako ny Zavatra Nohalaliniko) (notebook.lds.org)***

***Izany firaketana ny zavatra noraisina an-tsoratra ao amin'ny internet izany dia manolotra ny ankamaroan'ireo fitaovana izay efa mety nampiasainao tamin'ny fandalinana amin'ny fomba mahazatra—fanasiana marika amin'ny alalan'ny penina miloko, fandraisana an-tsoratra, ary fampifandraisana soratra masina, ohatra —saingy manome fahafahana anao hampiasa sy hitahiry izany amin'ny fomba elektrônika. Ankoatr'izany dia azonao atao ny manisy "mari-pamantarana" izay zavatra noraisinao an-tsoratra sy ireo votoatiny hafa rehefa misy izany. Satria miditra ao amin'ny "My Study Notebook" (Ny Firaketako ny Zavatra Nohalaliniko) amin'ny alalan'ny kaontinao ao amin'ny LDS ianao dia ara-potoana hatrany ireo fanovana ao amin'ny firaketana ny zavatra nohalalininao na firy na firy ny fomba samihafa nampiasainao hidirana ao. Ireo fitaovana ireo dia hahafahanao hamorona ny tahirintsoratrao manokana araka ny lohahevitra ho an'ny fandalinana sy ny fampianarana ny filazantsara.***




***Ny Soratra Masina amin'ny Endriny sy amin'ny Fiteny Hafa (scriptures.lds.org)***

***Ny lahatsoratry ny soratra masina noraketina amin'ny fomba elektrônika sy ny raki-peon'ny soratra masina dia dia efa misy ao amin'ny LDS.org ary koa ho an'ireo fitaovana azo entina mandehandeha ankehitriny amin'ny fiteny maro ary efa eny an-dalana koa ny fanatanterahana izany amin' ireo fiteny maro hafa.***


***Ankoatra ny famakiana sy ny fihainoana amin'ny Internet dia afaka maka ny lahatsoratra sy ny raki-peo, ny ePub, ary ny lahatsoratra amin'ny endriny PDF ianao any ary afaka mampiasa izany na dia efa nivoaka tsy ho ao amin'ny internet intsony aza. Ireo soratra masin'ny Fiangonana izay nivoaka farany tao amin'ny Internet dia manamora ihany koa ny fizarana amin'ny hafa ireo hafatra sy zavatra noraketina manokana amin'ny alalan'ny e-mail sy ny fitaovan-tserasera eo amin'ny fiaraha-monina.***

***Ireo soratra masina ao amin'ny LDS.org dia hita amin'ny fiteny 21 amin'izao fotoana izao. Ny zavatra azo ampiasaina ao anatin'ireo fitaovana azo entina mandehandeha dia hita amin'ny fiteny folo eo ho eo, arakaraky ny fitaovam-pifandraisana ampiasaina.***



***Fanoroana ny tenin'olona ao amin'ny Soratra Masin'ny Olomasin'ny Andro Farany araka ny abidia (scriptures.byu.edu)***

***Io loharano io, izay novokarin'ny mpampianatra roa avy amin'ny Oniversiten'i Brigham Young amin'ny fiteny Anglisy dia mampifandray andinin-tsoratra masina amin'ny tenin'ny mpaminany sy ireo apôstôly amin'izao andro izao. Ohatra, eritrereto hoe tianao ho fantatra izay olona nampiasa ny 1 Nefia 3:7 nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana. Tsindrio ny lalam-pifandraisana hoe Bokin'i Môrmôna amin'ny ilany havian'ny efijery ary ampidino eo amin'ny hoe 1 Nefia 3 dia ho hitanao eo ny valiny.***




***Fanoroana ireo Lohahevitry ny Fihaonamben'ny Fiangonana araka ny abidia (conference.lds.org)***

***Loharano iray manampy anao hampifandray ny fandalinana soratra masina amin'ny tenin'ireo mpaminany velona ny conference.lds.org , izay manolotra lisitra mifototra amin'ny lohahevitra ho an'ny fihaonambe tsirairay an'ny Fiangonana. Ohatra, raha mandalina ny Sorompanavotana ao amin'ny soratra masina ianao dia afaka mahita lahateny dimy izay miresaka izany lohahevitra izany ao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana Volana Aprily 2011.***



# Nofin'i Lehia

## MIHAZONA MAFY NY ANJA-BY

*Ilay lohahevitra lehiben'ny Bokin'i Môrmôna izay—manasa ny olon-drehetra hanatona an'i Kristy—no zava-dehibe indrindra ao amin'ny fahitan'i Lehia.*



**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo



NY NOFIN'I LEHIA, NATAON'I GREG OLSEN, TSY AZO ADIKA

Tiako ny Bokin'i Môrmôna. Ny sasany tamin'ireo fahatsiarovako voalohany indrindra momba ny filazantsara dia ny famakian'ny reniko ahy ny *Book of Mormon Stories for Young Latter-day Saints,* nataon'i Emma Marr Petersen. Tao anatin'ireo zavatra niainako nandritra ny fahazazako sy ny fanaovana tsy tapaka nandritra ny fiainana ny fandalinan'ny tena manokana sy ny vavaka, dia tsy nitsahatra namerimberina nijoro ho vavolombelona tamin'ny fanahiko ny Fanahy Masina fa ny Bokin'i Môrmôna dia tenin'Andriamanitra.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Bokin'i Môrmôna dia testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy. Fantatro fa ny Mpaminany Joseph Smith dia nandika ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra. Ary mijoro ho vavolombelona aho fa ny Bokin'i Môrmôna no "boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto an-tany, sy vato ifaharan'ny fivavahantsika, ary [h]anatona bebe kokoa an'Andriamanitra ny olona amin'ny fanarahana ny fepetra ao anatiny toy izay ny ao anatin'ny boky hafa."[1]

### Ireo Hevi-dehiben'ny Nofin'i Lehia

Ny maha-zava-dehibe ny famakiana, fandalinana, fikarohana, ary fisaintsainana ny soratra masina amin'ny ankapobeny ary ny Bokin'i Môrmôna manokana dia nasongadin'ireo singa maromaro ao amin'ny fahitan'i Lehia ilay hazon'ny fiainana (jereo ny1 Nefia 8).

Ny hazon'ny fiainana no fototra ijoroan'ny nofin'i Lehia—fanehoana ny "fitiavan'Andriamanitra" (jereo ny 1 Nefia 11:21–22). "Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay" (Jaona 3:16). Noho izany, ny fahaterahana, ny fiainana, ary ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy Tompo dia fanehoana lehibe indrindra ny fitiavan'Andriamanitra ny zanany. Araka ny fijoroana ho vavolombelon'i Nefia, izany



## MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY

"Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Bokin'i Môrmôna dia tenin'Andriamanitra marina, ary ny fifandraisana eto an-tany sy any an-danitra dia misokatra indray, ary ny fomba marin'ny Tompo dia nambara tamin'ny olona ety an-tany, izay mampiseho ireo fomba ahafahan'ny mpino marina rehetra an'i Kristy mahazo ny fahalalana sy ny fitahiana ilaina rehetra.

**Filoha David O. McKay (1873–1970), "Marks Pointing to Authenticity of Book of Mormon,"** ***Instructor,*** **Ôkt. 1952, 318.**

fitiavana izany dia "mahatsiriritra indrindra amin' ny zava-drehetra" ary tahaka ny voalazan'ny anjely ao amin'ny fahitana hoe: "mampiravoravo indrindra ny fanahy" (1 Nefia 11:22–23; jereo koa ny 1 Nefia 8:12, 15). Ny toko 11 ao amin'ny 1 Nefia dia maneho famaritana amin'ny antsipiriany ny hazon'ny fiainana ho tandindon'ny fiainan'ny Mpamonjy sy ny asa fanompoana nataony ary ny fahafoizan-tenany—"ny fiambanian' Andriamanitra" (1 Nefia 11:16).

Ny voan'ilay hazo dia tandindon'ny fitahian'ny Sorompanavotana. Ny fihinanana ilay voan'ny hazo dia maneho ny fandraisana ny ôrdônansy sy ny fanekempihavanana izay amin'ny alalan'izany no ahafahan'ny Sorompanavotana ho lasa tena mahomby tanteraka eo amin'ny fiainantsika. Ny voany dia nofaritana ho toy ny "mampilendalenda ka mahasambatra ny olona" (1 Nefia 8:10) ary niteraka hafaliana lehibe sy faniriana hizara izany hafaliana izany amin'ny hafa.

Fa ilay tena lohahevitra lehiben'ny Bokin'i Môrmôna—dia ny manasa ny olon-drehetra hanatona an'i Kristy—no zava-dehibe indrindra ao amin'ny fahitan'i Lehia. Ny zavatra manokana mahaliana ao anatin'izany dia ilay anja-by izay mitondra mankany amin'ilay hazo (Jereo ny 1 Nefia 8:19). Ny anja-by dia ny tenin'Andriamanitra.

### Ny Fifikirana oharina amin'ny Fihazonana Mafy Tsy tapaka ny Anja-by

I Lehia rainy dia nahita vondron'olona efatra tao amin'ny fahitany. Ny telo tamin'ireo vondrona ireo dia nandroso hatrany nanaraka ilay lalana ety sy tery mba hikatsaka ny ho tonga teo amin'ilay hazo sy ny voany. Ilay vondrona fahaefatra dia tsy nikatsaka ny ho eny amin'ilay hazo, fa kosa ilay trano lehibe sy makadiry no toerana tena faran'izay tian'izy ireo hahatongavana (Jereo ny 1 Nefia 8:31–33).

Ao amin'ny 1 Nefia 8:21–23 dia mianatra momba ilay vondron'olona voalohany isika izay nandroso hatrany sy nanomboka nandeha tamin'ilay lalana nitondra nankany amin'ny hazon'ny fiainana. Na dia izany aza, rehefa tafalatsaka tao amin'ny zavon'ny haizina izy ireo, izay maneho ny "fakampanahin' ny devoly" (1 Nefia 12:17), dia tsy nahita lalana ka dia nirenireny sy very.

Mariho fa tsy misy ny filazana momba ny anja-by eo amin'ireo andininy ireo. Ireo izay

## TSY NORARAHIANA IZY IREO

Nandritra ny fiainako iray manontolo, dia nahazo hery ara-panahy avy tamin'ilay fehezanteny hoe "tsy noraharahianay izy ireo" (1 Nefia 8:33) aho. Ao amin'ny 1 Nefia ireo izay nanohy ny lalany nankany amin'ny hazon'ny fiainana dia tsy niraharaha ireo feo maneso. Niantefa tany amin'izy ireo ireo rantsantanana namingavinga, kanefa dia tsy niahotra izy ireo. Tsy nihaino izany izy ireo. Torak'izany koa isika dia maheno feo maro izay mafy sy mitondra amin'ny fakam-panahy ankehitriny. Matetika dia tena tolona mihitsy ny fanaovana izay tsy iraharahiana ireny feo ireny, kanefa dia nasehon'i Lehia fa azo atao izany.

Efa hitako fa mampangina ireo feon'izao tontolo izao aho rehefa mamonjy ny tempoly, mamaky ny soratra masina sy mandeha miangona ary manaraka ny mpaminany. Rehefa manao ireo zavatra tsotra ireo aho, dia afaka mandre ny feon'ny Fanahy Masina. Izany no feo mendrika ny ho henoina. Ary rehefa mihaino ny feon'ny Fanahy aho, dia mahazo tanjaka handresena ny fakam-panahy.

Rehefa manaraka ny ohatra nasehon'i Lehia isika ary "tsy miraharaha . . . azy ireo," dia afaka mijanona amin'ny lalana ety sy tery ary mahazo hatrany ny fitiavan'Andriamanitra.

**Melissa Heaton, Utah, Etazonia**

SARY NATAON'I DAVID STOKER



tsy mahalala na manamaivana ny tenin'Andriamanitra dia tsy hanana ilay kômpà avy any amin'Andriamanitra izay manondro ny lalana mankany amin'ny Mpamonjy. Jereo tsara fa ity vondrona ity dia nahita ny lalana ary nandroso hatrany sy naneho fananam-pinoana an'i Kristy ary faharesen-dahatra ara-panahy, kanefa dia navilin'ny fakam-panahin'ny devoly izy ireo ary dia very.

Ao amin'ny 1 Nefia 8:24–28 dia mamaky momba ireo vondron'olona faharoa isika izay nahita ny lalana ety sy tery izay mitondra any amin'ny hazon'ny fiainana. Ity vondrona ity dia "nibosesika hatrany namakivaky ilay zavon' ny haizina, nihazona tamin'ny anja-by na dia mandra-pahatongany ka nihinanany tamin'ny voan' ny hazo aza" (andininy 24). Kanefa rehefa nandrabiraby ireto vondron'olona faharoa ireto ireo olona teny amin'ny trano mijoalajoala sy malalaka izay miraratra tokoa ny fitafiany dia "menatra izy ireo" ary "nianjera tamin'ny lalana voarara izy ka very" (andininy faha-28). Mariho tsara fa ity vondrona ity dia nofaritana ho toy ny *"namikitra* ny anja-by" (1 Nefia 8:24; nampiana fanamafisana).

Zava-dehibe ny hoe nandroso hatrany tamim-pinoana sy tao anatin'ny fanoloran-tena ilay vondrona faharoa. Nahazo ilay fitahiana fanampiny tamin'ny anja-by koa izy ireo, ary dia nifikitra tamin'izany! Kanefa rehefa tratran'ny fanenjehana sy ny fahoriana izy ireo, dia lavo tany amin'ilay lalana voarara ka very. Na dia nanana finoana sy fanoloran-tena ary ny tenin'Andriamanitra aza izany vondrona izany dia mbola very ihany tamin'ny farany—satria angamba izy ireo *tsindraindray fotsiny ihany vao* namaky *na* nandalina *na* nandinika ny soratra masina. Ny fifikirana amin'ny anja-by ho ahy dia maneho *"fahazotoana"* tsindraindray handalina ny soratra masina fotsiny na firotsahana lalina tsy mitohy raha tokony ho firobohana tsy tapaka sy mitohy ao anatin'ny tenin'Andriamanitra izany.

Ao amin'ny andininy faha-30 no hamakiantsika momba ireo vondron'olona fahatelo izay nandroso hatrany "nihazona mafy ny anja-by mandra-pahatongany sy nandohalihany ary nihinanany tamin' ny voan' ny hazo." Ny andian-teny fototra eto amin'ity andininy ity dia ny hoe *nihazona mafy* ny anja-by.

Ilay vondrona fahatelo koa dia nandroso hatrany tamim-pinoana sy tamim-faharesen-dahatra; kanefa tsy nisy ny filazana hoe nirenireny izy ireo na lavo tany amin'ny lalana voarara, na very. Angamba ity vondron'olona fahatelo ity dia namaky *sy* nandalina

***Na dia nandroso tao anatin'ilay lalana ety sy tery tamim-pinoana sy tamim-panoloran-tena ary niaraka tamin'ny tenin'Andriamanitra sady namikitra ilay anja-by aza izy ireo dia very ihany tamin'ny farany—satria angamba izy ireo* tsindraindray fotsiny *ihany vao namaky na nandalina* na *nandinika ny soratra masina.***



SARY NALAIN'I MATTHEW REIER

***Ny fihazonana mafy ny anja-by dia mahatonga be dia be ny fampiasana ombam-bavaka sy tsy tapaka ary amim-pahamatorana ny soratra masina ho toy ny loharano azo antoka mikasika ny fahamarinana nambara sy ho toy ny mpitarika azo antoka eo amin'ilay dia mamakivaky ny lalana ety sy tery mankany amin'ny hazon'ny fiainana—ary indrindra mankany amin'ny Tompo Jesoa Kristy.***

*ary* nandinika ny soratra masina *hatrany*. Angamba zotom-po sy finiavana izay toa "[zavatra] kely sy tsotra" (Almà 37:6) no nanavotra ilay vondrona fahatelo tamin'ny fahaverezana. Angamba ny "fahalalana avy amin'ny Tompo" sy ny "fahalalana ny fahamarinana" (Almà 23:5, 6) azo avy amin'ny fandalinana amim-pahatokiana ny soratra masina no niteraka fanomezana ara-panahin'ny fanetren-tena—hany ka ity vondron'olona ity dia *"nandohalika* ary nihinana tamin' ny voan' ny hazo" (1 Nefia 8:30; nampiana fanamafisana). Angamba ny sakafo sy tanjaka ara-panahy izay nomena tamin'ny alalan'ny "fivokisana ny tenin' i Kristy" hatrany (2 Nefia 31:20) no nahafahan'ity vondrona ity tsy niraharaha ny fanarabiana sy fanesoana nataon'ireo olona teny amin'ilay trano mijoalajoala sy malalaka (jereo ny1 Nefia 8:33). Ity no vondrona izay tokony ho ezahantsika sy ianao hiarahana.

Nanontany ny rahalahin'i Nefia hoe: "Inona no hevitr'ilay anja-by izay hitan'ny raintsika ka nitondra nankeo amin' ny hazo?

"Dia nolazain'i [Nefia] azy ireo fa izany no tenin' Andriamanitra; ary na zovy na zovy no hihaino ny tenin' Andriamanitra sy te *hihazona izany mafy,* dia tsy ho faty na oviana na oviana izy; ny fakam-panahy sy ny zana-tsipika mirehitry ny fahavalo dia tsy afaka hampanaiky azy koa ho amin' ny fahajambana ka hitarika azy any amin' ny famongorana" (1 Nefia 15:23–24; nampiana fanamafisana).

Inona ary izany no maha samy hafa ny fifikirana sy ny fihazonana mafy ny anja-by? Mamela ahy ianareo hilaza fa ny fihazonana mafy ny anja-by dia mahatonga be dia be ny fampiasana ombam-bavaka sy tsy tapaka ary amim-pahamatorana ny soratra masina ho toy ny loharano azo antoka mikasika ny fahamarinana nambara sy ho toy ny mpitarika azo antoka eo amin'ilay dia mamakivaky ny lalana ety sy tery mankany amin'ny hazon'ny fiainana—ary indrindra mankany amin'ny Tompo Jesoa Kristy.

"Ary ny zava-nitranga dia nahita aho fa ilay anja-by izay efa hitan-draiko, dia ny tenin'Andriamanitra, izay nitondra nankamin'ny loharanon'ny rano velona, na nankamin' ny hazon' aina" (1 Nefia 11:25).

### Ny Bokin'i Môrmôna dia Natao Ho Antsika Ankehitriny

Ny Bokin'i Môrmôna dia mitondra fahamarinana izay manan-danja sy ilaina amin'izao androntsika izao ary ho an'ny toe-javatra iainantsika. Ny maha-zava-dehibe ny lafiny

ara-panahy sy fampiharana ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fiainantsika dia nasongadin'i Môrônia: "Indro, miteny aminareo aho miova tsy ny eo ianareo, ary tsy eto anefa ianareo. Nefa indro, efa nasehon' i Jesoa Kristy ahy ianareo, ary fantatro ny ataonareo" (Môrmôna 8:35). Noho ny fahitana izao androntsika izao sy ny toe-javatra iainantsika tamin'ny alalan'ny fahalalan'Andriamanitra ny zavatra rehetra mialoha, ireo mpanoratra fototry ny Bokin'i Môrmôna dia nampiditra manokana lohahevitra sy ohatra tena manan-danja ho an'ireo mponin'ny tany amin'ny andro farany.

Manasa anareo aho mba handinika tsara sy ombam-bavaka ireto fanontaniana manaraka ireto: **Inona no lesona azoko ianarana sy tokony hianarako avy amin'ny fahitan'i Lehia ny hazon'ny fiainana sy avy amin'ireo fitsipiky ny *fihazonana mafy hatrany* ny anja-by izay hahafahako hatanjaka ara-panahy hatrany eto amin'ity izao tontolo izao izay iainantsika ankehitriny ity?**

Rehefa miasa amim-pahazotoana sy mikatsaka fitaomam-panahy mba hamaliana izany fanontaniana manan-danja izany ianao, dia ho takatrao bebe kokoa amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, ao am-ponao sy ao an-tsainao, ny maha-zava-dehibe ny *mihazona mafy hatrany* ny anja-by. Ary dia ho voatahy ianao amin'ny fampiharana ireo lesona ireo miaraka amin'ny finoana sy fahazotoana eo amin'ny fiainanao manokana sy ao amin'ny tokantranonao.

Enga anie isika rehetra hanana maso hahita sy sofina handre ireo lesona fanampiny ao amin'ny fahitan'i Lehia izay hanampy antsika "[h]ibosesika handroso amin' ny fiorenana ao amin' i Kristy, amin'ny fananana fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin' ny tenin' i Kristy ary maharitra hatramin' ny farany, dia indro, izao no lazain' ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo." (2 Nefia 31:20). ■

**FANAMARIHANA**

1. *Enseignements de Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 69.

## AZA MIALA AMIN'NY LALANA!

Nampahafantarin'ny rahavaviko ahy ny Fiangonana, ary dia nahafinaritra ahy izany ka vetivety aho dia natao batisa.

Na dia tsy nahay namaky teny aza aho, dia manokatra ny Bokin'i Môrmôna ary mamadibadika izany. Nanana faniriana aho ny hamaky ireo teny tao anatin'ny pejiny. Ny vadiko izay tsy natao batisa raha tsy taty aoriana, dia niahiahy nahita ahy nipetraka nijery fotsiny ilay boky, ary dia nilaza tamiko izy fa nandany ny fotoanako fotsiny aho.


Tao anatin'ny fahasarotana lehibe sy niaraka tamin'ny fanampian'ireo rahavavy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny zanako, dia nanomboka nanandrana namaky aho. Efa tanjoko hatrizay ny hamaky ny Bokin'i Môrmôna.

Nandritra ny fotoan-tsarotra iray manokana, rehefa nanana fahatsapan-javatra ratsy aho, dia naheno mazava tsara ireto teny ireto : "Aza miala amin'ny lalana!" Nijery aho sao nisy olona manodidina ahy, kanefa tsy nisy na iza na iza.

Indray andro dia niteny tamin'ny zanako vavy aho fa efa manomboka afaka mamaky irery. Tsy nino ahy izy ary nangataka ahy hampiseho izany taminy. Rehefa nasehoko izany, dia tena diboky ny hafaliana izy.

Ny tanjoko dia ny hamaky ny Bokin'i Môrmôna hatrany am-boalohany ka hatramin'ny farany. Miadana ny famakiako, kanefa dia afaka mahatakatra aho, ary ny tena zava-dehibe dia afaka mahatsapa ny Fanahy Masina aho avy amin'ny alalan'ity boky mahafinaritra ity.

**Edite Feliciano de Paula, São Paulo, Brésil**








*Ao anatin'izao tontolo izao ankehitriny dia misy mihaino ireo hevitra feno fieboeboana natao'i Kôrihôra ilay antikristy. Saingy ny finoana an'i Jesoa Kristy rehefa miorim-paka ao anatin'ny fanahintsika dia mitondra fiovam-po marina.*

fahafahana hahazoana fitsaboana, fomba fitaterana sy fiainam-piadanana ary zavamahasoa izay tsy tao anatin'ny eritreritr'ireo taranaka teo alohantsika velively. Ny tany dia tondraky fampahalalan-javatra sy ny teknôlôjia izay mampivelatra ny fanaovana tetiarana sy ny fizarana ny filazantsara saingy mampivelatra koa ny fihanahan'ny pôrnôgrafia sy ny jeux vidéos feno herisetra ary ireo zavatra hafa toy ny "sain-dratsy sy ny fikasana izay misy ao am-pon'ny mpiaramioko" (F&F 89:4). Miaina ao anatin'ny fotoana izay ifikirana mafy amin'ny zavatra ara-materialy isika ao anatin'ny ankamaroan'ny faritra eto amin' izao tontolo izao.

Ireo toe-javatra ireo raha tsy mitandrina isika dia mety handrebireby na hitarika antsika hanalavitra ireo fitsipika izay mandrakizay sy marina ho an'ny taranaka rehetra.

Fony aho tanora misiônera tany Eorôpa tany amin'ny fiandohan'ny taona 70 dia nanomboka ny ankamaroan'ny lesonay tamin'ny fanazavana ny Apôstazia izahay satria betsaka no efa nanaiky ny maha Andriamanitra an'i



## MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY

"Ny hakingan-tsaina rehetran'ny olona rehetra eto ambanin'ny lanitra dia tsy afaka ny hamokatra sy hanolotra boky iray toy ny Bokin'i Môrmôna eto amin'izao tontolo izao. Masina ireo fitsipika ao aminy—avy amin'Andriamanitra izany. Tsy afaka ny hivoaka avy amin'ny sain'olona mpisandoka iray izany na avy amin'ny sain'olona mpanoratra tantara foronina. Nahoana?" Satria ireo fampanantenana sy faminaniana ao anatiny dia eo am-pahatanterahana eo imason'izao tontolo izao."

**Filoha Wilford Woodruff (1807–98), *Teachings of Presidents of the Church: Wilford Woodruff* (2004), 119.**

Jesoa Kristy tamin'izany fotaona izany. Rehefa niverina tany aho 20 taona taty aoriana tamin'ny naha filohan'ny misiôna ahy dia nanomboka ny resakay tamin'ny fomba hafa izahay satria tena nihananjavona ilay finoana an'i Jesoa Kristy ho ilay Zanak'Andriamanitra izay nanolotra ny ainy ho an'ny fahotantsika ary nitsangana tamin'ny andro fahatelo.

Ao anatin'izao tontolo izao ankehitriny dia misy mihaino ireo hevitra feno fieboeboana nataon'i Kôrihôra, ilay antikristy:

"Nahoana ianareo no miandrandra an'i Kristy? Fa tsy misy olona mety hahalala ny amin'ny zavatra izay ho avy.

"Indro, ireo zavatra izay antsoinareo hoe faminaniana izay lazainareo . . . dia fomba adaladalan'ny razanareo.

". . . Tsy azonareo fantarina ny amin'ny zavatra izay tsy hitanareo. . . .

". . . Ny olona tsirairay dia [m]iroborobo araka ny halalinan-tsainy [manokana] ary . . . [m]andresy araka ny heriny [manokana]" (Almà 30:13–15, 17).

Ilaintsika ilay finoantsika manokana an'i Jesoa Kristy Tompo izay mafy orina sy tsy miovaova ary mila fanampiana isika eo amin'ny fanamafisan'orina ny fianakaviantsika mba hikorianan'izany finoana izany ao anatin'ny fon'ireo zanantsika sy zafikelintsika. Rehefa miorim-paka mafy ao amin'ny fanahintsika ny finoana an'i Jesoa Kristy dia mitondra fiovam-po marina izany ary ao anatin'ny sori-dalany dia ahitana ny fibebahana, ny maha-mpianatra mahitsy fo, ny fahagagana, ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy ary ny fahamarinan-toetra maharitra. Lafiny iray manan-danja ao anatin'ny asa masin'ny Bokin'i Môrmôna izany.

Fony aho misiônera tanora dia nanao resadresaka tena nahaliana niaraka tamin'ny mpitondra fivavahana iray. Nolazainy fa tsy afaka ny hanaiky ny Bokin'i Môrmôna izy satria izany dia miresaka an-karihary momba an'i Jesoa Kristy sy ireo zava-nitranga teo amin'ny fiainany an-jato taonany maro talohan'ny nahaterahany. Hitany hoe io toetra mangarahara io dia tsy mahazatra loatra ary tsy mifanaraka amin'ny firafitry ny Testamenta Taloha izay niresaka momba ny Mpamonjy tamin'ny fomba miafina kokoa.

Ho ahy ilay fanambarana feno fahasahiana momba an'i Jesoa Kristy no tena herin'ny Bokin'i Môrmôna. Mazava ho azy fa tsy maintsy mahazo fijoroana ho vavolombelona ara-panahy isika fa avy amin'Andriamanitra izany boky izany. Saingy raha vao azo izany dia hiharihary amin'ny fomba miavaka eo anatrehantsika ireo tanjon'i Kristy, sy ny fahamarinana momba ny fiainany sy ny Fitsanganany tamin'ny maty ary ny fahazavan'ny zavatra izay ilaina mba hanarahana Azy sy hahazoana ny fiainana mandrakizay.

## Ny Fijoroana ho Vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy

Ny famakiana sy ny fisaintsainana miaraka amin'ny herin'ny Fanahy Masina ireo toriteny lehibe momba an'i

*KÔRIHÔRA NIFANEHITRA TAMIN'I ALMÀ,* NATAON'I ROBERT T. BARRETT


## NOHO NY BOKIN'I MÔRMÔNA IZANY REHETRA IZANY

Efa enim-bolana lasa tamin'izay no nahavitan'ny batisako nefa mbola tsy nanana fijoroana ho vavolombelona mafy orina momba ny Bokin'i Môrmôna aho. Indray andro rehefa tsy nanana faniriana ny hamaky ny soratra masina aho dia nahatsiaro ny zavatra nolazain'ilay mpampianatra ny Fitsipiky ny Filazantsara ahy nanao hoe: "Matoa ianao tsy mahatsapa ilay faniriana te hamaky dia satria tsy tian'i Satana hamaky ny soratra masina." Noho izany fampitandremana izany dia nanokatra ny Bokin'i Môrmôna aho. Namaky aho hoe: "Iza no ho nihevitra fa ny Andriamanitsika dia ho feno famindram-po tokoa ka handrombaka antsika hiala amin'ny toetsika mamohehatra, feno fahotana ary maloto?" (Almà 26:17). Nameno fifaliana ny fanahiko ireo teny ireo satria tsaroako ny toe-panahiko talohan'ny naha-mpikambana ahy tao amin'ny tena Fiangonana marin'i Jesoa Kristy. Ny Fanahin'ny Tompo dia nijoro ho vavolombelona tao am-poko momba ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna.


Tsy naniry ny ho misiônera mandritra ny fotoana feno aho saingy taorian'io andro io dia niova ny zava-drehetra. Nahatsapa mafy aho fa mila mahafantatra ny fahamarinana izao tontolo izao ary dia nanomboka niomana aho. Nandeha tany amin'ireo mpitarika ahy aho ary nilaza tamin'izy ireo ny faniriako hanompo. Nohazavaiko tamin'ny ray aman-dreniko izany izay nipetraka tany amin'ny tanàna iray hafa ary tsy mpikamban'ny Fiangonana. Dia namidiko ny zava-drehetra nananako ary nividy fitafiana ho an'ny fanaovako asa fitoriana aho. Ny vokatr'izany tamin'ny farany dia nandeha nanao asa fitoriana aho nanomboka tamin'ny 2003 ka hatramin' ny 2005.

Ankehitriny, ny fianakaviako—ao anatin'izany ny vadiko sy ny zanakay vavy—dia voafehy mandrakizay. Izany fitahiana izany dia vokatry ny fijoroana ho vavolombeloko momba ny Bokin'i Môrmôna ihany koa. Fantatro fa marina ny Bokin'i Môrmôna satria mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy Tompo izany ary manakaiky an'Andriamanitra aho rehefa mamaky izany rakitsoratra masina izany.

**Adilson Lucero dos Santos, Paraná, Brésil**




*Ny fahitan'i Nefia*



*Ny fijoroana ho vavolombelon'i Lehia*



*Ny toritenin'ny Mpanjaka Benjamina*



*Ny fijoroana ho vavolombelon'i Abinadia*

*Ny famakiana sy ny fisaintsainana ireo toriteny lehibe momba an'i Jesoa Kristy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia miteraka fijoroana ho vavolombelona mazava momba ny fahamarinan'izy ireo.*

Jesoa Kristy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia miteraka fijoroana ho vavolombelona azo antoka momba ny fahamarinan'izy ireo. Tiako ny mirotsaka mangina mamaky ny Bokin'i Môrmôna ka mivoky amin'ireo fotopampianarana mahery vaika momba an'i Kristy: ny fahitan'i Nefia an'ilay hazon'aina niaraka tamin'ilay anjely nanontany hoe: "Moa fantatrao ny momba ny fiambanian'Andriamanitra?" (1 Nefia 11:16); ny fijoroana ho vavolombelon'i Lehia hoe "ny fanavotana dia tonga amin'ny alàlan'ny Mesia Masina sy ao Aminy; satria feno fahasoavana sy fahamarinana izy" (2 Nefia 2:6); ny nanampian'i Jakôba hoe Izy no "mpiandry ny vavahady ary tsy mampiasa mpanompo Izy eo amin'ny vavahady" (2 Nefia 9:41).

Avy eo dia arahantsika indray i Benjamina Mpanjaka izay mampianatra antsika ireo toetra tsara tokony hananan'ny mpianatra miaraka amin'ilay fanambarany mafy orina hoe "tsy hisy anarana hafa omena na lalàn-kafa na fomba izay mety hahatongavan'ny famonjena amin'ny zanak'olombelona, afa-tsy ao Aminy sy amin'ny alalan'i Kristy ihany" (Môsià 3:17).

Vetivety isika dia miaraka amin'i Abinadia izay handeha hamoy ny ainy ho an'ny zavatra inoany:

"Nefa misy ny fitsanganana amin'ny maty, noho izany ny fasana dia tsy manana fandresena ary ny fanindronan'ny fahafatesana dia efa voatelina ao amin'i Kristy.

"Izy no fahazavana sy fiainan'izao tontolo izao; eny, fahazavana tsisy fiafarana izay tsy azo hamaizinina na oviana na oviana" (Môsià 16:8–9).


I Almà dia mitondra ireo fotopampianarana tena tsara momba ny Sorompanavotana, ny fahamarinana sy ny famindram-po izay tonga velona: "Ny drafitry ny famindram-po dia tsy azo notanterahina raha tsy natao ny sorompanavotana; noho izany dia Izy Andriamanitra tenany no manonitra ho an'ny fahotan'izao tontolo izao mba hahatanteraka ny drafitry ny famindram-po, mba hanefa ny fitakian'ny fahamarinana ka hahatonga an'Andriamanitra ho Andriamanitra marina, fanaperana ary ho Andriamanitra feno famindram-po koa." (Almà 42:15).

Avy eo dia tonga eo amin'ny famangiana mahagaga nataon'ny Mpamonjy tany amin'ny zanak'i Lehia isika. Isika koa dia mahatsapa ny fitiavany, ny fangorahany sy ny fampianarany ary ny fijoroany ho vavolombelona manokana:


"Izao no filazantsara izay efa nomeko anareo—fa tonga teo amin'izao tontolo izao Aho mba hanao ny sitrapon'ny Raiko, satria ny Raiko naniraka Ahy. . . .

"Ary naniraka Ahy ny Raiko mba hahazoana manandratra Ahy eo amin' ny hazofijaliana; ary taorian' ny efa nanandratana Ahy teo amin' ny hazofijaliana, dia ny mba hahazoako misintona ny olon-drehetra aty Amiko, ka toy ny efa nanandratan' ny olona Ahy, dia toy izany koa no hanandratan' ny Ray ny olona hijoro eo anoloako mba hotsaraina amin' ny asany, na tsara izany na ratsy" (3 Nefia 27:13–14).

Farany dia ny antso farany nataon'i Môrmôna sy Môrônia: "Fantaro fa tsy maintsy . . . mibebaka amin'ny fahotanareo sy ny helokareo rehetra [ianareo] sy mino an'i Jesoa Kristy fa Izy no Zanak'Andriamanitra" (Môrmôna 7:5). "Eny, manatòna an'i Kristy, ary aoka hatao tanteraka ao Aminy, ary holavin'ny tenanareo ny toetra tsy araka an'Andriamanitra rehetra; ary raha mandà ny toetra tsy araka an'Andriamanitra rehetra ny tenanareo, ary tia an'Andriamanitra amin'ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra ianareo, amin' izany dia ampy ho anareo ny fahasoavany, fa



*Ny fisehoan'i Jesoa Kristy*



*Ny antso farany nataon'i Môrmôna sy Morônia*

amin'ny fahasoavany no hahatonga anareo ho tanteraka ao amin'i Kristy" (Môrônia 10:32).

### Nambara ao anatin'ny Tantaran'ireo Fianakaviana ireo hafatra

Izany fijoroana ho vavolombelona mahery vaika ara-panahy ary maharesy lahatra izany izay milaza hoe i Jesoa Kristy no tena ilay Mesia nampanantenaina—ilay Zanak'Andriamanitra voahosotra izay nalefa tety an-tany mba hanatanteraka ny fitsanganan'ny olona rehetra amin'ny maty sy ny fanadiovana ara-panahy ireo izay hibebaka sy hanaraka Azy—dia nambara ao anatin'ny tantaran'ireo fianakaviana.

Ny Bokin'i Môrmôna dia manomboka amin'ny fianakaviana iray, ray sy reny, zanakalahy sy zanakavavy izay nanaraka ny fanambarana nataon'ilay mpaminany izay rain'izy ireo mba handao ny zavatry ny tany ary hanaraka ny torohevitry ny Tompo. Ireo tantara ao amin'ny boky dia feno zavatra mikasika ireo ray aman-dreny izay mikatsaka ny handrotsaka ao anatin'ireo zanany ilay fampanantenana sy fanantenan'i Jesoa Kristy. Indray mandeha aho nisintona torohevitra manokana avy amin'ny ray ho an'ny zanakalahy tao anatin'ireo pejin'izany—ny totaliny dia teo amin'ny 52 pejy teo izay notendrena tamin'ny milina fanoratana. Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika dia mahita ny fomba nampianaran'ny ray aman-dreny ny finoana an'i Kristy sy ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra tamin'ny zanaka izay mpankato hatramin'ny fahakeliny sy tamin'ny zanaka izay nandeha tany amin'ny lalan-kafa—izay indraindray ao anatin'ny fianakaviana iray ihany. Lesona ho an'izao androntsika izao izany sy ho an'ny zanantsika ary ho an'ny fianakaviantsika.

Ny andraikitra manokan'ireo vehivavy sy ny zanakavavy amin'ny lafiny iray dia somary tsy dia voalaza, toy ny mahazatra ao anatin'ny rakitsoratra fahiny. Saingy rehefa mijery mihoatra ny zavatra izay miharihary isika dia mahita ny fitarihan'izy ireo izay maharitra mandrakizay. Tiantsika fatratra ireo ampahany sarobidy izay miresaka momba ny vehivavy sy ny zanakavavy, toy ny rehefa faritana ho "malia sy madio ary marefo eo anoloan'Andriamanitra" ny fahatsapany (Jakôba 2:7) na rehefa lazain'i Helamàna fa ny hatsaran-toetran'ireo

NY *FAHITAN'I NEFIA*, NATAON'I CLARK KELLEY PRICE; SOMBINY AVY TAMIN'NY *LIAHONA*, NATAON'I ARNOLD FRIBERG © 1951 IRI; *NY LAHATENIN'NY MPANJAKA BENJAMINA*, NATAON'I JEREMY WINBORG, TSY AZO ADIKA; SOMBINY AVY TAMIN'NY *NY NISEHOAN'I ABINADIA TEO ANOLOAN'NY MPANJAKA NOÀ*, NATAON'I ARNOLD FRIBERG © 1951; *MBA HOTSAROANAREO MANDRAKARIVA AHO*, NATAON'I GARY KAPP © 1998, TSY AZO ADIKA; *I MÔRMÔNA MANAO VELOMA ILAY FIRENENA IRAY IZAY NISY FOTOANA TENA LEHIBE*, NATAON'I ARNOLD FRIBERG © 1951 IRI

### BOKY ROA, FIANAKAVIANA MANDRAKIZAY ANANKIRAY

Raha handeha hody iny ny vadiko dia nahita kitapo iray teny an-dalàna. Taitra izy fa nisy Bokin'i Môrmôna iray tao anatin'izany. Nentiny tany an-trano izany ary nampisehony ahy. Novakiany kely izany ary hitany hoe mahaliana saingy navelany tany taty aoriana.

Fotoana fohy taorian'izay dia maty izy. Nandeha nitetitety fiangonana aho mba hitady fankaherezana ary te-hahafantatra raha toa ka mbola mitohy ny fiainana aorian'ny fahafatesana. Rendriky ny ahiahy aho niaraka tamin'ny fanontaniana maro tsy voavaly.

Avy eo raha teny an-dalana handeha hiasa aho dia nahita boky izay fantatro teo amin'ny sisin-dalana—ny Bokin'i Môrmôna. Nalaiko ilay izy satria ny fahitako izany dia nampahatsiaro ahy ny vadiko malala. Nolazaiko tamin'olona anankiray ilay zavatra hitako ary nanoro hevitra ahy izy mba hamaky izany.

Nandeha teny ny andro, ary indray hariva dia nandeha namangy ny rahavaviko aho izay Olomasin'ny Andro Farany. Sendra tao tamin'izay ireo misiônera tamin'ny fotoana feno ary nihira ny "Zanaky ny Ray aho" izy ireo. Teo aho no nahafantatra fa afaka mamaly ny fanontaniako ireo misiônera.

Taorian'ny nandraisako ireo lesona sy nahazoako fijoroana ho vavolombelona dia natao batisa aho. Ankehitriny aho dia afaka mijoro ho vavolombelona amim-pahatokiana tanteraka fa nahita ny Ray sy i Jesoa Kristy Zanany i Joseph Smith.

Izaho dia mino fa tsy fifanojoan-javatra ny samy nahitanay mivady ny Bokin'i Môrmôna. Na dia tsy vita batisa aza ny vadiko nandritra ny fiainany teto an-tany dia faly aho satria noho ireo ôrdônansin'ny tempoly, izahay sy ny zanakay sarobidy anankiroa dia afaka hiaraka ho fianakaviana mandrakizay. Nampiray anay ny Bokin'i Môrmôna ary nitondra fiadanana ho an'ny fanahinay.

**María Mash, Guatemala**

*Ireo tantara ao amin'ny boky dia feno zavatra mikasika ireo ray aman-dreny izay mikatsaka ny handrotsaka ao anatin'ireo zanany ilay fampanantenana sy fanantenan'i Jesoa Kristy.*



zatovo miaramilany dia avy amin'ireo reniny marin-toetra:

"Nankatoaviny sy noezahany ny hanatontosa ny teny tsirairain'ny fibaikoana tamin'ny antsipiriany; eny, ary dia efa natao taminy araka ny finoany; ary izaho dia nahatsiaro ny teny izay nolazainy tamiko fa efa nampianarin'ny reniny azy. . . .

"Ankehitriny dia izany no finoan'ireo izay efa noresahiko ireo; tanora izy ireo ary mitombina ny sainy, ary apetrany lalandava amin'Andriamanitra ny fitokiany. . . .

". . . Efa nampianarin'ny reniny izy ireo fa raha tsy miroanahana izy ireo, dia Andriamanitra no hanafaka azy ireo.

"Ary naveriny tamiko ny tenin'ny reniny manao hoe: Tsy miroanahana izahay, nahafantatra izany ny reninay" (Almà 57:21, 27; 56:47–48).

Manasa anareo aho mba handinika ireto fanontaniana manaraka ireto mba hanampiana anareo amin'ny fampiharana ireo fampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fianakavianareo:

- Inona avy ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay mampianatra antsika fa ny zanaka dia mila mahita fahamasinana sy fahamarinantoetra ao anatin'ny finoan'ireo ray aman-dreniny?
- Inona avy ireo torohevitra nomen'ireo ray an'ireo zanany tao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay mety ho tiantsika hozaraina amin'ny zanatsika?
- Inona no ianarantsika momba ny ezaka ataontsika amin'ny zanaka izay tsy mankatò?
- Ahoana no fomba hizaran'ireo ray aman-dreny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny finoany lalina amin'ireo zanany?
- Inona no ianarantsika momba ny finoana, noho izany afindra any amin'ny taranaka iray mankany amin'ny anankiray hafa?

Tsy misy zavatra manan-danja kokoa azo zaraina amin'ny olona iray hafa noho ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo. Izany dia mitondra fahatakarana ireo fanamby eo amin'ity fiainana ity sy fifaliana eo anivon'ny olana ary fiainana mandrakizay any amin'ilay tontolo ho avy.

Maro ireo hery misariky ny tany izay misintona antsika sy ny fianakaviantsika hivoaka avy ao anatin'izany finoana tena iankinan'ny aina izany. Ny Bokin'i Môrmôna dia manasa antsika sy ny fianakaviantsika mba handray ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo, ary mizara ireo fitsipika izay hanampy ny fianakaviantsika mba hahomby.

Mijoro ho vavolombelona aho fa marina ny Bokin'i Môrmôna ary dia tena nomena ny Mpaminany Joseph Smith tokoa izany tamin'ny alalan'ny anjely Môrônia teo ambanin'ny fitarihan'i Jesoa Kristy Tompo. Ho an'izao androntsika izao sy ho an'ny zanatsika ary ny zafikelintsika izany. Rehefa manokatra izany isan'andro amim-pinoana isika dia mampanantena aho fa hirotsaka eo amintsika ny Fanahin'ny Tompo ary ho voatahy mandrakizay ny fianakaviantsika. ■

*TONGA TANY AMIN'ILAY TANY NAMPANANTENAINA I LEHIA SY NY VAHOAKANY,* NATAON'I ARNOLD FRIBERG

## ZAVA-NISEHO FAHINY ARY FAMPIHARANA IZANY ANKEHITRINY

Afaka mahita valin-javatra foana aho ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Mianatra zavatra maro aho avy amin'ny fandalinako izany ary tsapako fa miova aho amin'ny lafiny tsara.

Nieritreritra aho vao haingana hoe inona no hataoko izao satria efa lehibe ny zanako enina. Nanontany tena aho hoe inona no tian'ny Ray any an-danitra hataoko.

Nandritra ny fotoana fandalinako tsy tapaka ny soratra masina dia sendra ny iray tamin'ireo tantara momba ny ady tao amin'ny Bokin'i Môrmôna aho. Nanaitra ahy ny antson'i Môrônia mba hiaro ny fianakaviana, ankoatry ny zavatra maromaro hafa (jereo Almà 46:12). Tena vonona ny hiaro ny fianakaviany ireo Nefita. Rehefa namaky izany tantara izany aho dia nanapa-kevitra fa na inona na inona hitranga dia te-hanana izany tanjona izany ihany koa aho eo amin'ny fiainako, dia ny hitolona ho an'ny fianakaviako izany. Traikefan'ny tena manokana ary traikefa tsara izany.

Fantatro fa nosoratana ho an'izao androntsika izao ny Bokin'i Môrmôna. Feno fankasitrahana aho fa afaka mitady torolalana ao anatin'io boky io eo amin'ny fiainako. Tena anja-by marina izy io (jereo ny 1 Nefia 8).

**Eun Jung, Corée**

# Raha Tsy Miroanahana Isika

*Halalino ity hafatra ity ary raha ilaina dia ifanakalozy hevitra miaraka amin'ny rahavavy izay vangianao. Ampiasao ireo fanontaniana mba hanampy anao hampatanjaka ireo rahavavy sy hahatonga ny Fikambanana Ifanampiana hanana toerana lehibe eo amin'ny fiainanao.*

**Finoana • Fianakaviana • Fanampiana**

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia mamaky mikasika ny zatovolahy faka tahaka izay feno herimpo sy natanjaka isika. "Eny, lehilahin'ny fahamarinana sy ny fahamatorana izy ireo, fa efa nampianarina azy ireo ny hitandrina ny didin'Andriamanitra sy handeha araka ny hitsiny eo anoloany." (Almà 53:21) Ireo zatovolahy mahatoky ireo dia nanome voninahitra ny renin'izy ireo—izay ohatra ho azy ireo sy mpampianatra azy ireo.

Ireo renin'ny miaramilan'i Helamàna dia niaina tao anatin'ny vanimpotoana tsy mitovy amin'ny antsika. Ny toe-javatra niainan'izy ireo dia sarotra sy nampidi-doza, ary ny tanora dia nantsoina hiaro ny fahafahana ara-batana sy ara-panahy. Ankehitriny isika dia miaina ao anatin'ny tontolo izay "tsy [hitolomantsika] amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra" (Efesiana 6:12).

Ny fotoan-tsarotra dia mitaky mafy ray aman-dreny sy ohatra matanjaka izay mampianatra ny fahamarinana izay fantatry ny miaramilan'i Helamàna: "Raha tsy miroanahana izy ireo, dia Andriamanitra hanafaka azy ireo" (Almà 56:47). Ny fampianarana sy ny fanehoana amin'ny ohatra izany fahamarinana izany dia mitaky fahamalinana ankehitriny. Kanefa tsy mila matahotra isika. Rehefa fantatsika hoe iza isika ary hoe iza Andriamanitra ary nanao fanekempihavanana taminy isika, dia—tahaka ny renin'ireo miaramila ireo—dia hanana hery mitarika lehibe ho amin'ny tsara isika.

Ny ankamaroan'ny tsirairay tamin'ireo miaramilan'i Helamàna 2.060 dia nentanin'ny hery mitariky ny reny iray. Saingy tsy niasa irery ireo reny ireo. Niaraka tamin'ny lehilahy sy vehivavy marina hafa, ireo reny ireo dia tsy maintsy nanambatra ny finoany sy ny ohatr'izy ireo mba hampianatra ny herin'ny fanekempihavanana. Ireo tanora tamin' izany andro izany dia nahatakatra ny fanekempihavanana izay nataon'ireo ray aman-drenin'izy ireo mba tsy handray anjara amin'ny ady. Ary na dia toa tsy ho vita aza izany, dia nanokatra lalana ho an'ireo ray aman-dreny ireo ny Ray any an-danitra feno fitiavana mba hihazonan'izy ireo ny fanekempihavanany—sy hiarovany ny fahafahany (jereo ny Almà 56:5–9). Tahaka izany koa isika dia tokony hanaja ny fanekempihavanantsika mba hahatakaran'ireo ankizy sy tanora—ireo zanatsika sy ireo izay ao amin'ny paroasintsika, sampana misy antsika, sy ny mpifanolobodirindrina amintsika, ary ny fiaraha-monintsika—sy hanohanan'izy ireo ny fitandremana ny fanekempihavanana.

Rehefa manaja ny fanekempihavanantsika isika, dia afaka manomana ny lalana ho antsika ny Ray any an-danitra. Tokony hiaina ireo fanekempihavanantsika amim-pitandremana tsara isika. Ohatra, afaka mitandrina tsara isika rehefa mivavaka, rehefa mandalina ny soratra masina, rehefa mihazona ny fahazoan-dalana ho any amin'ny Tempoly sy rehefa manao akanjo maontina ary rehefa manaja ny Sabata. Rehefa manao izany isika dia hahafantatra sy afaka hiteny ireo zanatsika hoe: "Tsy miroanahana izahay, nahafantatra izany ny reninay" (Almà 56:48).

Ny vehivavy Olomasin'ny Andro Farany izay mahatsapa fa ny herin'izy ireo dia avy amin'ny Sorompanavotan'ny Tompo dia tsy milavo lefona mandritra ny fotoana sarotra sy mahakivy. Amin'ny maha-mpitandro ny fanekempihavanana antsika dia haintsika ny manohana sy mikarakara ary miaro ireo ankizy sy ireo tanora ka indray andro any afaka hiteny mikasika ity taranaka ity isika hoe: "Fa na oviana na oviana dia tsy nahita herim-po lehibe toy izany aho, tsia, tsy teo anivon'ny Nefita rehetra" (Almà 56:45). ■

***Julie B. Beck, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany.***

## *Inona no Azoko Atao?*

**1.** Ahoana no ahafahako manampy ireo rahavaviko mba hahafantatra ilay hery ananan'izy ireo hitarihana ny taranaka vao misondrotra sy handray andraikitra eo anatrehan'izany?

**2.** Inona ny fitarihan'ny Fanahy ho hitako ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay hitondra valiny amin'ireo fanamby atrehako ankehitriny?

Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia mitsidiha ny www.reliefsociety.lds.org

## *Avy amin'ny Soratra Masina*

Almà 53; 56–58



SARY NALAIN'I ROBERT CASEY


# ZATOVO ROA ARIVO




© 2009 an'i Bonnie Hart Murray sy Janice Kapp Perry. Zo rehetra voatokana. Ny hira dia azo adika raha ilaina ampiasaina ao an-tokantrano na any am-piangonana fa tsy hitadiavam-bola. Ny fanamarihana dia tsy maintsy ampidirina ao amin'ny tahadika tsirairay ho ny hovonona.

Alma 53; 56–57


# Fampianarana ho an'ny Androntsika



**Mihevitra ny Momba Antsika Ny Tompo**

"Tsaroako ny tenin'ny Tompo hita ao amin'ny bokin'i Etera ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Hoy ny Tompo hoe: 'Tsy afaka mita ity hantsana lehibe ity ianareo raha tsy omaniko ianareo hiatrika ny onjan-dranomasina, sy ny rivotra izay efa nivoaka ary ny alondrano izay ho avy' [Etera 2:25]. Ry rahalahiko sy anabaviko, nanomana antsika Izy. Raha manaraka ny teniny isika sy miaina ny didiny dia ho tafavoaka velona avy ao amin'ity fotoanan'ny baranahiny sy ny faharatsiana ity—fotoana izay azo oharina amin'ny onja sy ny rivotra ary ny tondra-drano izay afaka mandrava. Mihevitra ny momba antsika hatrany Izy. Tia antsika sy hitahy antsika Izy rehefa manao ny tsara isika."

**Filoha Thomas S. Monson, "Teny famaranana,"** ***Liahona,*** **Nôv. 2009, 109.**



**I Jesoa no Kristy**

"Ny Bokin'i Môrmôna no fijoroana ho vavolombelona voasoratra mahery vaika indrindra ananantsika mikasika ny hoe i Jesoa no Kristy. Inona no nolazain'i Nefia fa fototra handraisana ny Fanahy Masina? Ny Finoana an'i Jesoa Kristy Tompo. Moa ve ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna tsindraindray afaka manome antoka ny fananana finoana an'i Jesoa Kristy Tompo? Tsy tokony hiantehitra fotsiny amin'izany ianao raha mamaky tsara ny Nefia. Nilaza izy fa ity 'no fanomezana . . . ho an'ireo izay rehetra mikatsaka Azy amim-pahazotoana.' Azo antoka fa ny hoe amim-pahazotoana dia midika ho tsy tapaka. Ary azo antoka fa midika hoe misaintsaina sy mivavaka izany. Ary azo antoka fa tafiditra ao anatin'ilay hoe mivavaka ny fitalahoana mafy mba hahafantatra ny fahamarinana. Na inona na inona latsak'izany dia tsy azo antsoina hoe amim-pahazotoana. Ary na inona na inona latsak'izany dia tsy ho ampy ho anao sy ho ahy."

**Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Going Home," ao amin'ny** ***Brigham Young University 1986–87 Devotional and Fireside Speeches*** **(1987), 77–78.**



**Fanambarana Mikasika ny Filazantsara**

"Ireo singa fototry ny hafatry ny filazantsara dia hita ao amin'ireo soratra masina rehetra, saingy omena antsika amin'ny fomba mazava indrindra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ary ao amin'ireo fanambarana nomena ny Mpaminany Joseph Smith. Eto dia i Jesoa Tenany mihitsy no manambara mazava ny fotopampianarany sy ny filazantsarany, izay ilain'ny zanak'Andriamanitra arahina mba '[hahazoana] ny fiainana mandrakizay' (F&F 14:7)."

**Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Have We Not Reason to Rejoice?"** ***Liahona,*** **Nôv. 2007, 19.**

Mianatra avy amin'ny mpaminany fahiny isika fa ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra "zavatra tsotra sy sarobidy" maro izay voatahiry mba hampianarina antsika amin'ny androntsika (jereo ny 1 Nefia 13:40; 19:3). Ireo fahamarinana ireo dia manome fahazavana sy fahatakarana mitombo mikasika ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa kristy ary manampy ireo mpandalina ny Bokin'i Môrmôna hanivatsiva ireo fanambin'ny fiainana miaraka amin'ny fanantenana sy ny hery. Ao anatin'ireto teny manaraka ireto dia mijoro ho vavolombelona momba ireo fampianarana manan-danja ireo ireo mpaminany sy apôstôly maoderina.



**Batisan'ny Ankizy Madinika**

"[Ny olona sasany dia mino] fa ny ankizy madinika dia notorotoronina tao anatin'ny fahotana ary miditra eto amin'ny fiainana an-tany ao anatin'ny toetra voajanaharin'ny fahalovana. Diso izany fotopampianarana izany!

"'Raha fantatro ny marina,' hoy i Môrmôna nanoratra, 'nisy fifanjihirana teo anivonareo momba ny batisan'ny ankizy madinikareo' (Môrônia 8:5).

"Nantsoina hoe 'hadisoana bontolo' ny fifanjihiran'izy ireo ary nanoratra izy hoe: . . .

"'Henoy ny tenin'i Kristy, Mpanavotra anareo, Tomponareo sy Andriamanitrareo. Indro, tonga teo amin'izao tontolo izao Aho tsy hiantso ny marina fa ny mpanota ho amin'ny fibebahana; tsy ny salama no mila mpitsabo fa ireo izay marary kosa; koa ny ankizy madinika dia salama, satria tsy mahavita manota; noho izany, ny ozon'i Adama dia esorina hiala aminy ao Amiko, ka tsy manam-pahefana aminy izany; . . .

"'Ary araka izany fomba izany no nanehoan'ny Fanahy Masina tamiko ny tenin'Andriamanitra; noho izany, ry zanako malala, dia fantatro fa fanarabiana marina tokoa eo anoloan'Andriamanitra ny hanaovanareo batisa ny ankizy madinika' (Môrônia 8:7–9). . . .

"Vakio ny taratasiny iray manontolo. Fotopampianarana marina izany."

**Filoha Boyd K. Packer, Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Little Children," *Ensign*, Nôv. 1986, 17.**



**Fampitandremana avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna**

"Anisan'ireo lesona ianarantsika avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny antony sy ny fiantraikan'ny ady ary ny fepetra azo hanamarinana ny fisian'izany. Milaza ireo faharatsiana sy ireo loza aterak'ireo tsikombakomba miafina izany, izay natao mba hahazoana fahefana sy tombontsoa amin'ny vahoaka. Milaza ny fisian'i Satana sy manome fanamarihana mikasika ny sasantsasany amin'ireo fomba ampiasainy izany. Manoro hevitra antsika amin'ny fomba tsara tokony hampiasana ny harena izany. Milaza amintsika momba ireo fahamarinana feno sy sarobidin'ny filazantsara izany sy ny fisian'i Jesoa Kristy ary ny maha-Andriamanitra Azy ary ny Sorompanavotany ho an'ny zanak' olombelona rehetra. Mampahafantatra antsika mikasika ny fanangonana ny mpianakavin'i Isiraely amin'ny andro farany izany. Manambara amintsika ny tanjona sy ireo fitsipiky ny asa fitoriana izany. Mampitandrina antsika manoloana ny avonavom-po, ny tsy firaharahiana, ny fanemorana fotoana, ny loza avy amin'ny fomban-drazana diso, ny fihatsarambelatsihy ary ny tsy fahadiovam-pitondrantena izany.

"Ankehitriny dia miankina amintsika ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna sy ny fianarana ireo fitsipika ao aminy ary ny fampiharana izany eo amin'ny fiainantsika."

**Loholona L. Tom Perry avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Blessings Resulting from Reading the Book of Mormon," *Liahona*, Nôv. 2005, 8.**

## IREO TAPA-KAZO ROA LASA IRAY

Saika nanomboka tany am-pahaterahana no efa nananako ny Baiboly, kanefa tsy nahalala ireo fitsipiky ny filazantsara rehetra aho raha tsy efa nahazo Bokin'i Môrmôna iray. Nahita aho fa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy feno dia tsy misokatra ho an'ny rehetra raha tsy miaraka amin'ny fahalalana ity "tapa-kazo" faharoa ity (jereo ny Ezekiela 37:15–17). Rehefa niaraka tonga teo amiko izy roa dia nitondra traikefa nanova fiainana—fitomboan'ny fahatakarana mikasika ny hoe iza aho sy ny fahafahako ho tafiditra ao anatin'ilay fianakaviana mandrakizain'Andriamanitra. Ity fanambarana vita faminaniana ity hoe—"dia ho iray eny an-tànanao izy" (Andininy faha 17)—dia tanteraka satria nisy misiônera mirahavavy mahatoky naneho fiahiana ary nanome tahadika irain'ilay tapa-kazo faharoa ho ahy.

Taloha dia nandeha niaraka tamin'ny hazavan'ny labozia aho; ankehitriny dia nohazavain'ny fahafenoan'ireo fitahian'ny filazantsara ny lalana sy zoron-dalana rehetra. Mahatsapa ho toy ireny hoe nomena fihavaozana ireny aho teo amin'ny fiainana.


**Ary Sala, Colombie Britanika, Kanadà**

## MANDRAKIZAY NY FIANAKAVIANA

Nanomboka tamin'ny batisako tamin'ny taona 1995 dia namaky ny Bokin'i Môrmôna aho. Saingy rehefa nanambady aho vao nisy dikany manokana tamiko teo amin'ny lafiny mahakasika ny fianakaviako manokana ny dian'ireo zanakalahin'i Lehia nivezivezy nankany Jerosalema.

Toa tian'ny Tompo ny hananan'i Lehia fianakaviana mandrakizay. Voalohany dia niteny tamin'i Lehia izy handao ny zavatra rehetra ary hanavotra ny fianakaviany *mbola velona* tamin'ny alalan'ny fitondrana azy ireo hankany amin'ny tany nampanantenaina. Raha mbola tany an-tany foana izy ireo, ny Tompo dia niteny tamin'i Lehia mba handefa ireo zanany lahy hiverina haka ny rakitsoratr'ireo olona tao amin'ny fianakaviany izay *efa nodimandry*. Taorian'izay dia naniraka azy ireo haka an'i Ismaela sy ireo zanany vavy

*Ireo fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna avy amin'ireo mpikambana hafa ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia azo jerena ao amin'ity laharana ity, ao amin'ny pejy 10, 28, 32, 38, ary 80.*



### Ny Zava-drehetra dia ho Averina amin'ny Laoniny

"Ny maha ara-bakiteny sy mihatra amin'ny tontolo rehetra ny fitsanganana amin'ny maty dia voafaritra amin'ny fomba tena mazava ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Nampianatra ny mpaminany Amioleka hoe:

"'Ny fahafatesan'i Kristy no hamaha ny famatoran'ny fahafatesan'ny nofo, mba hitsanganan'ny rehetra amin'ity fahafatesan'ny nofo ity.

"'Hakambana indray ao amin'ny endriny tomombana ny fanahy sy ny vatana; ny rantsam-batana sy ny vanintaolana dia samy haverina amin'ny tena endriny, toa antsika ankehitriny amin'izao fotoana izao; . . .

"'Ankehitriny, ity famerenana amin'ny laoniny ity dia ho tonga amin'ny rehetra, na antitra na tanora, na mpifatotra na olon'afaka, na lahy na vavy, na ny ratsy na ny marina; ary tsy hisy na dia singam-bolo iray amin'ny lohany aza ho very; fa ny zavatra tsirairay kosa dia haverina amin'ny endriny tomombana' (Almà 11:42–44).

"Nampianatra ihany koa i Almà fa amin'ny fitsanganana amin'ny maty dia 'haverina amin'ny endriny tsirairay avy sy tomombana ny zava-drehetra' (Almà 40:23). . . .

"Tena fankaherezana lehibe ny fahafantarana fa ireo rehetra izay nanana kilema teo amin'ny fiainana . . . dia hitsangana amin'ny maty amin'ny 'endriny tsirairay avy sy tomombana.'"

**Loholona Dallin H. Oaks avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Resurrection,"** ***Liahona,*** **Jolay 2000, 17.**



### Ireo Loza avy amin'ny Tsikombakomba Miafina

"Ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra fa ireo tsikombakomba miafina izay nirotsaka tamin'ny fanaovana heloka be vava dia fanamby lehibe tokoa, tsy ho an'ny tsirairay sy ny fianakaviana ihany fa ho an'ny fiaraha-monina iray manontolo. Anisan'ireo tsikombakomba miafina ankehitriny ireo andian-jiolahy, ireo tambazotran'ny zava-mahadomelina, ary ireo fianakaviamben'ny mpikotrika heloka bebe vava. Ireo tsikombakomba miafina amin'izao androntsika izao dia mitovy fomba fiasa amin'ireo jirik'i Gadiantôna tamin'ny fotoan'ny Bokin'i Môrmôna. . . . Anisan'ny tanjon'izy ireo ny 'mamono sy mandroba ary mangalatra ary manao fijangajangana sy ny fomban'ny faharatsiana rehetra mifanohitra amin'ny lalàn'ny tany ary koa ny lalàn'Andriamanitra' [Helamàna 6:23].

"Raha tsy mitandrina isika dia afaka mahazo fahefana sy hery misarika haingana dia haingana sy tanteraka tahaka ny fanaon'izy ireo tao amin'ny Bokin'i Môrmôna ireo tsikombakomba miafina amin'izao andro izao."

**Loholona M. Russell Ballard avy amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Standing for Truth and Right,"** ***Ensign,*** **Nôv. 1997, 38.**

Izy. Izany dia fiomanana ho an'ny fianakavian'izy ireo amin'ny *hoavy*.

Ny famoronana fifandraisana eo amin'ny fianakaviantsika mandrakizay taloha sy ankehitriny ary hoavy dia andraikitra manan-danja izay ilaiko andrianina—tahaka ny nataon'i Lehia. Angamba ireo traikefa ireo dia nanampy an'i Lehia hiomana amin'ilay fahitana ny hazon'aina sy ny fahatakarana fa ny fitiavan'Andriamanitra dia tokony hovolena eo anivon'ny fianakaviana mandrakizay.

**Salote Malani Maiwiriwiri, Hawaii, Etazonia**



### Mamaha ireo Olan'ny Fiainana

"Ny Bokin'i Môrmôna dia ahitana hafatra izay napetrak'Andriamanitra tao mba haneho ny fomba hanitsiana ny hery misariky ny fombandrazana diso sy ny fomba hahazoana fiainana mahafa-po. Mampianatra ny fomba hamahana ireo olana sy ireo fanamby izay atrehantsika ankehitriny izany. . . . [Ny Tompo] dia nanolotra ny lalana hanitsiana ireo fahadisoana lehiben'ny fiainana, saingy tsy hanan-danja ny fitarihany raha mitoetra mihidy ao anatin'ny boky mikatona izany."

**Loholona Richard G. Scott avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "True Friends That Lift,"** ***Ensign,*** **Nôv. 1988, 76.**



### Mpampahatsiahy ireo Fanekempihavanantsika

"Ampatsiahivina isika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna fa ny batisantsika dia fanekempihavanana ny 'hijoro ho vavolombelon'Andriamanitra [sy ny Fanjakany] amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zavadrehetra izay mety hisy anareo na dia hatramin'ny fahafatesana aza, mba hahatonga anareo ho voavotr'Andriamanitra ary ho voaisa miaraka amin'ireo ao amin'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany, ka hahazoanareo ny fiainana mandrakizay' (Môsià 18:9; nampiana fanamafisana)."

**Loholona Robert D. Hales avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "The Covenant of Baptism: To Be in the Kingdom and of the Kingdom,"** ***Liahona,*** **Jan. 2001, 7.**



### Ireo Fitahian'ny Fankatoavana

"Ao amin'ny toerana maro ao anatin'ny Bokin'i Môrmôna, dia nampanantenaina ireo vahoaka fa hiroborobo eo amin'ny tany izy ireo raha mitandrina ireo didy [jereo ny 1 Nefia 2:20; 2 Nefia 4:4]. Io fampanantenana io matetika dia arahin'ny fampitandremana fa raha tsy mitandrina ireo didin'Andriamanitra izy ireo dia hoesorina tsy eo anoloany [jereo ny Almà 36:30]." ■

**Loholona Quentin L. Cook avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Hope Ya Know, We Had a Hard Time,"** ***Liahona,*** **Nôv. 2008, 104.**

## MANDROSO MIARAKA AMIN'NY FAHAZAVANA

Ao amin'ny toko faha-2 ao amin'ny bokin'i Etera dia mamaky isika fa ny rahalahin'i Jareda dia niahiahy satria tsy hisy jiro ao anatin'ny sambon'izy ireo. Rehefa nanontany ny Tompo nikasika izany izy dia namaly tamin'ny fanontaniana ny Tompo hoe: "Inona no tianao hataoko mba hananananareo hazavana?" (andininy 25).

Nieritreritra betsaka mikasika ny fomba namalian'ny rahalahin'i Jareda izany fanontanian'ny Tompo izany aho. Voalohany dia nianika tendrombohitra iray izy, toerana izay "nandren[drehany] vato kely enina ambin'ny folo" (Etera 3:1). Nentiny tany an-tampon'ny tendrombohitra ireo vato, ary dia nivavaka tany izy. Natombony tamin'ny alalan'ny fanehoany fanetren-tena teo anoloan'Andriamanitra izany. Nangataka famindram-po izy, ary niaiky ny fahefana nananan'ny Tompo mba hamaliana ny vavaka izay nataony. Avy eo dia naneho ny finoany izy tamin'ny filazana hoe: "Fantatray fa hainao ny maneho ny herinao lehibe izay heverina ho madinika ho an'ny fahatakaran'ny olona" (Etera 3:5). Ny rahalahin'i Jareda dia nangataka ny Tompo mba hikasika ireo vato mba hitondran'izy ireo hazavana ao anatin'ireo sambo.

Io andalana io dia nanova ny fomba fivavako. Taloha, dia matetika aho nangataka hoe: "Ray ô, inona no tianao hataoko?" Raha ny marina dia misy toe-javatra maro izay mitaky ny hampiasako ny eritreritro, hanadihadihako ireo loharano ananako, sy hanaovako drafitra, ary dia mandeha any amin'ny Ray aho ary mangataka Aminy raha METY ilay drafitra—avy eo dia mivavaka ny hitrangan'ireo fahagagana izay tsy vitan'ny tenako tanterahana samirery.

**Elena Gómez de Santurión, Uruguay**





**Nataon'ny Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994)**


NY BOKIN'I MÔRMÔNA

# Vato Ifaharan'ny Fivavahantsika

*Tonga Filohan'ny Fiangonana faha-13 tamin'ny 10 Nôvambra 1985 i Ezra Taft Benson. Fantatra tamin'ny fijoroany ho vavolombelona mafy orina mahakasika ny herin'ny Bokin'i Môrmôna izy ary koa ny fanantitranterany ny maha-zava-dehibe ny fandalinana ny soratra masina isan'andro, ny fitoriana ny filazantsara ary ny fampianarana ny filazantsara. Ity taona ity no manamarika ny faha-25 taonan'ny lahateny nataony nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana ny volana Ôktôbra 1986.*

SARY NATAON'I DAVID STOKER; ANKAVANANA: SARY NALAIN'I BY WELDEN C. ANDERSEN; SARIN'NY FILOHA BENSON NALAIN'I BUSATH PHOTOGRAPHY

Ry rahalahy sy rahavavy malalako, tehiresaka aminareo mahakasika ny fanomezana iray faran'izay manan-danja indrindra nomena an'izao tontolo izao amin'izao vanimpotoana ankehitriny izao aho anio. Ilay fanomezana resahiko eto dia manan-danja kokoa noho ireo famoronana izay nateraky ny fandrosoana teo amin'ny lafin'ny indostria sy ny teknôlôjia. Izany dia fanomezana manana lanjany lehibe ho an'ny zanak'olombelona, eny, mihoatra noho ireo fandrosoana mahafinaritra hitantsika eo amin'ny fomba fitsaboana maoderina mihitsy aza. Izany dia sarobidy kokoa ho an'ny zanak'olombelona mihoatra noho ireo fivoarana eo amin'ny fiaramanidina na ny fandehanana eny ambony tsy taka-maso eny. Ny fanomezana resahiko eto dia ny Bokin'i Môrmôna, izay nomena ny zanak'olombelona 156 taona lasa izay.




Nomanin'ny tànan'Andriamanitra nandritra ny fotoana nihoatra ny arivo taona izany fanomezana izany, avy eo dia nafeniny mba ho voaro ny fahadiovany ho an'ny taranantsika. Angamba tsy misy zavatra izay mijoro ho vavolombelona mazava kokoa momba ny lanjan'ity boky soratra masina maoderina ity mihoatra noho ny nolazain'ny Tompo mivantana mikasika izany.

Tamin'ny vavany mivantana no nijoroany ho vavolombelona (1) fa marina izany (F&F 17:6), (2) fa mitahiry ny fahamarinana sy ny Teniny izany (F&F 19:26), (3) fa nadika tamin'ny alalan'ny hery avy any an-danitra izany (F&F 20:8), (4) fa mitahiry ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izany (F&F 20:9; 42:12), (5) fa nomena tamin'ny alalan'ny fitaomam-panahy ary nohamafisina tamin'ny asa fanompoan'ny anjely izany (F&F 20:10), (6) fa manaporofo izany fa ny soratra masina dia marina (F&F 20:11), ary (7) ireo izay mandray izany amim-pinoana dia hahazo ny fiainana mandrakizay (F&F 20:14).

Ny fijoroana ho vavolombelona mahery vaika faharoa mahakasika ny lanjan'ny Bokin'i Môrmôna dia ny fahitana ny fotoana nametrahan'ny Tompo ny fivoahany tao anatin'ny fandaharam-potoan'ny fisokafan'ny Famerenana amin'ny Laoniny. Ny hany zavatra nialoha izany dia ny Fahitana Voalohany. Tamin'izany fisehoana mahatalanjona izany no nahafahantaran'ny Mpaminany Joseph Smith ny toetoetran'Andriamanitra marina sy ny asa nasain'Andriamanitra nataony. Ny fiavian'ny Bokin'i Môrmôna no zavatra manaraka nitranga.

Eritrereto amin'izany ny zavatra fonosin'izany. Nialoha ny famerenana ny fisoronana ny fiavian'ny Bokin'i



### MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY

“[Ny Bokin’i Môrmôna] dia tenin’Andriamanitra. Tenivavolombelona mahery vaika faharoa momba an’i Kristy izany. Ary azo antoka fa ireo mpino marina rehetra izay tia ny Mpanavotra dia handray ny porofo fanampiny mahakasika ny maha-Andriamanitra Azy.

“Tsy novain’ny mpandika teny tsy nahazo lalana na mpahay fivavahana mitongilam-pijery velively izany boky nentanim-panahy izany fa tonga teto amin’izao tontolo izao tamin’ny endriny madio ary avy amin’ireo manam-pahaizana momba ny tantara sy mpanambatra boky mivantana. Tsy atao andrana ny boky—fa ireo mpamaky kosa.”

**Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985), *The Teachings of Spencer W. Kimball,* edisiona nataon’i Edward L. Kimball (1982), 133.**

Môrmôna. Navoaka andro vitsivitsy talohan’ny nanorenana ny Fiangonana izany. Nomena ny Olomasina mba hovakian’izy ireo ny Bokin’i Môrmôna talohan’ny nanomezana ireo fanambarana manazava ny fotopampianarana lehibe toy ny fanjakamboninahitra telo, ny fanambadiana selestialy na ny asa atao ho an’ireo nodimandry. Tonga talohan’ny kôlejin’ny fisoronana sy ny fanorenana ny Fiangonana izany. Moa ve izany tsy manambara amintsika ny fandraisan’ny Tompo ity asa masina ity?

Raha vao mahatakatra ny fahatsapana ananan’ny Tompo mahakasika ity boky ity isika dia tsy tokony hahagaga antsika koa fa nanome fampitandremana hentitra izay mikasika ny fomba handraisana izany Izy. Taorian’ny filazana fa handray satroboninahitra mandrakizay ireo izay mandray ny Bokin’i Môrmôna amim-pinoana sy manao ny marina (jereo ny F&F 20:14), dia notohizan’ny Tompo tamin’izao fampitandremana izao izany: “Fa ireo izay manamafy ny fony kosa ao amin’ ny tsy finoana ary mitsipaka izany, dia hivadika ho fanamelohana ho azy ireo ihany izany” (F&F 20:15).

Tamin’ny taona 1829 ny Tompo dia nampitandrina ireo Olomasina mba tsy hanamaivana ireo zava-masina (jereo ny F&F 6:12). Marina fa tena zava-masina ny Bokin’i Môrmôna kanefa mbola misy ihany ny manamaivana izany, na amin’ny fiteny hafa dia hoe tsy manisy lanja izany, mandray izany ho toy ny tsy manan-danja.

Tamin’ny taona 1832, rehefa niverina avy tamin’ny sahan’ny asany ireo mpitory ny filazantsara sasantsasany tamin’izany, dia notezeran’ny Tompo mafy izy ireo noho ny tsy fanomezany lanja ny Bokin’i Môrmôna. Vokatr’izany toetra izany, hoy izy, dia feno fahamaizinana ny sain’izy ireo. Tsy hoe nitondra fahaverezan’ny fahazavana teo amin’izy ireo fotsiny ny fanamaivanana ity boky masina ity fa sady nitondra ny Fiangonana manontolo ho eo ambany fanamelohana, eny ny zanak’i Ziona rehetra. Ary hoy ny Tompo hoe: “Ary hitoetra eo ambanin’ izany fanamelohana izany izy ireo ambara-pibebany sy ahatsiarovany ny fanekempihavanana vaovao, dia ny Bokin’ i Môrmôna” (F&F 84:54–57).

Moa ve ny fananantsika ny Bokin’i Môrmôna teo anivontsika nandritra izay taonjato iray sy tapany izay dia toa manamaivana ny lanjan’izany eo imasontsika ankehitriny? Moa ve tsaroantsika ny fanekempihavanana vaovao, dia ny Bokin’i Môrmôna? Ao amin’ny Baiboly dia misy ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao. Ilay teny hoe *testamenta* dia teny Anglisy avy amin’ny teny Grika izay azo hadika koa hoe *fanekempihavanana*. Izany ve no tian’ny Tompo holazaina rehefa niantso ny Bokin’i Môrmôna hoe ny “fanekempihavanana vaovao” Izy? Tena testamenta iray hafa na fijoroana ho vavolombelona momba an’i Jesoa tokoa izany. Izany no iray amin’ireo antony nanampiana vao haingana ireo teny hoe: “Testamenta Iray Hafa momba an’i Jesoa Kristy” tamin’ny lohatenin’ny Bokin’i Môrmôna.

Raha toa ka teo ambany fanamelohana ireo Olomasina fahiny noho ny fanamaivanan’izy ireo ny Bokin’i Môrmôna, moa ve isika tsy eo ambany fanamelohana toy izany koa raha manao toy izany? Ny Tompo Tenany mihitsy no mijoro ho vavolombelona fa manana lanjany mandrakizay izany. Afaka mitondra fanamelohana ho an’ny Fiangonana manontolo ve ny vitsy an’isa amintsika noho ny fanamaivanantsika ireo zava-masina? Inona no holazaintsika eo amin’ny Fitsarana rehefa manoloana Azy ka hametrahany ireo fanontaniany mahavalalanina isika raha toa ka voafaritra ho isan’ireo manadino ny fanekempihavanana vaovao?

Misy antony telo lehibe tokony handalinan’ny Olomasin’ny Andro Farany mandritra ny androm-piainany ny Bokin’i Môrmôna.

Ny *voalohany* dia satria ny Bokin’i Môrmôna no vato ifaharan’ny fivavahantsika. Toy izao ny fanambaran’ny Mpaminany Joseph Smith. Nijoro ho vavolombelona izy fa “ny Bokin’i Môrmôna no boky marina indrindra amin’ny boky rehetra eto an-tany sy vato ifaharan’ny fivavahantsika.”[1] Ny vato ifaharana no vato ivon’ny andohalambo iray. Mitazona ireo vato hafa rehetra eo amin’ny toerany ka raha vao esorina dia mirodana ny andohalambo.

Misy antony telo mahatonga ny Bokin’i Môrmôna ho vato ifaharan’ny fivavahantsika. Vato ifaharan’ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an’i Kristy izany. Vato ifaharan’ny fotopampianarantsika izany. Vato ifaharan’ny fijoroantsika ho vavolombelona izany.

Ny Bokin’i Môrmôna no vato ifaharan’ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an’i Jesoa Kristy, ary Izy dia vato ifaharan’ny



zava-drehetra ataontsika koa. Mijoro ho vavolombelona mazava tsara sy amin-kery momba ny fisiany izany. Ny Bokin'i Môrmôna dia avy tany amin'ny mpanoratra nankany amin'ny mpamaky ary dingan'ny fandikan-teny nentanim-panahy iray ihany no nanelanelana izany, fa tsy toy ny Baiboly izay efa nandalo tamin' ireo taranaka maron'ny mpanao tahadika, mpandika teny ary mpitondra fivavahana tsy marina izay efa nanova ny lahatsoratra. Noho izany ny fijoroana ho vavolombelon'ny Tompo dia mazava, madio tsara ary feno hery. Kanefa tsy izany fotsiny ihany. Maro amin'ireo Kristiana eto amin'izao tontolo izao ankehitriny no mandà ny maha-Andriamanitra ny Mpamonjy. Mametra-panontaniana ny amin'ny Fahaterahany mahagaga izy ireo, ny Fiainany tonga lafatra ary ny fahatanterahan'ny Fitsanganany tamin'ny maty tamim-boninahitra. Mampianatra mahakasika ny fahamarinan'ireo rehetra ireo mazava tsara ny Bokin'i Môrmôna. Manolotra fanazavana feno tsara mahakasika ny fotopampianaran'ny Sorompanavotana koa izany. Marina tokoa fa ity boky avy amin'ny fitaomam-panahin'Andriamanitra ity tena vato ifaharan'ny fijoroana ho vavolombelona eto amin'izao tontolo izao fa i Jesoa no Kristy.[2]


Ny Bokin'i Môrmôna koa dia vato ifaharan'ny fotopampianaran'ny Fitsanganana amin'ny maty. Araky ny efa voalaza teo aloha dia ny Tompo Tenany mihitsy no nilaza fa ny Bokin'i Môrmôna dia mitahiry ny "fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy" (F&F 20:9). Tsy midika izany hoe mitahiry ny fampianarana rehetra, na ny fotopampianarana nambara rehetra izany. Fa kosa midika fa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no hahitantsika ny fahafenoan'ireo fotopampianarana takiana amin'ny famonjena antsika. Ary nampianarina amin'ny fomba mazava sy tsotra izy ireo ka na dia ny zaza madinika aza dia afaka ny hianatra ireo lalan'ny famonjena sy fisandratana. Manolotra zavatra maro izay mampivelatra ny fahatakarantsika ny fotopampianaran'ny famonjena ny Bokin'i Môrmôna. Raha tsy nisy izany dia maro tamin'ireo zavatra nampianarina any amin'ireo soratra masina hafa no tsy ho mazava sy tsy ho sarobidy kokoa.

*Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no ahitantsika ireo fahafenoan'ny fotopampianarana izay ilaina amin'ny famonjena. Ary nampianarina amin'ny fomba mazava sy tsotra izy ireo ka na dia ny zaza madinika aza dia afaka ny hianatra ireo lalan'ny famonjena sy ny fisandratana.*

Farany dia vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona ny Bokin'i Môrmôna. Toy ny firodanan'ny andohalambo rehefa esorina ny vato ifaharana dia ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ihany koa no mampijoro na maharava ny Fiangonana. Takatr'ireo fahavalon'ny Fiangonana tsara izany. Izany no antony mahamaro an'isa ny fanandramana ataon'izy ireo hanaporofo fa tsy marina ny Bokin'i Môrmôna, satria raha very ny hasin'izany boky izany dia ho toy izany koa ny momba ny Mpaminany Joseph Smith. Ary toy izany koa ny fanambarantsika ny fananana ny fanalahidin'ny fisoronana, sy ny fanambarana ary ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny. Saingy tahak'izany koa, raha toa ka marina ny Bokin'i Môrmôna—ary an-tapitrisany ireo efa nijoro ho vavolombelona fa nahatsapa ny tenivavolombelon'ny Fanahy fa tena marina tokoa izany—dia tokony hanaiky ny fanambarana mahakasika ny Famerenana amin'ny laoniny sy ireo zavatra rehetra miaraka amin'izany ny olona.

Eny ry rahalahy sy anabaviko, ny Bokin'i Môrmôna no vato ifaharan'ny fivavahantsika—ny vato ifaharan'ny fijoroantsika ho vavolombelona, ny vato ifaharan'ny fotopampianarantsika ary ny vato ifaharan'ny tenivavolombelona ananantsika amin'ny Tompo sy Mpamonjy antsika.

Ny antony lehibe *faharoa* tokony hanaovantsika ny Bokin'i Môrmôna ho ivon'ny fandalinantsika dia satria nosoratana ho an'izao androntsika izao izany. Tsy nanana izany boky izany na oviana na oviana ny Nefita, na koa ireo Lamanita tamin'ny fahiny. Natao ho



## MIJORO HO VAVO-LOMBELONA NY MPAMINANY IRAY

"Ny Bokin'i Môrmôna dia rakitsoratra masina izay mitahiry fampahalalana izay tsy hita any amin'ny boky hafa. Nandidy antsika ny Tompo mba hizara amin'ny zanany rehetra ny fahamarinan'ny Filazantsara mandrakizay izay nambara mba hanomanana azy ireo amin'ny toerana any amin'ny fanjakana Selestialy. . . .

"Mameno fifaliana ny foko ny mahafantatra fa ny olona tsirairay izay mamaky [ny Bokin'i Môrmôna] amim-bavaka, ny olona tsirairay izay maniry ny hahafantatra raha avy amin'Andriamanitra izany na tsia dia mahazo fampanantenana, izay tsy avy amin'i Joseph Smith na olombelona hafa, fa fampanantenana avy amin'ny Raintsika any an-danitra fa hahafantatra feno izy ireo fa avy amin'Andriamanitra izany."

**Filoha George Albert Smith (1870–1951), tao amin'ny Tatitry ny Fihaonambe, Apr. 1936, 13–14, 15.**

antsika izany. Taty amin'ny faramparan'ny sivilizasiôna Nefita no nanoratra i Môrmôna. Nanambatra ireo rakitsoratra tao anatin'ny taonjato maro izy, nisafidy ireo tantara, lahateny ary zava-nitranga izay hanampy antsika bebe kokoa, teo ambany fitaomam-panahin'Andriamanitra, izay mahita ny zavadrehetra hatrany am-piandohana.

Ireo mpanoratra lehibe tsirairain'ny Bokin'i Môrmôna dia nijoro ho vavolombelona fa nanoratra ho an'ny taranaka ho avy izy ireo. Hoy i Nefia hoe: "Nampanantenain' ny Tompo Andriamanitra ahy fa horaketina sy hotehirizina ireto zavatra izay soratako ireto ka hatolotra ny solofoko sy ny taranaka fara mandimby" (2 Nefia 25:21). Ny rahalahiny Jakoba, izay nandimby azy dia nanoratra teny mitovitovy tamin'izany: "Satria nolazain'[i Nefia] fa ny tantaran' ny olony dia tokony hosokirina eo amin' ny takelany hafa, ary tokony hotehiriziko ireto takelaka ireto ary hatolotro ny taranako, ny taranaka mifandimby" (Jakoba 1:3). Nanamarika koa i Enôsa sy Jarôma fa izy roroa dia nanoratra ho an'ny taranaka ho avy fa tsy ho an'ny olony (jereo ny Enôsa 1:15–16; Jarôma 1:2).

I Môrmôna tenany mihitsy no nilaza hoe: "Eny, miteny aminareo aho, ianareo sisa tavela amin'ny mpianakavin' i Isiraely" (Môrmôna 7:1). Ary i Morônia, izay farany tamin'ireo mpanoratra nentanim-panahy, dia nahita ny androntsika sy izao fotoana izao. "Indro," hoy izy, "ny Tompo dia efa naneho tamiko zavatra lehibe sy mahatalanjona momba izay tsy maintsy ho avy tsy ho ela, amin'izany andro izany rehefa hitranga eo anivonareo ireo zavatra ireo.

"Indro, miteny aminareo aho miova tsy ny eo ianareo, ary tsy eto anefa ianareo. Nefa indro, efa nasehon' i Jesoa Kristy ahy ianareo, ary fantatro ny ataonareo" (Môrmôna 8:34–35).

Raha toa ka nahita ny androntsika izy ireo ary nisafidy ireo zavatra izay hanan-danja kokoa ho antsika, moa ve tsy izany no antony tokony handalinantsika ny Bokin'i Môrmôna? Tokony hanontany tena tsy tapaka isika hoe: "Inona no antony nitaoman'ny Tompo fanahy an'i Môrmôna (na Môrônia na Almà) hampiditra izany ao amin'ny rakitsorany? Inona no lesona azoko ianarana avy amin'izany izay hanampy ahy eo amin'ny fiainako amin'izao andro izao sy amin'izao vanimpotoana izao?"

Ary misy ohatra anampy ohatra amin'ny fomba hamaliana izany fanontaniana izany. Ohatra, ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia misy lamina entina hanomanana ny Fiaviana Fanindroany. Misy ampahany lehibe ao amin'ny boky mifantoka amin'ny am-polo taona vitsivitsy talohan'ny nahatongavan'i Kristy tany Amerika. Amin'ny alalan'ny fandalinana tsara izany fotoana izany dia afaka mamantatra ny antony naharingana ny olona sasantsasany tao anatin'ny fitsarana mahatsiravina isika izay nialoha ny Fiaviany sy ny antony nahatonga ireo olona hafa nijoro teo amin'ny tempoly teo amin'ny tanin'i Soafeno sy nikasika tamin'ny tànany ny ratra teo amin'ny Tanany sy ny Tongony.

Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna koa no ianarantsika ny fomba fiainan'ireo mpianatr'i Kristy mandritra ny fotoan'ny ady. Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna koa no ahitantsika ny faharatsian'ny tsikombakomba miafina izay aseho amin'ny antsipiriany sy amin'ny fomba tena mampivarahontsana. Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no ahitantsika lesona entina iatrehana ny fanenjehana sy ny apôstazia. Mianatra bebe kokoa ny fomba hitoriana ny filazantsara isika. Ary ambonin'ny zavadrehetra dia hitantsika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ireo loza avy amin'ny fitiavana ny zavatra ara-nofo sy ny fampifantohana ny fontsika amin'ireo zavatr'izao tontolo izao. Moa ve mbola misy misalasala ihany fa tsy natao ho antsika ity boky ity ary ao anatin'izany no ahitantsika hery sy fampiononana ary fiarovana lehibe?

Ny antony *fahatelo* mahatonga ny Bokin'i Môrmôna hanana lanjany toy izany ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia nomena tao amin'ny filazana nofaritana teo aloha natao'ny Mpaminany Joseph Smith. Hoy izy: "Nolazaiko ny rahalahy fa ny Bokin'i Môrmôna no boky marina indrindra amin'ny boky rehetra eto an-tany sy vato ifaharan'ny fivavahantsika, ary hanatona bebe kokoa an'Andriamanitra ny olona amin'ny fanarahana ny fitsipika ao anatiny toy izay ao anatin'ny boky hafa." Izany no antony fahatelo tokony handalinana ny boky. Manampy antsika hanatona akaikikaiky kokoa an'Andriamanitra izany. Moa ve tsy misy faniriana lalina ao ampontsika izay maniry ny hanatona akaikikaiky kokoa an'Andriamanitra, ho tonga tahaka Azy bebe kokoa eo amin'ny fiainantsika andavanandro ary hahatsapa ny fiarahany miaraka amintsika tsy tapaka? Raha izany tokoa dia ny Bokin'i Môrmôna no hanampy antsika amin' izany mihoatra noho ny boky hafa.



amin'ny zanany, dia handrakotra ny tokantranontsika ary hitoetra amin'ireo izay monina ao ny fanahin'izany boky manan-danja izany. Hitombo ny fanahin'ny fanajana. Hitombo ny fifanajana sy fifankahazoan'ny tsirairay. Hisitaka ny fanahin'ny fifandirana. Hitarika ny zanany amim-pitiavana sy amim-pahendrena bebe kokoa ireo ray aman-dreny. Hanaraka sy hanetry tena kokoa amin'ireo torolalan'ny ray aman-dreniny ireo zanaka. Hitombo ny fahamarinana. Hitosaka ao an-tokantrano sy eo amin'ny fiainana ny finoana, fanantenana ary fiantrana—ny fitiavana madion'i Kristy—izay hiteraka fiadanana, fifaliana ary fahasambarana."[3]

Ireo fampanantenana ireo—toy ny fitomboan'ny fitiavana sy filaminana ao an-tokantrano, fifanajana bebe kokoa eo amin'ny ray aman-dreny sy zanaka, fivoaran'ny fiainampanahy sy ny fitomboan'ny fahamarinana—dia tsy fampanantenana fahatany, fa tena izay mihitsy no tian'ny Mpaminany Joseph Smith lazaina fony izy niteny hoe hanampy antsika hanatona akaikikaiky kokoa an'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna.

Ry rahalahy sy ranabavy, miangavy anareo amin'ny foko manontolo aho mba handray amim-pahamatorana ny maha-zava-dehibe ny Bokin'i Môrmôna ho an'ny tenanareo sy ho an'ny Fiangonana amin'ny ankapobeny.

Folo taona mahery izay dia nanao izao fanambarana izao aho mahakasika ny Bokin'i Môrmôna:

"Moa ve miankina amin'ny fandraisantsika ity boky ity ny voka-javatra mandrakizay? Eny, na izany ho fitahiana ho antsika na ho fanamelohana ho antsika.

"Tokony handalina ny Bokin'i Môrmôna mandritra ny androm-piainany ny Olomasin'ny Andro Farany tsirairay. Fa raha tsy izany dia tandindomin-doza ny fanahiny ary mandà ireo zavatra izay tokony hitondra firaisankina ara-panahy sy ara-pahalalana eo amin'ny fiainany manontolo izy. Misy fahasamihafana eo amin'ny olona niova fo iray izay nanorina ny finoany eo amin'ny vatolampin'i Kristy tamin'ny alalan'ny Bokin'i Môrmôna ary mijanona mihazona ilay anja-by, sy ny olona iray tsy manao izany."[4]

Mamerina manamafy ireo teny ireo ho anareo aho androany. Ndeha isika tsy hijanona eo ambany fanamelohana, miaraka amin' ireo antambo aterany sy ny fitsarany, noho ny fanamaivanana ity fanomezana lehibe sy

Tsy vitan'ny mampianatra antsika ny fahamarinana fotsiny ny Bokin'i Môrmôna, eny fa na dia tena manao izany aza izany. Tsy vitan'ny hoe mijoro ho vavolombelona momba an'i Kristy fotsiny ny Bokin'i Môrmôna, eny fa na dia tena manao izany koa aza izany. Saingy mbola misy zavatra hafa ankoatra izany. Misy hery ao anatin'ilay boky izay hanomboka hirotsaka ao amin'ny fiainanao raha vao manomboka mandalina tsara ny boky ianao. Hahita hery lehibe kokoa hanoherana ny fakam-panahy ianao. Hahita hery hisorohana ny fahadisoam-panantenana ianao. Hahita hery hijanonana eo amin'ilay lalana ety sy tery ianao. Antsoina hoe "tenin'ny fiainana" (jereo ny F&F 84:85) ny soratra masina, ary tena marina kokoa izany raha ho an'ny Bokin'i Môrmôna mihoatra noho ny boky hafa. Rehefa manomboka noana sy mangetaheta ireo teniny ianao dia hampiroboro bebe kokoa ny fiainanao ianao.

Ny rahalahy malalantsika, Filoha Marion G. Romney . . . dia nijoro ho vavolombelona ny amin'ireo fitahiana izay afaka ny hirotsaka eo amin'ny fiainan'ireo izay mamaky sy mandalina ny Bokin'i Môrmôna. Hoy Izy hoe:

"Mahatsapa aho fa raha toa ka, hamaky ombam-bavaka sy tsy tapaka ny Bokin'i Môrmôna ireo ray aman-dreny, ary sady manao izany manokana no manao izany miaraka

*Moa ve mbola misy misalasala ihany fa tsy natao ho antsika ity boky ity ary ao anatin'izany no ahitantsika hery, fampiononana ary fiarovana lehibe?*



*Misy hery ao anatin'ilay boky izay hanomboka hirotsaka ao amin'ny fiainanao raha vao manomboka mandalina tsara ny boky ianao.*

mahatalanjona nomen'ny Tompo ho antsika ity. Fa handeha kosa isika hiezaka ho mendrika ireo fampanantenana azo amin'ny fanomezana lanja izany ao am-pontsika.

Ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, fizarana 84, andininy 54 ka hatramin'ny 58, dia mamaky toy izao isika:

"Ary ny sainareo dia nohamaizinina taloha noho ny tsy finoana, ary satria efa nohamaivaninareo ireo zavatra efa noraisinareo—

"Dia fieboeboana sy tsy finoana izay efa nitondra ny fiangonana iray manontolo ho eo ambany fanamelohana.

"Ary izany fanamelohana izany dia mitoetra eo amin' ny zanak' i Ziona, izy rehetra.

"Ary hitoetra eo ambanin' izany fanamelohana izany izy ireo ambara-pibebany sy ahatsiarovany ny fanekempihavanana vaovao, dia ny Bokin'i Môrmôna sy ireo didy teo aloha izay efa nomeko azy ireo, tsy ny hiteny fotsiny fa ny hanao araka izay efa nosoratako—

"Mba hahazoany mamokatra voa mendrika ny fanjakan' ny Rainy; fa raha tsy izany dia misy antambo sy famaliana hararaka eo amin' ny zanak' i Ziona."

Hatramin'ny fihaonamben'ny Fiangonana farany teo, dia nandray taratasy maro avy tamin'ireo Olomasina aho, na lehibe izany na kely, manerana an'izao tontolo izao izay nanaiky ilay fanamby ny hamaky sy handalina ny Bokin'i Môrmôna.

Tena faly aho tamin'ny fitantaran'izy ireo ny fomba niovan'ny fiainany sy ny fomba nanatonany ny Tompo akaikikaiky kokoa vokatry ny fanoloran-tenan'izy ireo. Ireo fijoroana ho vavolombelona mahafinaritra ireo dia nanamafy tao am-poko ireo tenin'ny Mpaminany Joseph Smith fa ny Bokin'i Môrmôna dia tena "vato ifaharan'ny fivavahantsika" tokoa ary "hanatona akaikikaiky kokoa an'Andriamanitra" ny lehilahy na vehivavy iray "amin'ny alalan'ny fanarahana ny fitsipiny mihoatra ny amin'ny boky hafa."

Ny vavaka ataoko dia ny mba hahatonga ny Bokin'i Môrmôna ho vato ifaharan'ny fiainantsika. ■

*Nampitoviana ny fitsipi-panoratana sy ny fanavaona sorabaventy.*

**FANAMARIHANA**

1. Teny Fanolorana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.
2. Jereo ny pejin-dohanteny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.
3. Marion G. Romney, "The Book of Mormon," *Ensign,* Mey 1980, 67.
4. Ezra Taft Benson, "The Book of Mormon Is the Word of God," *Ensign,* Mey 1975, 65.

### NANDRITRA NY 25 TAONA

Na dia efa mpikamban'ny Fiangonana mahatoky aza aho hatramin'ny 1965, dia nisy zava-nitranga iray mihoatra ny zavatra hafa rehetra tamin'ny 1986 izay nanamafy orina ny fijoroako ho vavolombelona ny amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny.

Tamin'ny Ôktôbra tamin'izany taona izany dia nandeha tany amin'ny trano fivavahako tao Cornwall, Angletera aho mba hanatrika ny fihaonamben'ny Fiangonana. Taorian'ny nandrenesako ny lahateny manokan'ny Filoha Ezra Taft Benson hoe: "Ny Bokin'i Môrmôna—Vato Ifaharan'ny Fivavahantsika," dia fantatro fa afaka manatsara ny ezaka ataoko amin'ny famakiako ny Bokin'i Môrmôna aho.

Ny alin'izany dia nody aho, nandohalika ary nanao fanekempihavanana tamin'ny Tompo fa tsy hanamaivana velively intsony ny Bokin'i Môrmôna. Ankehitriny, 25 taona aty aoriana dia afaka milaza aho fa tsy nanapaka na dia andro iray aza tamin'ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna.

Tsy tambo isaina ireo fitahiana voaraiko noho izany fanapahan-kevitra izany. Misy fanahy miavaka ao amin'izany Bokin'i Môrmôna izany izay tsy hita na aiza na aiza, na dia amin'ireo boky soratra masina hafa aza. Nahatsapa aho fa teo foana ny Fanahy Masina, nanampy ahy hahatsapa fampiononana nandritra ireo fanamby nitranga teo amin'ny fiainako, indrindra indrindra rehefa nodimandry ny vadiko izay 50 taona latsaka kely, tamin'ny Febroary 2007.

**Alistair Joseph Welsh, Écosse**

# Asa Masina Iray

Nataon'i David A. Feitz

Indray hariva dia nandondona teo amin'ny varavaran'ny tovolahy iray izay vahiny mpandranto fianarana tany amin'ny iray tamin'ireo oniversite maro tany Londres izaho sy ny mpiara-mitory tamiko. Nampandroso anay izy ary dia nanazava taminy izahay fa mpitory ny filazantsara avy ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Narisika be izy hianatra bebe kokoa mikasika ny Famerenana tamin'ny laoniny ny filazantsara, ka dia nijoro ho vavolombelona ny amin'ny Mpaminany Joseph Smith izahay ary nilaza taminy mikasika ny boky masina avy any amin'ny Ray any an-danitra dia ny Bokin'i Môrmôna. Nohamafisinay fa masina izany satria mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy.

Nohazavainay ihany koa fa afaka mahafantatra ny fahamarinan'izany mivantana izy ary dia nomenay boky iray tamin'izany izy. Teo am-panolorana azy ny Bokin'i Môrmôna aho dia nitsangana teo amin'ny sezany izy ary nivoaka ilay efitrano no tsy niteny na inona na inona. Notazoniko teo an-tanako ilay Bokin'i Môrmôna nandritra ny fotoana fohy ary dia nifampijery sy gaga tamim-pahanginana teo izaho sy ny mpiara-mitory tamiko nisaintsaina ny tokony hatao. Napetrako teo ambony latabatra ilay boky.

Tazanay ilay tanora namanay tao andakoziany nanasa ny tànany sy nanamaina izany tamin'ny servieta madio. Niverina tao amin'ny efitrano izy ary noraisiny teo ambony latabatra ilay Bokin'i Môrmôna no niteny tsotra izy hoe: "Mila manasa tanana foana ny olona any aminay alohan'ny hikasihany zavatra masina." Nirotsaka ny ranomasoko teo ampijerena ity tovolahy ity nanokatra ny Bokin'i Môrmôna voalohany ary namadibadika ireo pejy masina tamin'ny tanany madio.

*Nandray tsara ny zavatra rehetra nampianarinay izy. Koa nahoana ary no tsy noraisiny ny Bokin'i Môrmôna rehefa nanolotra izany taminy aho?*

Nampianatra i Almà fa masina ny soratra masina ary notehirizina izy ireny mba hitondrana famonjena ho an'ny fanahy. Nanambara tamin'ny Helamàna zanany izy hoe: "Efa nankinin' Andriamanitra taminao ireo zavatra ireo izay masina, izay efa notehiriziny ho masina ary izay hotehiriziny sy hotsimbininy koa noho ny fikasana hendry ao Aminy, mba hahazoany maneho ny heriny amin' ny taranaka ho avy" (Almà 37:14).

Nirahina nanao asa fitoriana aho mba hampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny, kinanjo izaho indray no nampianarin'ity tovolahy ity tamin'ny tanany madio. Any amin'ny kolontsaina maro—isan'izany ny kolontsaiko—dia tsy voatery manasa tanana alohan'ny hamakiana ny soratra masina, kanefa ny fihetsika tsotra maneho fanajana nataony dia fampahatsiahivana feno fanajana sy mahery vaika ny amin'ny fahamasinan'ny Bokin'i Môrmôna. ■



SARY NATAON'I SIMON JONES



**Nataon'i Elder Walter F. González**
Avy ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

RAHA TENA TE-HAHAFANTATRA IANAO,

*Mahatsapa fankasitrahana tsy manam-pahataperana ho an'ny Bokin'i Môrmôna aho. Nanova mandrakizay ny fiainako izany ary fantatro fa afaka manova ny fiainanao.*

# Dia Hahafantatra Tokoa

18 taona aho rehefa lasa mpikamban'ny Fiangonana. Nanana anjara toerana lehibe teo amin'ny fiovam-poko ny Bokin'i Môrmôna. Tamin'izany fotoana izany dia nikatsaka hevi-baovao izay afaka nanazava ny tontolo manodidina ahy aho. Tsaroako ireo mpampianatro tany amin'ny oniversite izay nampiasa fomba fijery ara-nofo teo amin'ny fampianaran'izy ireo. Nanomboka nitongilana tany amin'ireo hevitra mivoy ny tsy fahafahana manaporofo ny tena fisian'Andriamanitra marina aho.

Indray andro dia nahatsikaritra boky manga tanora iray aho izay navelan'ny misiônera roa tao an-tranonay enin-taona lasa talohan'izany. Bokin'i Môrmôna izany. Niaraka tamin'ilay boky dia namela bokikely mikasika ny Mpaminany Joseph Smith izy ireo ary torolalana ihany koa mikasika ny fomba fivavahana amin'Andriamanitra.

Nanomboka namaky ny Bokin'i Môrmôna aho. Raha vao andininy vitsy monja no vitako tamin'ilay boky, tao amin'ny 1 Nefia, dia nahatsapa zavatra hafa aho. Nanomboka nifandona ny zavatra tsapako sy ny fahaizako. Koa dia nanapa-kevitra ny hanontany an'Andriamanitra ao anatin'ny vavaka aho.

Izay no fotoana voalohany teo amin'ny fiainako nivavahako nandohalika. Ny zava-niseho taorian'izany dia lasa iray tamin'ireo zava-niseho masina indrindra teo amin'ny fiainako. Fahatsapana fifaliana tsy omby tratra no nameno ahy hany ka fantatro tao am-poko fa ny Bokin'i Môrmôna dia mihoatra noho ny hoe boky fotsiny ihany. Boky avy amin'Andriamanitra izany. Tsy azo nihodivirana ny maha-tenin'Andriamanitra azy. Taty aoriana dia takatro fa ilay zavatra tsapako dia ilay Fanahy izay nijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinan'izany.

Na dia misy olona sasany niaina zavatra nitovy tamin'izany aza, dia misy fomba samihafa ahafahan'ny olona iray mahafantatra fa marina ny Bokin'i Môrmôna.

## Ahoana no Hahafantaranao Izany?

*1. Ny sasany dia hahafantatra amin'ny alalan'ny fandrenesana*. Ianao dia mety anisan'ireo izay hahafantatra amin'ny alalan'ny fihainoana fotsiny ihany izay ampianarin'ilay boky. Ny Bokin'i Môrmôna dia milaza mikasika ireo olona an'arivony izay nandre ny zanakalahin'i Môsià nampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ary dia "niova fo ho an'ny Tompo" (jereo ny Almà 23:5–6). Ireo misiônera ankehitriny dia mampianatra izany filazantsara izany ihany izay hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ny sasany dia hahafantatra fa ny Bokin'i Môrmôna dia tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fandrenesana fotsiny ihany ny hafa mizara ny fampianarana ao aminy.

*2. Ny sasany dia hahafantatra amin'ny alalan'ny famakiana*. Mety anisan'ireo izay hahafantatra amin'ny alalan'ny famakiana tsotra fotsiny ny Bokin'i Môrmôna ianao miaraka amin'ny faniriana marina ny hahafantatra

SARY NATAON'I RUTH SIPUS




ny fahamarinana. Izany no nitranga tamin'ny vadiko. 12 taona izy rehefa nandray am-po ilay torolalana mba hamaky ilay boky hatrany amin'ny voalohany ka hatrany amin'ny farany. Rehefa nanao izany izy dia nahafantatra fa marina izany. Tena nahery vaika ilay fahatsapana ka rehefa namaky izy dia nanapa-kevitra ny hanaraka ny Mpamonjy mandrakizay. Nijoro foana tamin'ny zavatra tsapany izy.

*3. Ny sasany dia hahafantatra amin'ny alalan'ny fanatanterahan-javatra*. Mety anisan'ireo izay hahafantatra amin'ny alalan'ny fanaovana ireo zavatra izay ampianarin'ilay boky fotsiny ihany ianao. Ny olona sasany dia mahazo ny fijoroana ho vavolombelon'izy ireo amin'ny alalan'ny fanatanterahan-javatra (jereo ny Jaona 7:17). I Nefia, mpaminany iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nahatakatra tsara izany fitsipika izany. Nanoratra izy hoe mba "hahazoako mandresy lahatra tanteraka azy ireo ka hinoany ny Tompo Mpanavotra azy ireo . . . *[dia] nampihariko taminay ny soratra masina rehetra,* mba ho tombontsoanay sy ho fianarana ho anay" (1 Nefia 19:23; nampiana fanamafisana). Amin'ny alalan'ny fampiharana ireo fampianaran'ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fiainanao dia mety ho resy lahatra ihany koa amin'ny maha avy amin'Adriamanitra azy ianao.

*4. Ny sasany dia hahafantatra amin'ny alalan'ny fanontaniana an'Andriamanitra*. Ianao dia mety anisan'ireo izay hahafantatra amin'ny alalan'ny famakiana avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ary avy eo manontany ny Ray any an-danitra ao anatin'ny vavaka raha toa ka marina ny boky. Izany no zavatra niainako. Izany no fampanantenana tsara indrindra izay nataon'ny mpaminany iray hafa ao amin'ny Bokin' i Môrmôna dia i Môrônia, ho an'ireo mpikatsaka ny fahamarinana amin-kitsimpo rehetra: "Indro, ta hamporisika anareo aho, rehefa mamaky ireto zavatra ireto ianareo . . . mba hanontanianareo an'Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin'ny anaran'i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy amin'ny herin'ny Fanahy Masina" (Môrônia 10:3–4). Mijoro ho vavolombelona aho fa raha mamaky sy mivavaka mikasika ny







SARY NATAON'I CRAIG DIMOND SY HENRIK ALS

## FAMPANANTENAN'I MÔRÔNIA

Tany amin'ny faran'ny Bokin'i Môrmôna dia nampanantena ny mpaminany iray antsoina hoe Môrônia fa raha mamaky ny Bokin'i Môrmôna isika ka misaintsaina ao am-pontsika ny hafatra entiny, ary manontany ombam-bavaka amin'Andriamanitra raha marina izany dia hamaly antsika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina Andriamanitra (jereo ny Môrônia 10:3–5).

Ny fanambarana manokana dia an'ny tena manokana. Tonga amin'ny fomba samihafa sy amin'ny fotoana samihafa eo amin'ny tsirairay amintsika izany araka ny sitrapon'ny Tompo. Ny fahatakarana ireto fitsipika manaraka ireto dia afaka manampy anao hahafantatra ho an'ny tenanao manokana.

### 1. Eritrereto izany

Alohan'ny fanasana antsika hivavaka dia manasa antsika hisaintsaina i Môrônia. Ny atao hoe misaintsaina dia midika hoe mieritreritra lalina. Manontania tena hoe: Inona no zavatra tsapako rehefa mamaky ny Bokin'i Môrmôna aho? Maninona aho no mahatsapa izany? Inona no nianarako? Tsara ve izany?

Ny Tompo dia nampianatra ity fitsipika ity an'i Oliver Cowdery hoe: "Tsy nanana eritreritra afa-tsy ny hangataka izany Amiko ianao. Nefa indro, lazaiko anao, fa tokony handinika izany ao an-tsainao ianao; *rehefa izany* dia tokony hanontany Ahy ianao raha marina izany" (F&F 9:7–8; nampiana fanamafisana).

### 2. Mivavaha Amim-pahazotoana

Ny fampifantohana ny eritrerintsika sy ny fifantohana amin'ny valinteny mangina avy amin'ny Fanahy Masina dia mitaky ezaka ara-tsaina. Amin'ny lafiny iray, izany angamba no nahatonga an'i Enôsa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hilaza mikasika ny vavaka nataony ho toy ny "tolona . . . teo anoloan'Andriamanitra" (Enôsa 1:2).

Rehefa mamaky na misaintsaina na mivavaka ianao dia mitadiava fotoana na toerana izay tsy ahitana araka izay azo atao zavatra mahavarimbariana. Mitadiava fomba fipetraka izay hanampy anao hifantoka. Ny fivavahana amin'ny feo avo dia afaka manampy anao hampifantoka ny eritreritrao.

### 3. Mametraha Fanontaniana Tokony Hapetraka

Ny Tompo dia niteny an'i Oliver Cowdery mba tsy hanontany fotsiny fa kosa hanontany raha marina ilay zavatra noeritreretiny. Matetika, indrindra rehefa tsy ampy traikefa isika amin'ny fandraisana valiny avy amin'ny Ray any an-danitra dia mora kokoa ny mahatakatra ny valiny amin'ny alalan'ny eny na tsia tsotra fotsiny.

"Ny fanalahidy irain'ny vavaka mivoatra dia ny fianarana mametraka ny fanontaniana tokony hapetraka," araka ny fampianaran'ny Loholona Richard G. Scott avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.[1]

### 4. Inona no Kasaina Hatao Amim-piniavana?

Ny iray amin'ireo fanalahidin'ny fampanantenan'i Môrônia dia ny mba hanontaniantsika miaraka amin'ny "tena finiavana." Rehefa nandeha tany amin'ilay ala kely mba hivavaka i Joseph Smith tamin'ny faha-14 taonany dia "nivavaka izy, tsy niaraka tamin'ny finiavana ny hihaino fotsiny ihany fa ny hankato koa," hoy ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. ". . . Ary noho ny fahatokiany, tao anatin'ireo andro sy volana ary taona taty aoriana dia novaliana tamin'ny alalan'ny fandrotsahana fahazavana sy fahamarinana miavosa ny vavaka nataony."[2]


### 5. Aza Avela Handalo Izany

Tsy hoe mampitolagaga daholo ny fanambarana rehetra. Ny olona sasany dia manofy na mahita fahitana na misy mitsidika. Saingy ny ankamaroantsika dia hiaina zavatra tony sy misoko mangina, toy ny fahatsapana hafanana sy fiadanana.

Ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985), Filohan'ny Fiangonana faha-12 dia nampianatra fa "Rehefa miandrandra zavatra mampitolagaga ny olona iray dia mety tsy ho malina tanteraka amin'ny fitobahan'ny fanambarana tsy tapaka."[3]

**FANAMARIHANA**


1. Richard G. Scott, "Using the Supernal Gift of Prayer," *Liahona,* Mey 2007, 8.
2. Henry B. Eyring, "Prayer," *Liahona,* Jan. 2002, 18.
3. *Enseignements des Présidents de l'Église: Spencer W. Kimball,* (2006), 241.



**MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY**

"Ny Bokin'i Môrmôna dia tenin'Andriamanitra. Manasa anao izahay hamaky ity rakitsoratra mahatalanjona ity. Ity no rakitsoratra miavaka indrindra misy ankehitriny. Vakio amim-pitandremana sy ombambavaka izany, ary rehefa manao izany ianao dia hanome anao fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinany Andriamanitra, araka ny nampanantenain'i Môrônia (jereo ny Môrônia 10:4)."

**Filoha Howard W. Hunter (1907–95), *The Teachings of Howard W. Hunter,* ed. Clyde J. Williams (1997), 54.**



**MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY**

"Izaho dia naharay fanambarana matanjaka indrindra avy tamin'ny Tompo mikasika ny fahamarinan'ny [Famerenana amin'ny laoniny, ary ao anatin'izany ny Bokin'i Môrmôna]. Izany fisehoanjavatra izany dia niaraka tamiko tamin'ny fomba mahery vaika nandritra ny ora maro nifandimby; ary na inona na inona toe-javatra mety hitranga eo amin'ny fiainako, raha mbola mitoetra ny fitadidiako dia hitoetra miaraka amiko izany fahalalana lavorary izany."

**Filoha Lorenzo Snow (1814–1901), ao amin'ny Conference Report, Ôkt. 1900, 61.**

Bokin'i Môrmôna ianao, sy manaraka ny torolalan'i Môrônia dia ho fantatrao fa marina izany.

### Andriamanitra dia Nampanantena fa Hahafantatra Ianao

Raha tena te-hahafantatra ianao dia hahafantatra fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Andriamanitra dia nampanantena fa hanome izany fahalalana izany an'ireo mpikatsaka marina ny fahamarinana, ary Izy dia "Andriamanitry ny fahamarinana, ary tsy afaka mandainga" (Etera 3:12).

I Almà, mpaminany iray hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nampianatra ny zanany lahy fa Andriamanitra dia nampanantena fa "hotsimbininy [ity boky ity] noho ny fikasana hendry ao Aminy mba hahazoany maneho ny heriny amin'ny taranaka ho avy. Ary ankehitriny, indro, fikasana iray no efa notanterahany, dia ny fampodiana indray ny aman'arivony . . . ho amin'ny fahalalana ny marina; ary efa nasehony tao amin'izy ireo ny heriny ary mbola hasehony ao aminy koa ny heriny ho an'ny taranaka ho avy; koa hotsimbinina [ity boky ity] (Almà 37:18–19).

Izany hery mandresy lahatra izany ihany no hita ankehitriny ao amin'ity soratra masina manokana ity, ary haneho izany amin'izay mikatsaka amin-kitsimpo ny hahafantatra. Afaka miteny izany tsy amim-pihambahambana aho rehefa manao jery todika ireo andro izay nianarako mikasika ny Fiangonana. Ankehitriny, noho ny hery mandresy lahatry ny Bokin'i Môrmôna dia mijoro ho vavolombelona aho fa ny Bokin' Môrmôna dia tenin'Andriamanitra, izay mampianatra fa i Jesoa no Kristy, Ilay Mesia Masina. Porofo azo tsapain-tanana ilay boky fa nitranga ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara ary i Joseph Smith dia mpaminan'Andriamanitra.

Raha anisan'ireo izay mikatsaka amin-kitsimpo ny fahamarinana ianao, dia nampanantena ny Tompo fa hahafantatra ianao. Mety hahafantatra amin'ny alalan'ny fihainoana ireo fampianaran'ilay boky ianao, na amin'ny alalan'ny famakiana ilay boky, na amin'ny alalan'ny fanantanterahana izay ampianarin'ilay boky, na amin'ny alalan'ny fivavahana mba hahafantatra ny fahamarinany, na amin'ny alalan'ny fitambaran'ireo singa ireo. Saingy hahafantatra ianao. ■

## AHOANA NO AHAFANTARAKO

Na dia natao batisa tamin'ny fahasivy taonako aza aho dia tsy nazoto niangona ny fianakaviako. Saingy rehefa 13 taona aho dia nanasa ahy handeha hiangona ireo misiônera, ary nataoko izany. Nanatrika seminera ihany koa aho. Ny Fotopampianarana sy ny Fanekempihavanana no taranja nianarana, izay toa nampisavorovoro ny saiko. Nanana fahasahiranana manokana aho nikasika an'i Joseph Smith sy ny Bokin'i Môrmôna. Te-hahita an'Andriamanitra aho, saingy tsy fantatro tsara hoe amin'ny fomba ahoana na hoe aiza.

Rehefa nandeha ny fotoana dia nieritreritra be mikasika ireo resaka nifanaovana tamin'ireo misiônera aho. Nieritreritra mikasika ny seminera aho. Nieritreritra ireo resadresaka nifanaovako tamin'ny mpikamban'ny finoana Kristiana hafa aho. Indraindray dia nivavaka aho mba hahafantatra izay marina, saingy toy ny eritreritra mandalo kokoa izany noho ny fanontaniana amin-kitsimpo. Ary indray alina dia nanapa-kevitra ny hivavaka omban'ny "tena finiavana" aho.

Nilaza tamin'ny Ray any an-danitra aho fa te-hahafantatra Azy sy te-ho mpikamban'ny Fiangonany marina. Nampanantena aho hoe: "Raha ampahafantarinao ahy hoe mpaminany marina ve sa tsia i Joseph Smith ary marina va sa tsia ny Bokin'i Môrmôna dia hanao izay zavatra rehetra tianao hataoko aho. Raha ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no Fiangonana marina dia hanaraka izany aho ary tsy handao izany na oviana na oviana."

Tsy nahita fisehoan-javatra nampitolagaga aho, saingy nahatsapa fiadanana ary dia nandeha natory. Ora maro taty aoriana dia nifoha niaraka tamin'ny eritreritra miavaka aho hoe: "I Joseph Smith dia mpaminany marina, ary ny Bokin'i Môrmôna dia marina." Narahina fiadanana tsy hay faritana ilay eritreritra. Natory indray aho, ary nifoha taty aoriana kely niaraka tamin'ilay fahatsapana sy eritreritra teo ihany.

Nanomboka tamin'izay fotoana izay dia tsy niahiahy na oviana na oviana aho fa i Joseph Smith dia tena mpaminany marina. Fantatro fa asan'ny Mpamonjy ity ary ny Ray any an-danitra dia hamaly ireo fangatahantsika natao tamin-kitsimpo.

**Rodolfo Armando Pérez Bonilla, El Salvador**

# FEO IRAY
## AVY AO AMIN'NY VOVOKA

**Miresaka momba ny fahamarinana amin'izao tontolo izao ny Bokin'i Môrmôna amin'izao androntsika izao. Aoka izany hitondra hazavana sy fahamarinana eo amin'ny fiainanao. (Jereo ny Môrônia 10:27.)**



SARY NALAIN'I CODY BELL

# Afo Nirehitra TAO ANATIKO

*Ny andro nahaizan'i Eduardo namaky teny no andro nahazoany koa fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna sy ny heriny.*



***Ho an'i Eduardo Contreras, izay hita amin'ny sary etsy ambony miaraka amin'i María vadiny, dia varavarana mitondra amin'ny fahaizana mamaky teny sy manoratra ny Bokin'i Môrmôna. "Mahatsapa ny Fanahy aho isaky ny mamaky izany," hoy izy.***

**Nataon'i Michael R. Morris**
Gazetibokin'ny Fiangonana

"Ny raibeko dia miteny matetika hoe: 'Raha te ho lasa olona manana ny maha izy azy isika, dia tsy maintsy mianatra mamaky teny,'" hoy i Eduardo Contreras. "Tena marina ny an'ny raibeko."

Kanefa raha ho an'i Eduardo, dia naharitra ela ilay lalana nitondra tany amin'ny fahaizana mamaky teny. Iray tamin'ireo zanaka dimy notaizan'ny reny mananotena iray tany amin'ny tanànan'i Córdoba, Argentine izy. Tsy nianatra intsony izy teo amin'ny fahavalo taonany ary nandeha niasa mba hanampiana ny fianakaviany.

Nitantara izy hoe: "Tena nahantra izahay." Mba hivelomana dia nanao mpamafa kiraro i Eduardo, nanamboatra biriky, nioty ovy, nivarotra gazety ary nanao asa an-tselika maro hafa mandrapahalasa tovolahy azy ka nahitany asa raikitra amin'ny fotoana feno tao amin'ny fitantanana ny tanàna.

Rehefa nandeha ny taona dia nanambady i Eduardo ary nanomboka nanorina ny fianakaviany manokana. Rehefa tonga ny fotoana nanombohan'ireo zanany dimy niala ny tokantrano dia mbola tsy nahay namaky teny ihany izy ary tsy nanana fahafanana kely akory hahita fomba azo hianarana. Niova izany indray andro rehefa nandroaka ankizilahy maro teo an-toerana izy izay nananihany misiônera Olomasin'ny Andro Farany anankiroa teo anoloan'ny tranony. Nasainy nandroso ireo misiônera ary fotoana fohy taorian'izay dia nandray ireo lesona izy sy i María vadiny.


"Sarotra tamiko ny nanakatra izay zavatra rehetra nolazain'izy ireo satria tsy dia nahay teny Espaniôla firy izy ireo," hoy ny fitantaran'i Eduardo, "saingy nampiseho bokikely ahy izy ireo izay nahitana sarin'ny Mpamonjy sy ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ny Ala Kely Masina. Tsara ireo sary sy ireo zavatra nampianariny anay araka ny eritreritro."

Fotoana fohy taorian'izay dia nosoloina hafa ireo misiônera ireo ka nisy teratany niteny Espaniôla tamin'izany. I Eduardo sy María, izay namoy ny zanany vavy kely taona vitsivitsy lasa talohan'izany dia tohina tamin'ilay horonantsarin'ny Fiangonana hoe *Families Are Forever (Miaraka Mandrakizay ny Fianakaviana)*. Vetivety dia natao batisa izy ireo niaraka tamin'i Osvaldo zanak'izy ireo faralahy.

Niaraka tamin'izay batisan'i Eduardo tamin'ny 1987 izay dia tonga ny faniriana hanamafy orina ny fijoroana ho vavolombelony amin'ny alalan'ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna. "Ahoana no ahafahako mianatra mamaky teny?" hoy izy nanontany ny vadiny. Nasain'i María nijery ireo tarehintsoratra izy dia manambatra izany ao an-tsainy ary miezaka mamoaka ilay teny amin'ny alalan'ny feo dia manandrana mamaky mafy avy eo. Nanome toky azy izy fa rehefa manao fanazarana dia hahay hamaky teny amin'ny farany.

I Eduardo izay 45 taona tamin'izany dia nahafantatra ny feon'ny tarehintsoratra maro saingy tsy mba namaky teny mihitsy hatramin'ny tsy nianarany intsony efa ho efapolo taona latsaka talohan'izany.

SARY NALAIN'I MICHAEL R. MORRIS



## LOHARANON'NY FITAOMAM-PANAHY SY LOHARANON-KERY

"Inona no lanjan'ny Bokin'i Môrmôna ho anao? Moa ve loharanon'ny fitaomam-panahy sy loharanon-kery izany eo amin'ny fiainanao? Moa ve hitohy izany?

"Raha toa ianao ka tsy mbola nanandrana tamin'io loharanon'ny fahamarinana madio io dia mamporisika anao amin'ny foko manontolo aho mba hanaovanao izany ankehitriny. Aza avela ho toy ny iray amin'ireo zavatra izay kasaina hatao nefa tsy mba tena tontosainao velively ny fandalinana tsy tapaka ny Bokin'i Môrmôna. Atombohy androany izany."

**Loholona Richard G. Scott avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "The Power of the Book of Mormon in My Life," *Ensign,* Ôkt. 1984, 11.**

### Nahatsapa Afo Aho

Niaraka tamin'ny vavaka tao am-pony, dia nipetraka teo amin'ny toerana malokaloka iray teo amin'ny tokontany tany ambadiky ny tranony i Eduardo indray andro fahavaratra nafana be. "Teo aho," hoy izy, "no tapa-kevitra hanao ilay fanandramana."

Nilaza i María fa tsy noeritreretiny velively ny zavatra nitranga taorian'izany. Raha izy niasa tao an-dakozia iny, dia nihaino tsindraindray an'i Eduardo niezaka namaky ireo tarehintsoratra sy ireo teny. "Henoko tampoka izy niteny haingana," hoy izy. "Nihaino aho ary nahatsapa fa nisosasosa ny famakiany teny. Antsasakadiny latsaka no lasa tamin'izay ary dia nahay namaky teny izy!"

Tafalentika loatra tao anatin'ny fiezahany i Eduardo ka tsy nahatsapa fa nahay namaky teny izy. Saingy rehefa namaky izy dia hoy izy araka ny fitantarany hoe, "nahatsapa afo nirehitra tao anatiko aho." Tao anatin'ny tahotra sy ny fahatairana no niantsoan'i Eduardo ny vadiny hoe: "Malala a! fa inona ity mahazo ahy ity?"

Namaly i María hoe: "Ny Fanahin'ny Tompo izany." "Mahay mamaky teny misosa tsara ianao!"

Rehefa nitantara izany zava-nitranga izany i María dia nilaza hoe: "Zavatra tsy azonay lavina izany."

Nampian'i Eduardo izany hoe: "Ilay andro nahaizako namaky teny no andro nahazoako koa fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna sy ny heriny."

Nanomboka tamin'izay dia nifoha tamin'ny 4 ora maraina i Eduardo mba hamaky ny Bokin'i Môrmôna alohan'ny handehanana hiasa. Dia namaky ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izy avy eo ary ny Baiboly taorian'izay. Misy fitoeram-boky amin'izao fotoana izao ao amin'ny tokantranon-dry Contreras izay tsy nahitana boky firy talohan'ny taona 1987.

Rehefa nitombo ny fahalalan'i Eduardo sy María ny filazantsara dia nitombo koa ny fijoroana ho vavolombelony. Rehefa maty noho ny lozam-pifamoivoizana i Osvaldo zanak'izy ireo tamin'ny 2001, dia ny fijoroana ho vavolombelon'izy ireo—niaraka tamin'ny zavatra ara-panahy niainany mahery vaika nandritra ny vavaka natao sy tany amin'ny Tempolin'i Buenos Aires Argentine, izay namehezana azy ireo sy i Osvaldo—no nanampy azy ireo niatrika ny fahalasany.

"Angamba mety ho lasa adala ny ray aman-dreny sasany," hoy i Eduardo "saingy nahatsapa fahatoniana izahay izay nilaza hoe: 'Tsy maninona ny zanakareo lahy.' Nitomany izahay mazava ho azy. Zanaka lahy tsara toetra izy ary malahelo azy izahay. Saingy nofehezina tany amin'ny tempoly izahay ary fantatray hoe aiza no misy azy."

### Ny Fahazavan'ny Fahaizana Mamaky Teny sy Manoratra

Noho ny fanohanan'ny mpikambana iray tao amin'ny paroasiny, dia nianatra nanoratra koa i Eduardo. "Taloha aho," hoy izy, "Dia tsy afaka nanoratra ny anarako akory."

Noho ny fahazavan'ny fahaizana mamaky teny sy manoratra dia lasa nahatakatra ny fahamarinan'ireo tenin'ny raibeny izy.

Hoy izy hoe: "Tonga eto an-tany isika mba hahafahantsika mivoatra kely kokoa isan'andro." Nanampy izy hoe: ny fianarany namaky teny sy nanoratra dia entiny ampisehoana ny zanany sy ny zafikeliny fa tsy misy velively izany hoe efa tara ka tsy afaka mianatra sy mivoatra ary tsy afaka ho lasa tahaka izay tian'Andriamanitra hahatongavantsika. Hoy izy hoe: "Satria aho afaka mamaky teny dia mianatra zavatra vaovao foana isan'andro."

Ankehitriny Rahalahy Contreras dia afaka mamaky izay tiany hovakiana ary ao anatin'izany ireo gazety, izay nisy fotoana nivarotany izany tamin'izy ankizy tsy nahay namaky teny sy nanoratra. Ny soratra masina no mbola boky tiany indrindra, indrindra fa ny Bokin'i Môrmôna. Im-balo izy no namaky izany avy any amin'ny voalohany ka hatramin'ny farany.

"Ho ahy dia ny Bokin'i Môrmôna no varavarana," hoy izy, mbola feno fankasitrahana noho ny fanovan'ny fahaizana mamaky teny sy manoratra ary ny filazantsara ny fiainany. "Zava-dehibe indrindra ho ahy ny Bokin'i Môrmôna tamin'izany. Izany *dia* mbola zava-dehibe indrindra ho ahy ankehitriny. Mahatsapa ny Fanahy aho isaky ny manokatra izany." ■

# AIZA NO AHITAKO VALINY?

Fony aho 21 taona, dia nampianatra Anglisy tao amin'ny faritra nisy ahy tao Russie ny misiôneran'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nanatrika ny fampianarana ilay fiteny fotsiny aho tamin'ny voalohany, kanefa vetivety kely taty aoriana aho dia nanomboka nijanona elaela kokoa tamin'ny vatsim-panahy izay nozarain'ny misiônera taorian'ny fampianarana ary nametraka fanontaniana tamin'izy ireo.

Izaho dia lehibe tao anatin'ny fiangonana natanjaka indrindra teo amin'ny fireneko, kanefa dia nanana fanontaniana maro momba ny fivavahana izay tsy voavaly aho. Ireo misiônera sy ny mpikamban'ny Fiangonana dia namaly ireo fanontaniana izay tsy nisy na iray aza nahavaly azy teo aloha ka nanome fahafaham-po ahy.

Rehefa nahatsapa fahasahiana aho taorian'ny fotoana iray nampianarana teny Anglisy, dia nangataka tamin'ireo misiônera boky iray amin'ny bokin'izy ireo, ny Bokin'i Môrmôna izany. Kanefa rehefa tonga tany an-trano aho, dia napetrako teo amin'ny fitoeram-boky ary tsy novakiako izany.

Tsy nijanona ela teo anefa izany. Nandre ireo mpikamban'ny Fiangonana izay nanatrika ny fampianarana teny Anglisy aho nilaza fa ny soratra masina dia mamaha ny olana. Noho izany rehefa niatrika fanamby manokana aho na nianjadian'ireo olana, dia nandray ilay Bokin'i Môrmôna teo amin'ny fitoeram-boky ary nanomboka namaky izany. Nahita foana karazam-baliny izay nilaza tamiko mazava ny tokony ho fantatro aho.

Tamin'izay indrindra aho no nanomboka nahatsapa fa tsy afaka ny hiaina tsy misy ny Fiangonana. Tao amin'ny toerana tiako hisy ahy aho. Tao amin'ny toerana nahatsapako fa tokony hisy aho.

Mbola te-hahazo antoka ihany anefa aho ka nanontany an'Andriamanitra. Ny olana dia nipetraka tao amin'ny efitrano kely iray izay aho, izay nitambarako tamin'ny tompontranoko, vehivavy lehibe iray, ary tsy mba nisy toerana manokana nahafahako nivavaka. Saingy indray hariva dia niporitsaka nankao an-dakozia aho—izay faritra somary mitokana kely amin'ny ambin'ny efitranonay—ary nangataka tamin'ny Ray any an-danitra raha marina ny Fiangonana. Nahazo fahatsapana mahery vaika aho ho valiny ary fantatro ny zavatra tokony hataoko.



*Indray hariva dia niporitsaka nankao an-dakozia aho—izay faritra somary mitokana kely amin'ny ambin'ny efitranonay—ary nangataka tamin'ny Ray any an-danitra raha marina ny Fiangonana.*

Natao batisa aho fotoana fohy taty aoriana, ary ny fotoana naha-mpikamban'ny Fiangonana ahy no fotoana tena feno fifaliana indrindra teo amin'ny fiainako. Raha nanana fanontaniana aho teo aloha, dia manana valiny kosa aho ankehitriny. Raha nahatsapa zavatra banga aho teo aloha dia mahatsapa ho feno kosa aho ankehitriny.

Feno fankasitrahana an'Andriamanitra aho noho ny tsy famelana antsika tsy hanana valiny. Fantatro fa hiteny amintsika Izy, amin'ny alalan'ny vavaka sy amin'ny alalan'ny soratra masina. ■

Olga Ovcharenko, Sverdlovsk Oblast, Russie

SARY NATAON'I BJORN THORKELSON

# NAHATSAPA AFO TAO ANATY AHO

Lehibe tao anatin'ny fanatrehana Sekoly Alahady tao amin'ny fiangonana akaikin'ny trano fonenanay nandritra ny fahazazako tany Michigan, Etazonia aho. Nanana mpampianatra nahafinaritra iray aho izay nameno ahy tamin'ny fitiavan'i Jesoa Kristy.

Isan-kerinandro dia nizara karatra nisy kisarisarin'ireo zava-niseho tao anatin'ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy teto an-tany izy, ary tafiditra tao anatin'izany ireo fitsipika nampianariny sy ireo fahagagana notanterahany. Isan-kerinandro dia nametaka ireo karatra tao amin'ny kahie iray aho ary dia namerina namaky ireo tantara tao amin'ny Baiboly. Rehefa nihalehibe aho dia nanohy nandalina ny Filazantsara tao amin'ny Testamenta Vaovao.

Taona maro taty aoriana, nandritra ny lohataona 1968 dia namangy ny tokantranon'ny olona iray tao amin'ny fianakaviana ny misiôneran'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nandà ny fanasan'ireo rahalahy hianatra mikasika ny Fiangonana izy saingy nandefa azy ireo ho any an-tranoko.

Tamin'ny fihaonanay voalohany dia nampianatra ahy ireo misiônera fa nisy "fihemorana" nitranga tamin'ny Fiangonana izay naorin'i Jesoa Kristy (jereo ny 2 Tesaloniana 2:3). Ny zavatra nampianarin'izy ireo dia nifanojo tamin'ny fandalinako manokana, koa rehefa nanontany izy ireo raha afaka mamangy ahy indray dia nanaiky aho.

Nandritra ny famangiany manaraka dia nanana lisitra-na fanontaniana aho. Moa ve ny Olomasin'ny Andro Farany manao batisa asitrika? Moa ve nino ny fahefan'ny fisoronana izy ireo? Moa ve nino ny fanasitranana ny marary izy ireo? Ny valintenin'izy ireo dia nanamafy ny zavatra nohalaliniko tao amin'ny Testamenta Vaovao. Tamin'ny fiafaran'ny famangiana dia namela ahy niaraka tamin'ny boky iray izay nolazain'izy ireo ho mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy izy ireo.

Napetrako teo ambony fahitalavitra ilay boky ary nandeha natory aho. Saingy rehefa nisasaka ny alina dia notairin'ny fahatsapana mahery vaika iray aho, izay fantatro hoe ny Fanahy Masina taty aoriana. Nisy zavatra nanosika ahy hanomboka hamaky, koa dia namaky nandritra ny adiny iray sy sasany aho talohan'ny niverenako tany am-pandriana. Fotoana fohy taty aoriana dia nifoha indray aho, niaraka tamin'ilay fahatsapana teo ihany, koa dia namaky misimisy kokoa aho.

Izany toe-javatra izany dia nitohy nandritra ny alina roa nanaraka. Tiako ny zavatra novakiako ary dia fantatro fa ny Bokin'i Môrmôna dia nijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy.

Nanapa-kevitra ny hangataka fitarihana tamin'Andriamanitra aho. Izay no fotoana voalohany indrindra nandohalihako mba hivavaka hatramin'ny naha-tovovavy kely ahy. Nangataka ny Ray any an-danitra aho hanampy ahy hahafantatra izay tokony hataoko amin'ilay afo tsapako tao anatiko. Rehefa namarana ny vavako aho dia nahatsapa ho voatarika ny hamerina hamaky ny tantaran'ny fiovam-pon'ireo Lamanita tao amin'ny 3 Nefia 9. Namaky aho fa "natao batisa tamin'ny afo sy ny Fanahy Masina izy, ary tsy fantany izany" (andininy 20).

Ilay fehezanteny hoe "tsy fantany izany" dia tsy vaovao tamiko. Nisy eritreritra tonga tamiko nanao hoe: "Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia tena eto an-tany!" Tsy andriko izay niresahana tamin'ireo misiônera mikasika izay novakiako sy izay zavatra fantatro ankehitriny. Saingy rehefa namaly ireo fanontaniako izy ireo niaraka tamin'ny fanasana ahy hatao batisa dia nilaza tamin'izy ireo aho fa tsy afaka. Tsy hahatakatra izany ny vadiko.

Rehefa nanohy nieritreritra mikasika ilay andinin-tsoratra masina anefa aho dia tonga saina fa nirakitra fitarihana mazava ho ahy izany mba hanolotra "fo torotoro sy fanahy manenina" ho fanatitra. Nivavaka sy nanontany ny Raiko any an-danitra aho hanampy ahy, izay nataony. Rehefa nandray ny fampianaran'ny misiônera ny vadiko dia nanome alalana izy ny hanaovana batisa ahy.

Tena feno fankasitrahana ny Ray any an-danitra feno fitiavana aho noho izany zavatra niainako izay sarobidy sy mahery vaika izany fony aho reny mbola tanora tao anatin'ny famakiana ny Bokin'i Môrmôna. Nitarika ahy tany amin'ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izany. Ny vokany, dia ilay hery misariky ny Fanahy Masina izay tsapako nandritra ireo alin'ny taona 1968 ireo no fanomezana mitoetra ankehitriny—zavatra izay nitarika ahy nandritra ny 40 taona mahery naha-mpikamban'ny Fiangonana ahy. ■

Claudia Williams, Florida, Etazonia



***Napetrako teo ambonin'ny fahitalavitra ilay boky ary nandeha natory aho. Saingy rehefa nisasaka ny alina dia nisy zavatra nanosika ahy hanomboka hamaky.***

# NIRESAKA TAMIKO NY BOKIN'I MÔRMÔNA

Rehefa voalaza fa voan'ny homamiadan'ny rà ny zanakay farany, Amanda, izay roa taona, dia sarotra ny nahazo azy, satria tsy sitrana ny homamiadana nahazo azy taorian'ny fanaovana "chimiothérapie." Dia nanaovana famindrana tsokan'ny taolana izy.

Raha toa ka nipetraka tany antranonay tany Utah ny vadiko sy ny zanakay roalahy, dia izaho kosa nipetraka niaraka tamin'i Amanda tany amin'ny faritany hafa nanomboka ny Septambra hatramin'ny tapany voalohan'ny volana Janoary. Tsy nankalaza ny Krismasy niaraka izahay, kanefa rehefa nifarana ny fanaraha-maso ara-pahasalamana dia niverina tany an-tokantranonay izahay.

Tamin'ny fanaraha-maso voalohany nataonay tany amin'ny hôpitaly taorian'ny niverenanay tany an-trano dia mbola nahita homamiadan'ny rà tany amin'ny selan'i Amanda indray ny dokotera. Tsy nahomby ilay famindrana tsoka natao. Rehefa nandre izany vaovao izany aho dia tahak'ireny nilentika tao anaty gorodona ireny. Efa nisedra fiahiahiana, asa, fisarahana ary fotoantsarotra maro ny fianakavianay. Nefa ankehitriny dia handao anay ihany ny zanakay vavy.

Niverina tany amin'ny zanako lahy roa tany an-trano aho taorian'izay. Mandram-piandrasanay ny vadiko ho tonga ao an-trano dia samy naka ny Bokin'i Mômôna anay izahay ary nanomboka namaky izany. Teo amin'ny 2 Nefia 9 izahay. Teo am-pamakiana dia nahakasika ny foko ireto teny manaraka ireto:

"Teneniko anareo ireo zavatra ireo mba hahazoanareo miravoravo sy manatraka mandrakizay ny lohanareo noho ny fitahiana izay hatolotry ny Tompo Andriamanitra ny zanakareo.

"Satria fantatro fa ny maro taminareo dia efa nikaroka mafy ny hahalala ny zavatra ho avy; koa fantatro fa fantatrareo fa ny nofontsika dia tsy maintsy hihaosa sy ho faty; kanefa dia ao amin' ny vatantsika no hahitantsika an' Andriamanitra. . . .

"Fa satria efa nahatratra ny olon-drehetra ny fahafatesana mba hahatanteraka ny drafitra feno famindram-pon' Ilay Mpahary lehibe, dia tsy maintsy ilaina ny hisian' ny herin' ny fitsanganana amin' ny maty. . . .

"Ô endrey ny halehiben' ny hatsaram-pon' ny Andriamanitsika izay manomana lalana mba hialantsika amin' ny fihazonan' io biby mahatsiravina io; eny, ilay biby, fahafatesana. . . .

"Ary tonga amin' izao tontolo izao Izy hahazoany mamonjy ny olon-drehetra raha mety mihaino ny feony izy; fa indro, miaritra ny fijalian' ny olon-drehetra Izy, eny, ny fijalian' ny manan' aina tsirairay, na lehilahy na vehivavy na ankizy, izay isan' ny fianakavian' i Adama.

"Ary miaritra izany Izy mba hahatanteraka ny fitsanganana amin' ny maty amin' ny olon-drehetra ka hahazoan' ny rehetra mijoro eo anoloany amin' ny andro lehibe sady fitsarana" (2 Nefia 9:3–4, 6, 10, 21–22).

Teo am-pamakiana ireo teny ireo aho dia nanenika ny efitrano ny Fanahy Masina. Tsapako fa fantatry ny Raiko any an-danitra ny vaovao voaraiko tamin'izany andro izany. Tsapako fa ireo tenin'ny mpaminany Jakoba izay nosoratany mihoatra ny 2.000 taona lasa dia nosoratana ho ahy ary avy tamin'ny Mpamonjy mivantana. Fantany ny fijaliana sy ny alahelo tsapako taorian'ny fandrenesana fa ho faty ny zanako. Ary dia teo Izy nampionona ny fianakaviako tamin'ny Fampanantenany fa nanomana lalana Izy ary indray andro any, amin'ny alalan'ny herin'ny Fitsanganana amin'ny maty, "ao amin' ny vatantsika no hahitantsika an' Andriamanitra."

Mbola niaina taona iray fanampiny i Amanda, saingy tsy adinoko velively ny andro izay nikasihan'ny Bokin'i Mômôna ahy tao anatin'ny fotoantsarotra ary nanomezan'ny Tompo ahy fanantenana, fampiononana ary fahatakarana ny Drafiny. ■

Gina Baird, Utah, Etazonia



***Teo am-pamakiana aho dia nanenika ny efitrano ny Fanahy Masina. Tsapako fa fantatry ny Raiko any an-danitra ny vaovao voaraiko tamin'izany andro izany.***

# NOSEDRAIKO NY FAMPANANTENAN'I MÔRÔNIA



*Nangataka tamin'ny Ray any an-danitra aho hoe: "Moa ve marina ny Bokin'i Môrmôna, ary raha marina izany, dia rahoviana aho no hatao batisa?"*

Taona vitsy lasa izay raha tao an-tranon'ny namana iray aho dia nihaona tamin'ny zatovolahy roa mianjaika izay nampahafantatra ny tenan'izy ireo ho misiôneran'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nieritreritra aho hoe toa hafahafa izany hoe avy any lavitra any izy ireo no tonga eto Italie mba hanova fo olona izay efa nino ny Mpamonjy.

Nangataka azy ireo aho taty aoriana mba ho tonga any an-tranoko. "Raha tianareo dia afaka mitsidika ahy ianareo mba hanao fifanakalozana ara-kolotsaina," hoy aho. "Kanefa aza mieritreritra hoe hiova finoana aho."

Rehefa nihaona izahay ny ampitso harivan'io, dia niresaka momba ny Bokin'i Môrmôna ireo misiônera. Toa hafahafa tamiko mihitsy ny tsy nandrenesako velively an'izany taloha. Nanasa azy ireo niverina indray aho, fa taorian'ny fitsidihana fanindroany dia nihevitra ny vadiko, Anna Maria, fa adaladala izy ireo ary dia hivoaka ny trano izy mandritra ny resaka hifanaovanay. Toa tsy dia mahazatra ahy ihany koa anefa ireo misiônera, kanefa liana ny hahafantatra izay holazain'izy ireo aho ary nanohy nihaona tamin'izy ireo.

Indray alina raha tonga tao an-trano i Anna Maria, dia nandre anay niresaka momba ny fanambadiana mandrakizay. Tena nahaliana azy tokoa izany, ary dia nanapa-kevitra izy ny iarahanay manomboka indray ny lesona. Nanana fahalalana lehibe momba ny soratra masina izy ary nanana lisitra-na fanontaniana lava be foana. Novalian'ireo rahalahy avy hatrany ny sasany tamin'ireo fanontaniana fa ho an'ny sasany kosa dia tsy maintsy nandeha nody izy ireo ary nanao fikarohana. Isankerinandro izy ireo dia niverina nitondra valiny tsy tapaka, ary isankerinandro i Anna Maria dia nanana lisitra-na fanontaniana hafa indray.

Taoriana kelin'ny nahavitanay ireo lesona, dia nanao zavatra tsy nampoiziko i Anna Maria satria nangataka fahazoan-dalana tamiko mba hatao batisa izy. Nilaza taminy aho fa tsy manana olana amin'izany raha toa ka tena niova fo marina izy. Nanatrika ny batisany aho ny 5 Martsa 1995 ary nigoka fahatsapan-javatra tena tsara nandritra ny fotoam-batisa.

Nanohy namaky be ireo zavatra momba ny Fiangonana aho, ary ny misiônera dia nanohy hatrany nankahery ahy. Farany dia nanapa-kevitra aho ny hisedra ny fampanantenan'i Môrônia (Jereo ny Môrônia 10:4–5). Tiako ho fantatra raha tena avy amin'Andriamanitra marina ny Bokin'i Môrmôna na koa hoe boky tantara mahafinaritra noforinin'ny eritreritra fotsiny.

Indray andro tamin'ny Jiona 1995 raha irery aho tao an-trano, dia nandohalika teo am-pandriana ary nangataka tamin'ny Ray any an-danitra hoe: "Moa ve marina ny Bokin'i Môrmôna, ary raha marina izany, dia rahoviana aho no hatao batisa?" Poa toa izay dia nahatsapa tao am-poko sy tao antsaiko feo mazava tsara iray aho izay nilaza tamiko hoe: "Marina ny Bokin'i Môrmôna." Ary avy eo aho dia nahazo fahalalana tsara momba ny fotoana hanatanterahana ny batisako. Herinandro taty aoriana dia mbola nivavaka indray aho ary nandray valim-bavaka mitovy tamin'ilay teo aloha ihany. Diboky ny hafaliana ny foko. Ankehitriny dia fantatro fa niteny tamiko Andriamanitra: ny Bokin'i Môrmôna dia avy amin'ny fitaomam-panahin'Andriamanitra ary i Joseph Smith dia tena mpaminany marina.

Farany tamin'ny 17 Septambra 1995 dia niditra ny ranon'ny batisa aho, herintaona sy tapany taorian'ny nihaonako tamin'ireo misiônera. Fotoana fohy taorian'izay dia lasa liana tamin'ny Fiangonana ny zanakay vavy, Aba Chiara ary dia natao batisa koa. Tamin'ny Janoary 1997 dia nofehezina tao amin'ny Tempolin'i Berne Suisse ny fianakavianay.

Fantatray fa ity no Fiangonana marina tantanan'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny mpaminany sy ny fisoronana. Feno fankasitrahana ny Tompo izahay noho ny fitiavanay sy noho ny fitarihany anay tany amin'ny misiônera, ary noho ny fahalalanay ny filazantsara. ■

Francesco Ferraresi, Lombardy, Italie

# Ho an'ny Fiteny sy ny Olona Rehetra


**Nataon'i Lia McClanahan**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Rehefa nampiandraikitra ny zanany Helamàna ireo rakitsoratry ny vahoakany ny mpaminany Almà ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia nanome toromarika ny zanany izy mba hahatsiaro fa ny Tompo dia nanana "tanjona hendry" mikasika ny fitahirizana ny soratra masina (Almà 37:12). Hoy izy momba izany rakitsoratra izany hoe: "Fa izy ireto dia tokony hotehirizina sy hifanoloran' ny taranaka mifandimby . . . mandrapanambarana azy ireto any amin' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina" (Almà 37:4).

Tamin'ny taona 1827 i Joseph Smith no nahazo ireo rakitsoratra ireo ary tamin'ny taona 1829 izy no nahavita nandika izany tamin'ny teny Anglisy tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra. Ny boky izay navoaka tamin'ny taona 1830 dia tena fitaovana fitoriana ny filazantsara mahery vaika mba handresen-dahatra ireo mpamaky ny amin'ny fahamarinan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Na dia efa namoaka boky miisa 5.000 aza, dia toa mbola lavitr'ezaka ihany ny fandefasana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny "firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra."

Kanefa ny Tompo dia mbola nanamafy ity faminaniana ity tamin'i Joseph Smith tamin'ny taona 1833, izay nanambarany mialoha ny momba ny andro iray izay "handrenesan'ny olona tsirairay ny fahafenoan' ny filazantsara amin'ny teniny ary amin'ny fiteniny avy" (F&F 90:11). Ny Bokin'i Môrmôna, izay "mirakitra . . . ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy" (F&F 20:9), dia manana anjara asa fototra eo amin'ny fanatanterahana izany faminaniana izany.

Tany amin'ny antsasak' ireo taona nandrafitra ny taona 1800 ireo misiônera no nitondra ny filazantsara tany Eorôpa. Navoaka tamin'ny fiteny Danoa ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny taona 1851, narahin'ny



*Niisa 5.000 ny Bokin'i Môrmôna navoaka voalohany.*

dikan-teny navoaka tamin'ny teny Frantsay, Alemana, Italiana, ary Gallois tamin'ny 1852. Amin'izao fotoana izao ny Bokin'i Môrmôna iray manontolo dia misy amin'ny fiteny 82, ary ireo misy toko nofantenina amin'ny fiteny 25 hafa. Ilay faminaniana hoe ny olona rehetra dia handre ny filazantsara amin'ny fitenin'izy ireo dia miha tanteraka isan-taona noho ny fandrosoan'ny asa fandikan-teny sy ny asa fitoriana.

### Ny Asa Fandikan-teny

Ny dingan'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna miala amin'ny teny Anglisy mankany amin'ny fiteny hafa dia matetika aman-taonany maro vao vita. Tsy manomboka ny dingana raha tsy aorian'ny fankatoavan'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ilay fandaharan'asa ary rehefa misy mpikambana teratany ampy miteny ilay fiteny ao an-toerana mba hanao asa fandikanteny. Ireo mpandika teny sy mpanao fanitsiana dia omena toromarika tsara ary asaina manakaiky ny Fanahy hatrany rehefa mandika teny. Rehefa vita ny fandikana, dia mandalo ny dingan'ny fanitsian'ireo mpitondra ara-panahy ireo lahatsoratra.

Aorian'ny fanontana, dia afaka mamandrika izany amin'ny alalan'ny Foibe Fanapariahana ireo mpikambana. Maro tamin' ireo mpikambana ireo no tsy nanana afa-tsy ireo toko nofantenina avy tao amin'ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fitenin'izy ireo na tamin'ny tranga hafa dia tsy nanana afa-tsy ny fijoroana ho vavolombelon'ireo misiônera.

### Ny Bokin'i Môrmôna sy ny Asa Fitoriana

Rehefa misokatra ho an'ny asa fitoriana ny faritra iray, dia mety ho fanamby lehibe ireo olana eo amin'ny lafin'ny fiteny. Rehefa tsy misy bokin'ny Fiangonana voadika amin'ny fitenin'izany faritra izany, dia voatery ny misiônera mianatra ny fiteny ary mijoro ho vavolombelona amin'ny alalan'ny Fanahy. Any amin'ny toerana sasany eto amin'izao tontolo izao dia maro ireo olona afaka miteny ny fiteny faharoa ampiasaina ao

amin'ny firenena, ary dia afaka manome ny Bokin'i Môrmôna amin'izany fiteny izany ireo misiônera. Ohatra, talohan'ny nandikana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Mongôliana, dia maro ireo mpikambana no nandalina ilay boky tamin'ny fiteny Rosiana.

Kanefa ny filazantsara dia tena takatra tsara ao anatin'ny fifankahazarana amin'ilay fiteny eo antoerana sy ny fahazavany. I Eric Gemmell, izay nanompo tany amin'ny misiônan'i Llubljana Silôvenia tamin'ny taona 2001 ka hatramin'ny taona 2003 dia nahita mivantana ny fahasamihafana misy eo amin'ireo mpikambana sy naman'ny Fiangonana izay manana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny fiteni-n'izy ireo. Ny 18 volana voalohany nanaovany asa fitoriana dia talohan'ny nisian'ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Silôveniana.


Tena sarotra ny asa. Ny sampana voalohan'ny Fiangonana dia vao niorina folo taona monja talohan'izay. Vao nahazo ny fahaleovantenany vao haingana i Silôvenia ary mbola tao anatin'ny dingana hiala amin'ny fiteny Serbo-croate izay fiteny ôfisialy teo aloha. Nitondra Bokin'i Môrmôna maro tamin'ny fiteny Serbo-croate sy tamin'ny fiteny Anglisy ireo misiônera, izay fiteny ampiasain'ny ankamaroan'ny mpianatra tany ampianarana. Kanefa matetika dia mandà ilay boky ny olona satria samy tsy misy azon'izy ireo daholo ireo fiteny ireo. Tsaroan'i Eric hoe tena toy ny nisy lavaka be izany hoe nijoro ho vavolombelona tamin'ny olona momba ny halehibe sy ny lanjan'ny Bokin'i Môrmôna izany—ary avy eo dia niteny tamin'izy ireo hoe tsy nanana izany boky izany amin'ny fitenin'izy ireo izy.

Enim-bolana talohan'ny nodian'i Eric, dia tonga ny andiany voalohany tamin'ireo Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Silôveniana izay nalefa. Nanao fivoriana ny sampana izay nahazoan'ny mpikambana sy ny misiônera tsirairay avy boky iray tamin'izany. Tsaroan'i Eric fa "nisy fahatsapan-javatra manokana tamin'izay." Nosoratany tao amin'ny diariny ny zavatra tsapany rehefa nihazona izany boky sarobidy izay efa nandrasana hatry ny ela izany. Nanoratra izy hoe: "Toy ireny hoe nihazona ireo takela-bolamena ireny mihitsy izany." Taorian'ny fivoriana, dia nentin'ireo misiônera ny ambin'ny boky mba hampiasaina amin'ny asa fitoriana. Nangitakitaka tokoa i Eric sy ilay mpiara-mitory




Rehefa mandroso tsara ny asa fandikan-teny, dia miaina fifaliana amin'ny fihazonana voalohany ny Bokin'i Môrmôna amin'ny fiteniny ireo mpikambana manerana an'izao tontolo izao tahaka an'i Lea sy i Flora Lotrič tany Silôvenia.


SARY NALAIN'I ERIC GEMMELL



## MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY

"Tsy azoko hoe ahoana no ahafahan'ny olona izay marani-tsaina rehetra mieritreritra fa na olona iza na iza dia afaka namokatra ny Bokin'i Môrmôna tsy nila ny fanampian'Andriamanitra, boky efa teo anoloantsika tao anatin'ny zato taona mahery ankehitriny ary nahazaka ireo fisedrana tao anatin'ny vanimpotoana rehetra, na dia teo aza ny fanambanimbaniana natao taminy noho ny antony maro samihafa. Ankehitriny izany boky izany, izay nadikan' i Joseph Smith toy ny fitaovana nampiasain'ny Tompo, dia mipetraka amin'ny toerana ambony dia ambony. Izany ankehitriny no misiônera lehibe indrindra izay ananantsika mba hitoriana ity filazantsara ity. Tsy misy zavatra hafa azo oharina amin'izany.

**Filoha Heber J. Grant (1856–1945), *Gospel Standards,* comp. G. Homer Durham (1941), 15.**



**MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY**

"Misy hery iray ao anatin'ilay boky izay hanomboka hirotsaka ao amin'ny fiainanao raha vao manomboka mandalina amim-pahamatorana ilay boky ianao. Hahita hery lehibe kokoa hanoherana ny fakam-panahy ianao. Hahita hery hisorohana ny fahadisoam-panantenana ianao. Hahita hery hijanonana eo amin'ilay lalana ety sy tery ianao."

**Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994), "The Book of Mormon—Keystone of Our Religion,"** ***Ensign,*** **Nôv. 1986, 4; ato amin'ity laharana ity koa ao amin'ny pejy 52.**

taminy ka rehefa tonga tao an-tranony izy ireo dia nosokafany ilay baoritra dia naparitany ireo boky ary nalainy sary mba hahatsiarovana ilay zava-niseho. Tsy andrin'izy ireo izay hizarana ireo boky amin'ny olona. Niaraka tamin'ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Silôveniana teny antanana, dia tsy hoe nahita fahombiazana bebe kokoa fotsiny tamin'ny fanatonana olona akory ireo misiônera, fa nanana fomba koa hamelomana indray ny fijoroana ho vavolombelon'ireo mpikambana malaina izay tsy tonga tany am-piangonana nandritra ny taona maro.

Tao anatin'ny enimbolana faran'ny asa fitoriany, dia nijery ny fitomboan'ny fijoroana ho vavolombelon'ireo mpikambana Silôveniana i Eric. Vao nahazo ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteniny izy ireo" hoy izy "dia tena nahatakatra izany. Tena nilentika lalina tao am-pon'izy ireo izany." Teo aloha, ny mpanao lahateny sy ny mpampianatra nandritra ny fivoriam-piangonana dia tsy maintsy namaky ny soratra masina tamin'ny fiteny Serbo-croate ary tsy maintsy nisy olona nandika izany sy nanazava ny sasany tamin'ireo teny. "Tahaka ireny hoe nandeha niadana dia niadana tao anatin'ny teny nindramina avy tamin'ny fiteny iray hafa izahay," araka ny fahatsiarovan'i Eric. Rehefa nanomboka namaky ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fitenin'izy ireo ny mpikambana, "dia nitombo avy hatrany ny fahatakaran'izy ireo ny filazantsara" hoy i Eric.


### Amin'ny Fitenin'Izy ireo

I Mojca Zheleznikar dia iray amin'ireo mpikambana izay tonga mpikamban'ny Fiangonana tao Silôvenia talohan'ny nahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Silôveniana. Ny fijoroany ho vavolombelona momba ny filazantsara dia tonga tamin'ny alalan'ny fihainoana ny misiônera sy ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Kirôasiana sy Anglisy. Taorian'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Silôveniana, dia namaky ilay lahatsoratra voadika i Mojca ary nahatsapa ny herin'ny teny tamin'ny tenin-drazany. "Nahatsapa ny fahamarinana nivelatra teo anoloako tao anatin'ny fahatsorana mazava sy fahadiovana lalina aho" hoy ny filazany. "Tahaka ny feon'ny Mpamorona ahy niteny tamiko tamin'ny fiteniko izany, fiteny izay niresahan'ny reniko tamiko."

Ny mpikambana manerana izao tontolo izao dia efa samy niaina fahatsapana tahaka izany rehefa nandray ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteniny izy ireo. Tamin'ny taona 2003 taorian'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Kekchi, fiteny izay ampiasain'ny vahoaka Maya any Guatemala sy any Belize dia nanao fanitsiana ilay dikan-teny ireo mpandika teny niaraka tamin'ireo vondrona mpikambana teo an-toerana. Nitantara ny mpandika teny iray hoe: "Navondronay tao amin'ny trano fivavahana Senahú ny vondrona iray nahitana



***Aorian'ny fahavitan'ny fandikan-teny, dia misy mpikamban'ny Fiangonana izay miteny ilay fiteny angatahana hanao ny fanitsiana ny lahatsoratra. Avy eny ankavia: Walter Barillas Soto, Mike Peck, Sulenny Ruby Cucul Sierra, John Bringhurst, ary Josefina Cucul Tiul manao ny fanitsiana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny fiteny Kekchi tao Cobán, Guatemala.***



## MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY MPAMINANY IRAY

"Tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra sy ny heriny no nandikan'i [Joseph Smith] ny boky (ny Bokin'i Môrmôna) avy tamin'ilay fiteny tany ifotony sy avy tamin'ny teny voasokitra teo amin'ny takela-bolamena nankany amin'ilay fiteny izay hamakiantsika azy ankehitriny ao anatin'ny fonon'ity boky ity ary izany dia mirakitra ny fahafenoan'ny Filazantsara mandrakizay. Izany dia hitarika ny olona hahazo ny fahalalana ny fahamarinana izay ahafahan'izy ireo ho voavonjy sy ho tavaferina eo anatrehan'Andriamanitra ary handray ny voninahiny sy ny fiainana tsy manam-petra."

**Filoha Joseph F. Smith (1838–1918), *Enseignement du Présidents de l'Eglise: Joseph F. Smith* (1998), 42.**

ireo mpikambana mpisava lalana mba hanao ny famakiana, ary isaky ny nahavita andininy iray izahay dia nisy fahanginana feno fanajana nanenika ny efitrano. Tena feno ny fahatakarana, ary dia tena nanatrika tamin'ny fomba mahery vaika teo ny Fanahy Masina. Tena traikefa masina izany."

I Elvira Tzí izay iray tamin'ireo mpikambana nanatrika teo dia tena nankasitraka ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Kekchi satria hitondra fitahiana ho an'ireo taranaka vao misondrotra izany. Nilaza izy fa ilay dikan-teny dia hamela ireo tanora mpikambana "hahazo fahatakarana feno ny tenin'ny Tompo ary hanana fanajana ireo zavatra izay takian'ny Tompo."

Ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana, ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny fitenin'izy ireo dia loharanon'ny fitahiana tsy voatanisa. Ny Fiadidiana Voalohany dia nilaza fa "rehefa mianatra sy mampianatra ombam-bavaka avy amin'ny soratra masina" ny mpikambana "dia hiroborobo ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona, hitombo ny fahalalan'izy ireo, hivelatra ny fitiavan'izy ireo ny fianakaviany sy ny hafa, hitombo ny fahafahan'izy ireo manompo ny hafa, ary dia hahazo tanjaka lehibe izy ireo handresy ny fakam-panahy sy hiaro ny fahamarinana."[1]

### Fitahiana lavitr'Ezaka

Ireo fitahiana lehibe entin'ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fiainan'ireo izay mandalina izany dia avy amin'ny faharisihana lehibe tokoa hizara ny boky amin'ny hafa, izay fahatanterahan'ny faminaniana hafa. Isan-taona dia eo amin'ny Bokin'i Môrmôna efatra tapitrisa no zaraina manerana an'izao tontolo izao amin'ny fiteny 100, rehefa mandeha tsirairay mizara ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ireo mpikambana sy Misiônera. Ny "fikasana hendry" izay nolazain'i Almà fahiny dia niharihary tamin'ny alalan'ny fielezan'ny Bokin'i Môrmôna manerana an'izao tontolo izao sy ao anatin'ny fiainana tsirairay niova. ■

FANAMARIHANA

1. First Presidency letter, 15 Ôkt. 2008.

## FISIAN'NY BOKY AMIN'NY ENDRINY HAFA

Ny Bokin'i Môrmôna dia hita amin'ny endriny hafa ankoatry ny teny navoaka ho boky, arakaraka ny fomba samihafa handalinan'ny olona sy hianarany.

**Famoahana ao amin'ny Internet sy amin'ireo Fitaovana Azo Entina Mandehandeha**

Ny Bokin'i Môrmôna ankehitriny dia azo vakiana ao amin'ny Internet (scriptures.lds.org) sy amin'ny alalan'ireo fitaovana azo entina mandehandeha (mobile.lds.org). Amin'izao fotoana izao dia miisa 21 ireo fiteny hita ao amin'ny internet ary mbola hisy maro hafa ho avy. Ny fampifandraisana ny soratra masina sy ny fitadiavan-javatra amin'ny antsipiriany amin'ny alalan'ny internet dia manome fahafahana ny fandalinana ny soratra masina amin'ny fomba hafa izay mitondra fahalalana vaovao.


**Famoahana Raki-peo**

Amin'izao fotoana izao, dia misy ny famoahana rakipeon'ny Bokin'i Môrmôna amin'ny teny Anglisy, Japôney, Pôrtogey, ary Espaniôla. Azonao alaina ao amin'ny scriptures.lds.org ilay raki-peo izay maimaim-poana na afaka mividy ny kapila mangiran'izany ianao any amin'ny Foibe Fanapariahana (store.lds.org). Misy toko voafantina koa izay ao anatin'ny horonam-peo amin'ny teny Cakchiquel, Mam, Navajo, Quiche, ary Tzotzil. Efa eo andalam-pamokarana rakipeo amin'ny fiteny hafa izao.



**Endriny Hafa**

Ireo tantara an-tsary miloko sy lahatsoratra notsorina, *Tantara ao amin'ny Bokin' i Môrmôna* dia manome lanja ny fianarana amin'ny alalan'ny maso ho an'ireo izay mianatra mamaky teny. Natonta tamin'ny fiteny mihoatra ny 70 izany. Ny *Tantara ao amin'ny Bokin' i Môrmôna* dia hita ao amin'ny internet ao amin'ny scripturestories.lds.org. Hita koa ao amin'ny Foibe Fanapariahana ny DVD amin'ny Fiteny Tanana Amerikana sy ny dikanteny ao anaty boky lehibe (amin'ny teny anglisy, Pôrtôgey ary Espaniôla), ary ny boky famakin'ny jamba amin'ny teny Anglisy.



AMBONY ANKAVIA: SARY NALAIN'I BUSATH PHOTOGRAPHY; ENY AMBANY: SARY NALAIN'I TOD HARRIS

# FANONTANIANA FAMETRAKA MATETIKA
## MAHAKASIKA NY BOKIN'I MÔRMÔNA



*Isika rehetra dia tratran'ny fanontaniana mahakasika ny Bokin'i Môrmôna izay na izany avy avy amin'ireo namana, na fianakaviana, na ireo tena liana, na ireo mpanohitra tsotra izao. Ireto avy ireo valinteny mety azo hamaliana izany.*



**Inona no atao hoe Bokin'i Môrmôna ary amin'ny fomba ahoana no itovian'izany amin'ny Baiboly?**

Ny Bokin'i Môrmôna dia bokin-tsoratra masina mitovy amin'ny Baiboly. Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy izany.[1] Ny Baiboly dia miresaka amin'ny ankapobeny ny fiainana sy fampianarana tany Isiraely fahiny. Ny Bokin'i Môrmôna dia mitahiry ny rakitsoratry ny vondrona maromaro izay tonga teto Amerika, isan'izany ny fianakaviana iray izay niala tao Jerosalema tamin'ny 600 Talohan'i J.K. Ireo olona ireo koa dia avy amin'ny taranak'i Isiraely. Noho izany ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna dia nosoratan'ny olona manana lova mitovy saingy tamin'ny toerana samihafa teto amin'izao tontolo izao.

Toy ny Baiboly dia mihoatra noho ny firaketana tantara ny Bokin'i Môrmôna. Mitahiry "ny fahafenoan' ny filazantsaran' i Jesoa Kristy" izany (F&F 20:9): ny fampianarany, fotopampianarany, ary ireo faminaniana izay mijoro ho vavolombelona momba an'Andriamanitra Ray sy ny Zanany lahy, Jesoa Kristy.

Nanazava ny Mpaminany Joseph fa ny Bokin'i Môrmôna dia "milaza amintsika fa niseho teto amin'izany Kaontinanta [Amerika] izany ny Mpamonjy antsika taorian'ny Fitsanganany tamin'ny maty; ka nametraka ny Filazantsarany tamin'ny endriny feno rehetra, sy tamin'ny fahatsarany, sy ny heriny ary ny fitahiany Izy. Izy ireo dia nanana Apôstôly, Mpaminany, Mpiandry, Mpampianatra ary Evanjelisitra, lamina mitovy, fisoronana mitovy, ôrdônansy mitovy, fanomezana, hery ary fitahiana izay azon'ireo tany amin'ny kaontinanta atsinanana; . . . ka ireo mpaminany farany teo anivon'izy ireo dia nodidiana hanoratra rakitsoratra amin'ireo faminaniany, tantarany sy ny sisa, ary hanafina izany ao ambanin'ny tany, ary izany dia tokony hiseho sy hiray hiaraka amin'ny Baiboly ho fanatanterahana ny tanjon'Andriamanitra amin'ny andro farany."[2]

Ny mpikamban'ny Fiangonana dia sady mandalina ny Baiboly no mandalina ny Bokin'i Môrmôna. Raha ny marina dia indroa ao anatin'ny efa-taona no atokana amin'ny fandalinana ny Baiboly ao amin'ny fandaharam-pianaran'ny Sekoly Alahady ianarantsika. (Ho fampahalalana bebe kokoa mikasika ity lohahevitra ity dia jereo ireo pejy 16, 24, ary 52 ao amin'ity laharana ity.)



**Iza no nanoratra ny Bokin'i Môrmôna?**

Ireo mpanoratra voalohany ao dia ireo mpaminany fahiny toa an'i Nefia, Jakôba, Môrmôna ary ny zanakalahin'i Môrmôna, i Môrônia. Nanambatra sy namintina sy ireo rakitsoratra notehirizin'ireo mpaminany mikasika ny tantarany, ny faminaniany ary ny fampianarany i Môrmôna. Nampiany an'ireo zavatra niainany sasantsasany koa izany. Nosokirin'i Môrmôna teo amin'ny takelaka vy—miloko volamena—izany rakitsoratra izany, izay matetika antsoina hoe ireo takela-bolamena.

Taorian'ny fahafatesan'i Môrmôna dia nofaranan'i Môrônia izany rakitsoratra izany ary naleviny teo amin'ny havoana mba hotehirizina ho an'izao androntsika izao. Tamin'ny 1823 dia niseho tamin'i Joseph Smith i Môrônia, tamin'ny endrika anjely ary nampiseho azy ireo rakitsoratra nalevina. Efa-taona taty aoriana dia navela ho nalain'i Joseph ireo rakitsoratra ireo. "Nandika izany rakitsoratra izany tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra sy ny heriny" avy tamin'ny fiteny fahagola nanoratana izany ho amin'ny teny Anglisy izy.[3] Avy eo dia navoakany sy naparitany ny Bokin'i Môrmôna. (Ho fampahalalana bebe kokoa mikasika ity lohahevitra ity dia jereo ireo pejy 22 sy 72 ao amin'ity laharana ity.)

**Iza koa no nahita ireo takela-bolamena ireo?**

**Inona no nitranga tamin'ilay rakitsoratra voalohany—ilay takela-bolamena?**

Nahazo ireo takelaka ireo i Joseph Smith tamin'ny Septambra 1827 ary nanana izany hatramin'ny lohataonan'ny 1829. Rehefa nanoratra ny tantarany izy tamin'ny 1838 dia nanazava ny zavanitranga tamin'ireo takelaka: "Nony tonga haka izany ilay iraka [Môrônia], araka ny nifanarahana, dia natolotro azy izany; ka izy no efa miahy izany hatramin' ny andro faharoan' ny volana Mey, valo amby telopolo sy valonjato sy arivo" (Joseph Smith—Tantara 1:60).

**Iza koa no nahita ireo takela-bolamena ireo?**

Ankoatr'i Joseph Smith dia nisy lehilahy sy vehivavy maromaro no nahita ireo takelaka ary nijoro ho vavolombelona ny amin'ny fisiany. Nanoratra ny fijoroany ho vavolombelona tamin'ny fahitany ireo takelaka ireo Lehilahy Iraika ambin'ny Folo, fantatra amin'ny hoe Ireo Vavolombelona Telo sy Ireo Vavolombelona Valo ary ho an'ireo farany dia nihazona ireo takelaka mihitsy. Nampidirina eo amin'ny pejy voalohandoahan'ny Bokin'i Môrmôna tsirairay ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona.



Mijoro ho vavolombelona mahery vaika ny amin'ny Bokin'i Môrmôna ireto lehilahy ireto, ary mety mihoatra noho izany satria ny sasasantsany tamin'izy ireo dia "nisy fotoana tsy nifankahazo tamin'i Joseph," araky ny nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Na dia izany aza "nijoro ho vavolombelona mandra-maty [izy ireo] fa nahita anjely ary nihazona teo an-tanany ireo takelaka. 'Naseho anay izany tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra, fa tsy herin'olombelona,' araka ny filazan'izy ireo. 'Noho izany dia fantatray tanteraka fa marina ity asa ity.'"[4]

**Moa ve misy porofo mivaingana fa marina tokoa ny Bokin'i Môrmôna?**

Na dia tsy ataontsika fototry ny finoana aza ireo porofo azo tsapain-tanana

SARY NATAON'I ROBERT CASEY



dia misy porofo mahakasika ny fomba fiteny, tantara ary ny hainifahagola ho an'ny Bokin'i Môrmôna. Ohatra, nisy fotoana narabirabiana izany hoe rakitsoratra nosoratana tamin'ny takelaka metaly izany, saingy tao anatin'ny taona vitsivitsy izay dia karazana soratra masina tamin'ny takelaka metaly—izay nafenina tao anatin'ny vata vato ny sasany—no hita.

Nomarihan'ireo mpahaitsikerafiteny fa ireo teny sy andian-teny izay toa hafahafa amin'ny teny Anglisy hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia manome ny dikany tsara amin'ny teny Hebreo sy ireo fiteny miarakaraka amin'izany izay fiteny fantatr'ireo olona ao amin'ny Bokin'i Môrmôna—fiteny izay tsy hain'i Joseph Smith mihitsy.

Kanefa tsy ireo karazan'ny porofo ireo no mandresy lahatra antsika amin'ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna. Resaka finoana sy fanambarana manokana izany.

**Ahoana no ahafahako mahafantatra fa marina ny Bokin'i Môrmôna?**

Ny hany fomba azo antoka ahafantaran'ny tenanao mivantana dia amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Ny toko farany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia manasa ny rehetra izay mamaky izany, mandalina izany ary tehahafantatra amin-kitsimpo raha toa ka marina izany mba hanontany ny Ray any an-danitra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Ireo izay manao izany dia hahafantatra amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa marina ilay boky (jereo ny Môrônia 10:3–5). An-tapitrisany ireo mpikamban'ny Fiangonana nivavaka ary mahafantatra tamin'ny alalan'ny vavolombelon'ny Fanahy Masina fa marina ny Bokin'i Môrmôna. (Ho fampahalalana bebe kokoa mikasika ity lohahevitra ity dia jereo ny pejy (4), (60), ary ny (80) ao amin'ity laharana ity.)

**Very hevitra aho amin'ny Apokalypsy 22:18–19, izay milaza amintsika ny tsy hanampy na inona na inona ny tenin'Andriamanitra.**

Iray amin'ireo fanalahidin'ny finoantsika dia ny fahafantarana fa manambara hatrany ny Sitrapony amin'ireo Zanany eto an-tany Andriamanitra ary hanohy hanao izany. Mino ny Baiboly ho tenin'Andriamanitra isika kanefa tsy mino fa mitahiry ny fanambarana nomen'Andriamanitra rehetra izany na ireo izay mbola homeny ny Mpaminaniny. Eny na ankehitriny aza dia manohy manambara ny Sitrapony amin'ny alalan'ny mpaminany sy apôstôly velona Izy, izay fototry Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany (jereo ny Efesiana 2:20).

Rehefa nanakatona ny bokin'ny Fanambarana ny Apôstôly Jaona dia tsy ny boky faran'ny Baiboly akory izany. Tsy natambatra ho boky soratra masina iray ny Testamenta Taloha sy Vaovao—izay antsointsika ankehitriny hoe Baiboly—raha tsy tamin'ny taonjato fahatelo Taorian'i J.K.

Toy izany koa ny Deoteronomia 4:2 dia milaza amintsika ny tsy hanampiana ny tenin'i Mosesy. Raha ny marina, ity andininy ity, izay voasoratra taloha tao amin'ny Testamenta Taloha dia tsy mandà ny boky ambiny ao amin'ny Baiboly. Na i Mosesy na i Jaona dia tsy afaka ny hiresaka ny fanovana boky iray izay tsy mbola nisy akory; fa kosa

**RAHA TE-HIANATRA BEBE KOKOA MOMBA NY BOKIN'I MÔRMÔNA**



Manan-karena fampahafantarana ao amin'ny tranokala ary amin'ny fiteny maro izay afaka ny hanampy anao hianatra bebe kokoa momba ny Bokin'i Môrmôna ary hizara izany fampahafantarana izany amin'ny fianakavianao sy ny namanao.

- Raha hamaky ny Bokin'i Môrmôna ao amin'ny tranokala dia mitsidiha ny scriptures.lds.org/bm.
- Raha te-hianatra bebe kokoa momba ny Bokin'i Môrmôna, na hametraka fanontaniana, na hifampiresaka amin'ny alalan'ny fifaneraserana amin'ny Internet amin'ireo misiônera dia mandehana ao amin'ny mormon.org/book-of-mormon.
- Raha hangataka Bokin'i Môrmôna iray maimaimpoana dia mitsidiha ny mormon.org/free-book-of-mormon.
- Ho fampahalalana bebe kokoa sy hahitana lahatsoratra ary fanazavana bebe kokoa, dia jereo ny lds.org/study/topics/book-of-mormon?lang=eng.

nampitandrina izy ireo ny amin'ny fanovàna ireo fampianarana marin'ny filazantsara.

Ny Bokin'i Môrmôna, izay mitahiry ny fahafenoan'ny filazantsara dia tsy manova ny tenin'Andriamanitra fa manamafy izany. (Ho fampahalalana bebe kokoa mikasika ity lohahevitra ity dia jereo ny pejy (24) sy (38) ato amin'ity laharana ity.)

### Reko fa nasiam-panovana teo amin'ny Bokin'i Môrmôna hatramin'ny namoahana azy voalohany. Inona no niova ary nahoana?

Ny valin'ity fanontaniana ity dia miankina amin'ny fahatakarana kelikely momba ny dingan'ny fandikana sy fanontana ny Bokin'i Môrmôna.

1. Rehefa nandika ireo takela-bolamena tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra i Joseph Smith dia nanonona ireo teny tamin'ny mpandika soratra. Matetika ireo mpandika soratra no nanao fahadisoana teo amin'ny fanoratana sy ny fitsipi-pitenenana teo am-panoratana ny teniny. Ohatra, ao amin'ny 1 Nefia 7:20 ireo teny hoe "feno alahelo" dia nodisoana teo amin'ny fanoratana azy. Tsy nianatra ireo mpitantsoratra ary tsy mbola manara-penitra ny fanoratana tamin'izany fotoana izany.



**Ahoana no ahafahako mahafantatra fa marina ny Bokin'i Môrmôna?**

2. Ilay dikantenin'ny asa sora-tanana tany ifotony dia nanaovana tahadika mba hahafahana manao asa sora-tanana vaovao ho an'ny mpanao printy. Teo amin'izany dingana izany dia nasiam-panitsiana ireo fahadisoana ara-panoratana sy ara-pitsipipitenenana sasantsasany ary nasiana ihany koa mari-tsoratra. Kanefa nisy fahadisoana vaovao tafiditra rehefa nisy fahadisoana teo amin'ny fanaovana tahadika ireo teny.

3. Nanao izay faran'ny vitany ny mpanao printy mba hametrahana ny teny araky ny tokony ho izy. Na dia izany aza dia matetitetika no nampiditra fahadisoana hafa izy. Ohatra, ao amin'ny Almà 57:25 dia diso ny teny "fifaliana" ary lasa hoe "fahavalo."

4. Nijery tsara ireo famoaham-boky telo voalohan'ny Bokin'i Môrmôna ny Mpaminany Joseph Smith, ary nanampy tamin'ny fanatsarana sy fampifanarahana araky ny tokony ho izy. Kanefa tsy hita ireo fahadisoana sasantsasany raha tsy efa taty amin'ny famoahamboky farany taty aoriana. Ireo fahadisoan'ny mpanao printy tamin'ny 1981 ao amin'ny Almà 16:5 dia voahitsy ihany tamin'ny farany, izay nanovana ny teny hoe "izay" araky ny tokony ho izy—mampifanaraka izany amin'ny asa sora-tanana tany ifotony araka ny nandikan'ny Mpaminany azy avy tamin'ny takela-bolamena.

5. Ireo fanovana hafa dia ahitana toko vaovao sy fanapatapahana andininy ary fanovozan-kevitra eny amin'ny farany ambanin'ny pejy miaraka amin'ny soratra masina mifandray aminy.

### Mizarà Bokin'i Môrmôna Iray

Na inona na inona fanontaniana apetraky ny olona mikasika ny Bokin'i Môrmôna dia ilay boky ihany no fiarovan-tena tsara indrindra. Afaka mijoro ho vavolombelona momba ilay boky ianao, mizara anankiray amin'izany, ary manasa ny hafa hivavaka mikasika izany ho an'ny tenany manokana. Raha toa ka mahitsy fo sy manampaniriana marina te-hahafantatra raha marina ilay boky na tsia ny olona iray dia ny Tompo no "haneho ny fahamarinan' izany [amin'ilay olona] amin' ny herin'ny Fanahy Masina" (Môrônia 10:4). ■


**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny ohatra ao amin'ny, Boyd K. Packer, "The Book of Mormon: Another Testament of Jesus Christ," *Liahona,* Jan. 2002, 71.
2. *Enseignements de Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 64.
3. *Enseignements: Joseph Smith,* 60.
4. Jeffrey R. Holland, "Safety for the Soul," *Liahona,* Nôv. 2009, 90.

**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo



# FIJOROANA HOVAVOLOMBELONA IRAY, SY FANEKEMPIHAVANANA IRAY, ARY VAVOLOMBELONA IRAY


Ireo fiekena masina nananako momba ny Mpamonjy sy ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny dia tonga tamiko fony aho zatovolahy rehefa namaky ny Bokin'i Môrmôna aho. Tamin'ny fotoana namakiako izany rakitsoratra masina izany no nahatsapako—niverimberina foana—ilay bitsiky ny Fanahy Masina tsy azo lavina izay nanambara tamin'ny fanahiko ny fahamarinany.

Fiantombohan'ny fahazavako ny famakiako ilay boky. Izany no loharanon'ny fahalalako ara-panahy voalohany fa velona Andriamanitra ary Raiko any an-danitra Izy ary nisy drafitry ny fahasambarana izay narafitra any amin'ny mandrakizay ho ahy. Nitarika ahy izany hitia ny Baiboly Masina sy ireo soratra masina hafa ankatoavin'ny Fiangonana. Nampianatra ahy hitia an'i Jesoa Kristy Tompo izany sy hahatsinjo ny fangorahany feno famindram-po ary hieritreritra momba ny fahasoavan'ny Sorompanavotany ary ny halehiben'izany.

Noho ny fahafantarako manokana fa ny Bokin'i Môrmôna—testamenta iray hafa sy fanekempihavanana iray vaovao—dia vavolombelona marina manambara fa i Jesoa no Kristy, dia nahafantatra koa aho fa mpaminanin'Andriamanitra i Joseph Smith. Hoy ny rain'ny raiben'ny raibeko tany am-piandohan'ny Famerenana tamin'ny laoniny hoe: "Tsy misy olona ratsy toetra afaka nanoratra boky toy ity; ary tsy misy olona tsara toetra hanoratra azy raha tsy hoe marina izany ary hoe nodidian'Andriamanitra izy mba hanao izany."[1]

Ireo zavatra voalohany ninoako dia nampian'ireo fotoana nahazoana fanazavana sy fanehoana masina izay nanome lanja lalina ny fiainako ankehitriny ary nampisy tanjona ny fiainako sy fototra mafy orina iorenan'ny fijoroako ho vavolombelona.

Ankehitriny, tsy nandeha sambo niaraka tamin'ny rahalahin'i Jareda aho. Tsy naheno an'i Benjamina Mpanjaka nanao ilay toriteny nozaraina tamin'ny fomban'ny anjely aho. Tsy teo anivon'ireo Nefita maro izay nikasika ny ratran'ny Tompo nitsangana tamin'ny maty aho, na koa niara-nitomany tamin'i Môrmôna sy Morônia noho ny faharavan'ny sivilizasiôna iray. Saingy ilay fijoroana ho vavolombeloko momba ity rakitsoratra ity sy ny fiadanana entiny ho an'ny fon'olombelona iray—izay nomena ahy tamin'ny alalan'ny bitsiky ny Fanahy Masina toy ny nanomezana izany anao—dia raiki-tapisaka sy mazava toy ny azy ireo. Mijoro ho vavolombelona momba ity boky ity aho ka manao izany amimpahatokiana toy ireny hoe nahita ireo takelabolamena ireny niaraka tamin'ireo Vavolombelona Telo sy Valo.



*Mijoro ho vavolombelona aho fa ny Bokin'i Môrmôna dia fanekempihavanana iray vaovao, testamenta iray vaovao avy tany amin'ilay Tany Vaovao ho an'izao tontolo izao.*

Mbola mijoro ho vavolombelona koa aho fa tsy misy na iza na iza amintsika hahazo finoana feno ao anatin'ity asan'ny andro farany ity ary avy eo hahazo fiadanana tena lehibe amin'izao androntsika izao raha tsy efa mahafantatra ny maha avy amin'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna izy sy ny maha Andriamanitra an'i Jesoa Kristy Tompo izay momba Azy no ijoroan'izany ho vavolombelona. Toy ny nilazan'i Môrmôna tamin'i Morônia tao anatin'ny fotoana tena nanahirana azy ireo no ilazako koa ao anatin'izao fotoana manahirana antsika izao hoe: "Aoka ho mahatoky ao amin'i Kristy. . . . Ary enga anie ny fahasoavan'Andriamanitra Ray izay any an-danitra avo ny seza fiandrianany sy ny an'i Jesoa Kristy Tompontsika izay mipetraka eo an-tanana ankavanan'ny heriny . . . ho aminao sy hiara-hitoetra aminao mandrakizay" (Morônia 9:25–26).

Ny Bokin'i Môrmôna dia fanehoana masina ny fanekempihavanana lehibe farany nataon'i Kristy tamin'ny zanak'olombelona. Fanekempihavanana vaovao izany ary testamenta vaovao avy tany amin'ilay Tany Vaovao ho an'izao tontolo izao. Ny hazavana handehanako dia ilay Hazavany. Ny Famindrampony sy ny Hatsarany dia nitarika ahy—sy ianao—hijoro ho vavolombelona momba Azy eo amin'izao tontolo izao. ■

**FANAMARIHANA**
1. George Cannon, voalaza tao amin'ny "The Twelve Apostles," ao amin'ny edisionan'i Andrew Jenson, *The Historical Record,* 6:175.

*THE BIBLE AND THE BOOK OF MORMON TESTIFY OF CHRIST,* NATAON'I GREG K. OLSEN




*Ary dia Nositraniny Daholo Izy Ireo,* Nataon'i Gary Kapp

*"Moa va ianareo manana ireo izay marary eo anivonareo? Ento aty ireo. . . .*

*". . . Satria hitako fa ampy ny finoanareo hanasitranako anareo.*

*"Ary ny zava-nitranga, rehefa avy niteny toy izany Izy, dia niara-nientana ny valalabemandry iray manontolo, nandroso niaraka tamin' ny marariny sy ny oriny ary ny maleminy, ary niaraka tamin' ny jambany, ary niaraka tamin'ny mareniny sy tamin' ireo izay nijaly na manao ahoana na manao ahoana izany; ary nositraniny ny tsirairay avy taminy arakaraka ny nitondrana azy teo anoloany" (3 Nefia 17:7–9).*



"Ary ankehitriny … ianareo rehetra faran'ny tany, mihainoa ireto teny ireto sady minoa an'i Kristy; ary raha tsy mino ireto teny ireto ianareo, dia minoa an'i Kristy. Ary raha mino an'i Kristy ianareo, dia hino ireto teny ireto, satria tenin'i Kristy ireo ary … mampianatra ny olon-drehetra ireo mba hanao ny tsara.

"Ary raha tsy tenin'i Kristy ireo, dia tsarainareo-fa hasehon'i Kristy anareo amin-kery sy voninahi-dehibe amin'ny andro farany fa teniny ireo" (2 Nefia 33:10–11).

MALAGASY
4 02096 90654 7